



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-107

**FAMETRAHANA FANONTANIANA NATAON'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA  
SY VALINY AVY AMIN'NY MAMBRAN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-21  
Natao ny  
Talata 15 Desambra 2020  
- Tontolo andro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany:

- RAHANTANIRINA Lalao
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Talata 15 Desambra 2020, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fametrahana fanontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny mambran'ny Governemanta.

Nitohy ny Talata 15 Desambra 2020, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana, Ramatoa Filoha dia niarahaba ny Solombavambahoaka sy Andriamatoa Praiminisitra ary ireo Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Taorian'izay, niangaviany ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana ny anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, Mpampakateny Jeneraly.

Nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny fanamarihana ny fahatongavan'ny Solombavambahoaka ny tenany. Talohan'ny nirosoana tamin'ny fandaharam-potoana, nampahafantarina-dRamatoa Filoha, fa efa nivoaka ny laharana faha-13 amin'ny Gazety Akon'ny Antenimierampirenena. Efa nozaraina tamin'ny Solombavambahoaka izany, koa niangaviany mba hamaky sy hitondra fanatsarana mikasika azy io ny olom-boafidy raha toa ilaina.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Ramatoa Filoha, araka ny voalaza eo ambony ary niangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra mba hamaky ny andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana sy ny andininy faha-169 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay milaza ny fanatanterahana izao fihaonana izao.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatontosa izany ka toy izao no fivakiny:

Andininy faha-102, andalana faharoa, ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana voalazan'ny andininy faha-76 dia atokana ho an'ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ny Antenimiera sy ireo valiny avy amin'ny Governemanta.

Andininy faha-169, andalana voalohany, ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena:

Araka ny andininy faha-102, andalana faha-2 ao amin'ny Lalàmpanorenana, fivoriana iray isaky ny dimy ambin'ny folo andro farafahakeliny, ka anatin'izany ny fivoriana atao mandritra ny fotoam-pivoriana tsy ara-potoana, no atokana ho an'ny fanontanian'ireo Solombavambahoaka sy ny valiny avy amin'ny Governemanta. Izany fivoriana izany dia alefa mivantana amin'ny haino aman-jerim-panjakana.

Nambaran-dRamatoa Filoha taorian'izay, fa ho fanatanterahana izany andinin-dalàna izany no anton'izao fihaonana izao.

Toy izao no fandaminana amin'ny fizotry ny fivoriana taorian'ny nilazany izany: omena fitenenana dimy minitra, Andriamatoa Praiminisitra, hanaovany teny fampidirana. Telo minitra ihany koa no faharetan'ny fandraisam-pitenenana ho an'ny Solombavambahoaka mametraka fanontanianana. Mamaly ny Minisitra izay tandrify izany; avy eo, ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera mametraka fanontanianana sy mitondra fanamarihana ary mamarana, Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, hamaly na hilaza ny heviny amin'ireo fanamarihana nataon'ny Vondrona Parlemantera ireo.

Rehefa izany, nomena an'Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana, hanaovany teny fampidirana momba izao fihaonana izao.

Fisaorana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena nanome ny fitenenana no nanombohan'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta ny teniny.

Fiarahabana an-dRamatoa Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, ny mambra ao amin'ny Governemanta ary ny Solombavambahoaka no nataony manarak'izay.

Nankasitraka ny tenany satria ho fanajana ny Lalàmpanorenana izay voatanisa teo no nahatongavan'ny Governemanta tarihany eto ary ampitiavana sy ampanetren-tena tokoa no anajan'ny rehetra ny lalàna velona misy eto amin'ny tany sy fanjakana. Zava-dehibe tokoa ny ifankahitana sy miara-midinika tahaka izao satria tsy hoe feran'ny Lalàmpanorenana ihany, fa zava-dehibe no ifampizarana ny tebiteby sy ny zava-misy, indrindra ny ifampizarana ny fanantenana andrasan'ny vahoaka Malagasy amintsika tomponandraikitra isan'ambaratongany amin'ny Andrimpanjakana misy eto amin'ny firenena.

Tsy haiko ny tsy hahatsiaro manokana, amin'izao fandraisana fitenenana voalohany izao, ireo olona lavo noho ny valan'aretina «Coronavirus»; fantatra fa tafiditra teto amintsika tahaka ny any amin'ny firenena rehetra eran-tany, tao anatin'izay 9 volana izay. Mahatsiaro azy ireo isika anio ary heverina fa ny ezaka niombonan'ny rehetra tsy ankanavaka na taty amin'ny Mpanatanteraka na ny Mpanao Lalàna dia ezaka mampisandratra ny firenentsika.

Mahatsiaro manokana ireo havantsika izay miatrika ny tsy fanjarian-tsakafo sy mosary any Atsimo koa isika rehetra amin'izao fotoana izao.

Zava-dehibe ny ametrhantsika izany satria vahoaka Malagasy mitovy amintsika izay itondrana vahaolana fohy ezaka sy ezaka antonintoniny ary lavitrezaka izy ireo amin'izao fotoana izao. Zava-dehibe, hoy aho, ny ahatsiarovantsika eo amin'ny tantaran'ny firenentsika, eo amin'ny fiaimpiainan'ity firenena iombonantsika ity ny zava-misy.

Zava-dehibe tokoa amin'izao fanombohana izao ny iarovantsika ireo Malagasy mpiray tanindrazana amintsika izay niaina ny zavatra rehetra ka lavo tao anatin'iny tranga voalaza teo iny.

Zava-dehibe amintsika koa ny fanajana ny Lalàmpanorenana araka ny voalaza teo.

Vita soa aman-tsara ny fifidianana izay ho Loholona tamin'ny faha-11 Desambra 2020 lasa teo. Eto aho dia manararaotra, misaotra ny vahoaka Malagasy iray manontolo tamin'ny fitoniana sy filaminana niarahana tao anatin'izay fotoana nanomanana ny zotram-pifidianana teto amin'ny firenena izay. Fanajantsika ny Lalàmpanorenana izany, Tompokolahy sy Tompokovavy ary heverina fa rariny dia rariny raha misy Andrimpanjakana iray na iza io Andrimpanjakana io na iza, rehefa tapitra ny fe-potoana iasana dia miroso isika amin'ny fifidianana. Izany no iainantsika ny Demokrasia, izany no iainantsika ny atao hoe tany tan-dalàna. Zava-dehibe ho antsika ny fijoroana hatrany amin'ny fahamarinana eo amin'ny fitondrana amin'ny ambaratongam-pitondrana misy antsika, ny lalàna velona misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Ao anatin'izany fitantanana sy fanatsarana ankapobeny izany, heverina fa rariny dia rariny ny ilazana fa miroso hatrany ny fiainam-pirenentsika amin'ny ezaka iombonantsika na atỳ amin'ny Antenimierampirenena izany na eo amin'ny Mpanatanteraka amin'ny tokony hisian'ny fifamenoana eo amintsika mba hampanjariana ny ezaka rehetra hampandrosoana ny firenentsika.

Misy fotoana hanazavana amin'ny antspiriany ny ezaka rehetra, fa ao anatin'izay dia misy ny fanajana ny Lalàmpanorenana. Porofon'izany, izao dinika izao; koa mino sy manantena izahay eo anivon'ny Governemanta iray manontolo, fa ao anatin'ny firaisan-tsaina tokoa no anaovana izany na misy aza ny hevitra tsy mitovy na ny firehana tsy mitovy, fa ny fitiavantsika hametraka ambony hatrany ny hasim-pirenentsika no mibaiko ny fo sy fanahy ary ny saintsika amin'izao fotoana lehibe izao.

Mino sy manantena izahay fa hoiresintsika ny mety zavatra hanahirana amin'izany fifampiresahana izany. Vonona amin'izany izahay mpikambana eto anivon'ny Governemanta iray manontolo, hitondra fanazavana, hitondra fanamarihana ary hanaiky ny tsikera izay ataonareo satria hitondra tsikera, hitondra sosokevitra amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny fiainam-pirenena izay soa iombonana ianareo.

Mankasitraka Tompokolahy.

Misaotra Tompokovavy.

Taorian'izay, fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny fandraisany fitenenana no nataon-dRamatoa Filoha.

Nomarihany, fa efa misy Solombavambahoaka nahatonga ny anarany amin'ny fametrahampanontaniana atao amin'izao fihaonana izao.

Rehefa izany, nohamafisiny koa fa tokony hiompama amin'ny tranga misy ankehitriny araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena na “questions d’actualité” sy ny tombotsoa iombonana any amin'ny Distrika na “questions d’intérêt général” no fomba fiasa amin'izao fifampidiniana izao.

Momba ny fandraisam-pitenenana hataon'ny Solombavambahoaka kosa, samy manonona anarana sy ny Distrika niaviany, manondro ny Minisitera iantefan'ny fanontaniana ary ny mikasika ny Politika Ankapobeny indray dia miantefa amin'Andriamatoa Praiminisitra izany.

Taorian'izay, nandraisana fanapahan-kevitra ny momba ny hoe hamaly avy hatrany ve ny mpikambana ao amin'ny Governemanta rehefa avy miteny ny Solombavambahoaka miisa 5 sa tapitra miteny daholo vao mamaly ny Mpanatanteraka.

Rahefa natao ny tsangan-tànana, ny Solombavambahoaka rehetra tonga nivory no nilaza fa apetraka daholo ny fanontaniana ary any amin'ny farany vao mamaly ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa telo minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka.

Nanamafy izany koa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, tamin'ny satroka nataony.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana hiroso amin'ny fametrahana fanontaniana ny Solombavambahoaka, ka ireto avy izy ireo;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RABENIRINA Maminiaina Solondraibe
- RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina
- RANDRIAMBOLAINA Gerry
- RAKOTORAHALAHY Modeste
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- RALAMBOMANANA Fenoherintsoa
- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
- MAMANGY Norbert
- TSIKIVY Adrien
- MBADE Jeannine Gabriel
- RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA
- RAMBOASALAMA Emilien
- RABEKIJANA Solofo Hery
- RATSIMBAZAFY Alain Jean
- JEAN FRANÇOIS Michel
- RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- TSABOTOKAY Honoré
- RAKOTOSON Hubert
- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- RAKOTOMALALA Dina Taratriniaina
- ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel J
- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RASOLOMANANA Beby Olivier
- RANDRIANARISON Temis Togle
- RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson
- RASOAMALALA Honorine
- RANDRIANASOLO Augustin
- RAKOTONIRINA Jimmy Joe

-RAVONTY Tam Teon Luc Urbain  
-RAZAFINANDRASANA Raulan  
-RAMAMONJISOA Rakotonirina Jhon Wharry  
-RANDRIANASOLO Jean Nicolas  
-RAZAKANDRAINY Henri Dominique  
-RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth  
-DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Jhonny  
-NAKANY Charly Zafimagnely  
-RAMAHANDRISOA Edu-Edmond  
-MAMIZARA Yasmirah Loeticia  
-RABENARY Jean  
-BAOFENO Micheline  
-INDRIANDRO Julien  
-RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny  
-NASIRA Julien  
-EDIZARD  
-RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
-RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
-ANGELE Solange  
-RANDRIANARISOA Stanislas  
-ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa  
-RAMAROSOA Emiline  
-VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette  
-RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian  
-RIVOTIANA Richard Jean Bosco  
-RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera  
-RAHARIMAMPIONONA  
-RICHARD Tsimahalefy Alexandrine  
-CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot  
-RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène  
-RAHASIMANANA Paul Bert  
-RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine  
-JOHASY RAHARISOA Eléonore  
-RAKOTONDRA SOA Fetra  
-RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol  
-MAMIHAJA Charlot  
-DJAOSERA Irenée  
-RAVELOSON Guillaume Narinandrasana  
-DINA Romuald  
-RAJAOBELINA Lova Herizo  
-ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot  
-RAKOTOARIMANANA Patrice  
-RAZAIARIMALALA Harizaka Fiainantsoa  
-VONINAHITSY Jean Eugène  
-RAFIDIMANANA Narson  
-FIAROVANA Lovanirina Celestin  
-RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien

-VELONTSARA Paul Bert  
 -MANOLOSOA Felix  
 -RASIDIMANANA  
 -RAKOTONDRAVAO Georges  
 -RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine  
 -MBELO NDRIAMANAMPY Jean Germain Odon  
 -FIENENA Richard Désiré  
 -MOHAMAD Ahmad  
 -SATRA Augustin  
 -RANDRIAMISA Naina Marie Nicolas David  
 -FERNAND Jeannot  
 -ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina  
 -DARKHAOUI Siritis  
 -RATSIMANDRIONA Aida Hardy  
 -PEPIN MICHOU  
 -ASSIMO Bruno  
 -RANDRIANANDRAINA Théophile Christian  
 -RAMENASON Rio Merci  
 -RANDRIAMANAMPISOA Alfred  
 -RAMILSON Ange Richard  
 -RATSIMBAZAFY Alain José  
 -RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona  
 -ANDRIANAMBININA Djohary Lee  
 -ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace  
 -TOVONDRAY Retsanga Brillant de l'Or  
 -ZAFINANDRO Perle Bien Aimée  
 -RAHOLIJAONA Harson  
 -SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph  
 -ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien  
 -RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena  
 -EDIEDY Adolphe  
 -TSARADIA Marco  
 -RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André  
 -RAHANTANIRINA Lalao

Toy izao kosa ireo nisongadina tamin'ny fanontaniana napetraka isaky ny Minisitera izay nosokajiana araka ny laharan'ny arofenitra:

### **Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena**

Manao ahoana ny momba ny fanisana na ny resaka “révision” eo anivon'ny Tafika amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny “Direction de Sécurité Sociale” na ny DSS, ahoana no fomba hahazoana azy. Ho an'ireo efa manana azy, inona no antony tsy ampiasana sy itokanana azy ireo.

Mangataka ny hametrahana DSS koa ireo Solombavambahoaka tsy mbola manana izany mba hisian'ny fandriampahalemana, toy ny any Vangaindrano, Vondrozo, Ikalamavony sy ny toerana hafa.

Marefo ny fandriampahalemana koa maninona no tsy averina ny fanaovana "patrouille" indrindra eto andrenivohitra. Manjaka ny asan-jiolahy amin'ny toerana maro eto amintsika, koa miangavy ny hanaparitahana ny miaramila any amin'ny faritra maro.

Inona no sakana tsy ampiasan'ny Tafika angidimby mba hisorohana ireo asan-dahalo any amin'ny faritra maro satria mijaly ny tantsaha mpamokatra.

Maro ny toerana tokony hametrahana ny ZRPS satria nahazoana tombotsoa izany. Inona no antony tsy anohizana azy.

Nitambaran'ny ankamaroan'ny Solombavambahoaka ny hidinan'ny Tafika Malagasy ifotony mba hisian'ny fandriampahalemana maharitra. Inona no paikady mifandraika amin'ny fametrahana an'io fandriampahalemana maharitra io.

#### **Minisiteran'ny Raharaham-bahiny**

Aiza ho aiza ny fitakiana ny Nosy Malagasy manodidina antsika amin'izao fotoana izao.

#### **Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana**

Inona no sakana amin'ny tokony hanamboarana fonja eto amintsika satria mihoatra ny tokony ho izy ny voafonja tazonina amin'ireny toerana ireny. Izany hoe, manamboatra fonja vaovao mihitsy, tahaka izany koa ny tranon'ny mpiandry fonja.

Misy ireo asa saika hatao momba ny fanamboarana fonja kanefa toa nijanona izany ankehitriny. Inona no antony.

Aiza ho aiza ny tetikasa amin'ny fametrahana fitsarana ho an'ireo Distrika tsy manana izany.

Manao ahoana ny resaka "doléance" eny anivon'ny fitsarana. Maro ny olona mimenomenona momba izany, ka tsara raha azavaina satria misy olona tsy tokony higadra kanefa gadraina. Ohatra amin'izany ireo mpanara-dia tamin'ny halatr'omby. Saika nogadraina daholo ny ankabeazan'ny olona niady tamin'ny asan-dahalo.

Ahoana ny mikasika ireo mpitsara manapatra fahefana amin'ny toerana lavitry ny renivohitra. Tsy tokony handraisana fepetra ve izy ireo.

Inona no fepetra raisina amin'ny tsy fananana kopia sy karapanondrom-pirenena.

Aiza ho aiza ny raharaha momba ny fahavakisan'ny fonja tany Farafangana satria mbola maro ireo gadra nandositra no miriaria any ka miteraka tsy fandriampahalemana. Inona no fepetra raisin'ny fitsarana sy mpitandrofilaminana mba hampitony ny vahoaka any an-toerana.



Momba ireo raharaha nahafaty olona, inona no antony tsy anaovan'ny fitsarana fanadihadiana. Tokony hosolina koa ny tomponandraikitra tsy mahafehy ny asany eo anivon'ny fitsarana; ohatra amin'izany ny ao Beroroha.

### **Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Inona no fanazavana azo omena mikasika ny "Taxe sur les Profits Immobiliers" na TPI satria lasa mifangaro ny vola miditra any amin'ny Kaominina.

Aiza ho aiza ny fametrahana ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana amin'izao fotoana izao. Fihemorana no tsapa teo amin'ny fahefa-mividin'ny vahoaka satria tsy mipaka any aminy ny fanatsarana voalazan'ny mpitondra.

Mitotongana ny sandan'ny Ariary raha oharina amin'ny "Euro" sy "Dollar", omeo fanazavana satria noho io antony io no mahatonga ny vahoaka ho sahirana tahaka izao sady eo koa ny fiantraikan'ny "Covid-19" teto amintsika. Inona no politika entin'ny Minisitera mitantana ny aorian'ny "Covid-19" na ny "relance économique après covid".

Aiza ny lisitry ny olona tokony hamerina ny vola vahiny eto amintsika.

Azo iasana tsara ve io "Loi de Finances" amin'ny taona 2021 io satria mbola hisy fiantraikany hatrany ny valan'aretina mandalo amin'izao fotoana izao.

Mitaraina ny zokiolona amin'ny tombotsoa tokony ho azony, inona no fepetra raisin'ny Minisitera momba azy ireo; aiza ny fampiasana "carte verte" teo aloha.

Mikasika ny fampiasam-bola, aleo omena fanazavana ny asan'ny "contrôle financier" satria maro ny olom-boafidy no tsy mahalala tsara ny andraikiny.

Tsy mbola voavaha ny resaka "micro finance", toy ny tranga mahazo ny TIAVO, inona no vahaolana satria mijaly ny olona manam-bola ao aminy.

Ahoana ny mikasika ireo sampandraharaha any amin'ny Faritra satria tsapa fa toa tsy mandeha firy ny asa ataony, sahirana ny olona rehefa mitady raharaha amin'ireny sampana ireny.

### **Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana**

Manao ahoana ny fangaraharana tamin'ny fitantanana ny "Covid-19" satria hita fa tsy mandeha amin'ny tokony ho izy raha ny fahitan'ny vahoaka azy; nisy koa Solombavambahoaka tafiditra tao anatin'ny fanaraha-maso kanefa tsy nahalala ny fandehan'izany.

Sahirana ny mpiompy omby amin'ny resaka FIB satria tsy mitovy ny vidin'izany eto amintsika. Ahitana kolikoly ihany koa ny fividianana izany. Mitaraina ny mpiompy araka ny voalaza teo ka itondrao vahaolana. Ao anatin'io FIB io koa no ahitana ny famotsiana omby, ka inona no fepetra tokony horaisin'ny mpitondra manoloana izany.

Ahoana ny fanaraha-maso ny vola ampiasain'ny Governora; iza no manao izany.

Aiza ho aiza ny momba ny fandoavana ny tambin-karaman'ny olom-boafidy any amin'ny Kaominina. Mitaky an'izany izy ireo kanefa toa tsy misy valiny.

Inona no politikan'ny fanjakana amin'ireo Kaominina mibaby trosa.

Manao ahoana ny tambin-karaman'ny Sefo Fokontany sy ny Lefiny satria hatramin'izao, tsy heno hoe aiza ho aiza ny fandehany. Efa amam-bolana maro izy ireo no tsy nahazo izany, ka mitondra ny fitarainana.

Aiza ho aiza ny "effectivité de la décentralisation" eto amintsika fa toa tsy mipaka any amin'ny vondrom-bahoaka intsinjaram-pahefana akory.

Maro ny Distrika tsy manana fitaovana hoentina miasa toy ny fiara, ny trano tsizarizary; ahoana ny momba azy ireo.

Ahoana ny mikasika ny fotodrafitrasa manara-penitra homena ny Kaominina araka ny fampanantenana nataon'ny fanjakana.

Raha dinihana ny zava-misy any amin'ireo Fokontany maro eto amintsika, efa maro no mahazaka Kaominina; mangataka ny hahazoana izany izy ireo satria mifanalavitra loatra ny renivohitry ny Kaominina sy ny Fokontany iray raha hanao taratasy; toy izany koa ny isan'ny mponina. Mila jerena ny mikasika izay fangatahana izay raha azo atao.

Ahoana ny momba ny fangatahana fiara be hanadiovana tanàna satria tena mivangongo ny fako ka mety hitarika valan'aretina hafa izany.

### **Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka**

Inona no fepetra raisina manoloana ny tsy fandriampahalemana eto Antananarivo Renivohitra; tsapa fa nirongatra izany tato ho ato. Mijaly ny olona mody hariva satria saika isaky ny elakelan-trano dia misy fanendahana foana. Ny olona efa mijaly noho ny fisondrotan'ny vidipiainana mbola ampian'ny ahiahy amin'ny tsy fandriampahalemana.

Eny tsy eto an-drenivohitra fotsiny fa eran'ny Nosy no ahitana izany toe-javatra izany. Mandraisa fepetra fa mijaly ny vahoaka.

Tsy ampy ny fitaovana entin'ny Polisy miasa, inona no antony tsy anomezana azy ireo an'izany satria araka ny voalaza teo aloha, mirongatra ny tsy fandriampahalemana. Raha mahazo fitaovana izy ireo, hidina ny tahan'izany ka tokony hojerena.

Ahoana ny fahazoana fotodrafitrasa ho an'ny Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka; nisy ny efa nahazo fa ny sasany toa tsy jerena akory.

Azon'ny Faritra atao ve ny mangataka "Force d'Intervention de Police"; inona no fepetra ahazoana izany.

Maro ny fangatahana ny fampitomboana ny isan'ny Polisy sy "poste de police" avy tamin'ny Solombavambahoaka, satria ny fisian'izany no hiteraka ny filaminana ka ahafahana manao ny asa andavan'andro.

### **Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

Iza no tomponandraikitra amin'ny fanamboaran-dalana eto Madagasikara satria toa mifanilika ny mpitondra rehefa anontaniana mikasika ireo lalana maro izay mihasimba eto amintsika.

Tsy efa samy tokony hanana ny andraikiny ve ianareo mpitondra manoloana ny toe-javamisy.

Maninona raha mitady famatsiam-bola ahafahana manamboatra an'ireo lalana simba ary manamboatra lalana vaovao raha tsy ampy ny famatsiam-bola efa azo teo aloha.

Ahoana ny mikasika ireo lalam-pirenena simba sy ny fanamboarana azy ireo, toy ny RN44, RN9, RN5, RN11, RN12, RN5A, RN6, RN7 ary ny RN13, fa mijaly ny vahoaka amin'ny famoahana ny vokatra sy ny resaka tsy fandriampahalemana.

Inona no fepetra raisin'ny fitondram-panjakana mba hampaharitra ireny lalana amboarina ireny satria vetivety monja dia simba tanteraka, indrindra amin'ny tanàn-dehibe.

Maninona raha jerena aloha ny mikasika ireo lalana simba any amin'ireo renivohi-paritany rehetra fa mahamenatra ny mahita azy.

Mangataka ny amoahana ny "Ordre de Service"-n'ny asa vitan'ny orinasa COLAS eto Antananarivo raha azo atao satria te-hahalala izany ny mpandraharaha hafa.

Mba omeo anay any amin'ny Faritra ny tolo-bidy momba ny fanamboaran-dalana satria lasa tompon-trano mihono izahay amin'ny fisian'ireo asa atao any aminay.

Mikasika ny fananan-tany indray, maro no nangataka ny hampitomboana ny birao mandray ny mpikarakara taratasin-tany satria vitsy sady tsy maharaka ny mpiasa miandraikitra izany ka lasa mitarazoka ny filan-draharaha ao aminy.

Mila araha-maso koa ny mpiasa miandraikitra ny fananan-tany satria mampijaly ny olona mpikarakara taratasy ao aminy.

Rahoviana no azo ampiharina ny PIDI any amin'ny Distrika mba ahazoana manajary ny tany satria lasa sakana ho an'ny fampandrosoana ny tsy fampiharana azy.

Rahoviana no hatomboka ny fanamboaran-dalana any amin'ny lalam-pirenena RN10, RN31, RN32 ary RN35. Ao anatin'izay koa ny fanarenana ny RN44.

### **Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena**

Efa nisy "recencement" natao ve ahafahana mamantatra ny antontan'isan'ireo mpianatra tsy tafiditra an-tsekoly, ny isan'ny lakilasy tsy azo ampiasaina intsony ary ny isan'ny mpampianatra FRAM am-perin'asa amin'izao fotoana izao.

Iza no mandoa ny karaman'ireo mpampianatra FRAM, ny Raiamandreny ve sa ny Minisitera, ny zavatra tsapa, maro ny mpampianatra FRAM no tsy mandray karama intsony sady tsy fantatra na anisan'ireo ho voaray ho mpiasam-panjakana na tsia.

Inona no politikan'ny Minisitera mba hampitomboana ireo zaza Malagasy hiverina an-tsekoly satria maro ireo nitsoaka an-daharana.

Inona ny paikady ampihariny ny Minisitera hampandrosoana ny fampianarana eto Madagasikara satria nisy fiantraikany tamin'ny fampidirana mpianatra ny resaka "zéro ariary" nolazain'ny mpitondra. Inona no fanazavana entinareo momba izany.

Maro ny Distrika no mbola tsy nahazo "kit scolaire" izay nampanantenaina fa hozaraina amin'ny mpianatra. Inona no mety ho anton'izany ary omeo izay mbola tsy nahazo amin'izay mitovy zo ny mpianatra Malagasy.

Ahoana ny momba ireo mpampianatra FRAM maro mitaraina fa tsy nandray karama tao anatin'ny volana maromaro. Inona no paikady apetraky ny Minisitera ho an'ireo mpampianatra FRAM "non subventionné" satria mijaly izy ireo.

Inona avy ireo fepetra takiana rehefa handray mpampianatra ny fanjakana.

Maninona no matetika tara ny fandoavana ny "vacation"-n'ireo mpampianatra nitsara fanadinana. Tokony hijerena vahaolana izany fa lasa miteraka savorovoro eo anivon'ny samy mpampianatra.

Ahoana ny mikasika ny «recrutement»-n'ny mpampianatra FRAM; mbola tsy fantatra izay momba izany, ka mitarina izy ireo. Malaza fa manao kiantranoantrano ny Minisitera amin'io resaka io. Inona no antony tsy nandraisana an'ireo mpianatra nivoaka teny amin'ny "Ecole Normale Supérieure" izay niteraka korontana teo. Tokony hapetraka ny «recrutement» tsy mitanila fa lasa mampiady ny samy mpianatra.

Ahoana ny momba ny "subvention de centre CRINFP" manerana an'i Madagasikara. Tsy nahazo "subvention" mihitsy izy ireo ary efa aman-taonany izany kanefa anisan'ny ivo-toerana mamolavola mpampianatra eto amintsika.

Ahoana ny momba ny EPP manara-penitra satria samy te-hanana izany daholo ny fariadiidiam-pampianarana eto amintsika.

Misy fampiofanana omen'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ireo mpampianatra ireo mialohan'ny hampianarany; mbola mitohy ve izay sa tsia. Ny fisian'izany no hahatsara ny kalitaon'ny fanabeazana eto amintsika, koa takiana ny hisian'izany.

Ahoana ny mikasika ny orinasa CNAPMAD, efa nahazo ny tambin-karamany ve ny mpiasa ao aminy sa tsia. Mbola izy ireo ihany ve no manao ny laza adina rehefa misy fanadinampanjakana sa iza?

### **Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa**

Maro tamin'ny Solombavambahoaka no nangataka ny hahazoana "centre de formation professionnelle" mba hanofanana ny mpianatra satria tsy voatery hianatra any amin'ny fampianarana ankapobeny ny ankizy. Ilaina ny fananganana izany satria afaka mizaka tena avy hatrany ny mpianatra vita fiofanana amin'io ivon-toerana io.

Aiza ho aiza ny fanorenana “lycée technique agricole” ho an’ireo Distrika tsy manana izany.

Ahoana ny fampitaovana ny toeram-panofanana efa misy amin’izao fotoana izao.

Ho an’ireo toerana manana “centre de formation”, tsy misy “3<sup>ème</sup> année”, ka inona no vahaolana; tokony hisy mpampianatra koa ary hakarina kilasy ireo mpianatra tokony hahazo fiofanana mifandraika amin’izany.

### **Minisiteran’ny Fahasalamam-bahoaka**

Maromaro ny Solombavambahoaka no naneho fisaorana tamin’ny fahazoana fotodrafitrasa satria voavaha ny olana amin’ny famonjena toerana lavitra saingy ny olona hiasa amin’ny CSB I na amin’ny CSB II no tsy misy. Noho izany, tokony hisy fandraisana mpiasa hisahana ny fahasalam-bahoaka amin’ireo toerana efa manana fotodrafitrasa.

Maro tamin’ny Solombavambahoaka no nametraka fanontaniana momba ny fahazoana fotodrafitrasa, toy ny CSBI sy CSBII. Mikasika izany saika nitoviana ny olana satria misy asa efa atomboka kanefa tsy fantatra izay tena nahazo ny tsenam-barotra. Aiza ho aiza ny fanomezana izany isaky ny Kaominina satria mila fitsaboana manatona ifotony ny vahoaka.

Aiza ho aiza ny fampanantenana ho an’ny Distrika amin’ny fahazoana hopitaly manara-penitra, toy ny CHD I sy CHD II ho an’izay mahafeno fepetra.

Azon’ny Minisitera atao ve ny manorina hopitaly manara-penitra any amin’ny Distrika raha toa manana tany tokony hanorenana izany izy ireo.

Aiza ho aiza ny tetibola hanavaozana na hanarenana ny fotodrafitrasa efa misy hoy ny Solombavambahoaka sasany satria maro amin’ireo CSB I sy CSB II no simba tamin’ny fandalovan’ny rivo-doza.

Maro ny toerana manana hopitaly kanefa tsy misy “radiologie numérique” hitarafana ny aretina mahazo ny olona tsaboina; ahoana ny vahaolana arosan’ny Ministera manoloana izany fa mijaly ny marary; efa marary mbola handeha lavitra ihany koa.

Nahoana no tsy raisina hiasa amin’ny CSB ireo “bénévole” satria manampy antsika hiala amin’ny fahasahiranana amin’ny isan’ny mpiasa tsy ampy izany. Ahoana ny mikasika ny PARAMED izay mitombo isa amin’izao fotoana izao kanefa maro no tsy an’asa.

Ankehitriny na misy aza ny valan’aretina hafa, tena mahafaty olona maro ny tazomoka. Inona no fepetra raisin’ny fanjakana manoloana izany satria saika ahitana izany ny Faritra rehetra eto amintsika.

Tsapa rehefa mamonjy toeram-pitsaboana, fa ahitana kolikoly izany kanefa toerana iandraiketan’ny fanjakana. Ohatra, amin’ny fandraisana marary, ny vidim-panafody, ny fahalalana olona sns...

Aiza ho aiza ny fandraisan’ny fanjakana an-tànana ny sara-pitsaboana ho an’ny vahoaka satria nampanantenaina koa izany.

### **Minisiteran'ny Fiompiana, ny Fambolena ary ny Jono**

Maromaro ny fanontaniana sy fanamarihana niantefa tamin'ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono. Fangatahana fotodrafitrasa sy fitarainana amin'ny mbola tsy fanomboan'ny asa ny an-kamaroany.

Raha fintinina ny votoatin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ireo Solombavambahoaka, saika niompana tamin'ny fangatahana fotodrafitrasa vaovao na fanavaozana, toy ny tohadrano; teo ihany koa ny fangatahana masomboly ho zaraina amin'ny tantsaha mba hoentina hampitomboana ny vokatra eto an-toerana.

Nisy koa ireo nametraka fanontaniana mikasika ny politika ankapoben'ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono.

Ankoatr'ireo, nisy nitondra ny fitarainan'ny mpanjono mikasika ny fisian'ny sambo vaventy manjono amin'ny faritra tsy tokony hanjonoan'izy ireo, ka lasa sahirana ny mpanjono madinika.

Nisy ny nangataka fanazavana mikasika ny olan'ny mpiasan'ny FOFIFA.

Mikasika ny fiompiana omby, nisy nangataka ny fampiharana ny kavin'omby manara-penitra.

Ahoana ny tsy fahampian'isa amin'ireo dokotera mpitsabo biby eto amintsika. Tsy tokony efa handray mpiasam-panjakana amin'izy ireo ve isika.

Misy biby kely manimba ny voly, koa ampio ny mpamboly hiady amin'izany, fa ripaka ny voly ary hihena ny vokatra azo raha mitohy izany.

Inona no atao manoloana ny fanidian'ny olona sasany ny tohadrano fanondrahana ny lemaka fambolem-bary. Atahorana hiteraka disadisa eo amin'ny mpamboly izany, ka tokony handraisana fepetra.

Maina ny Faritra maro eto amintsika amin'izao fotoana izao; ny tantsaha efa te-hamboly kanefa ny orana tsy misy. Inona no fepetra tokony horaisina, tsy mety ve ny mandatsaka orana artifisialy.

Aiza ho aiza ny fametrahana "abattoir" manara-penitra satria maro ny toerana mila izany amin'izao vanin'andro izao.

Ahoana ny fanarenana ny "vallée mariane" ao Ambatondrazaka satria mitarina ny mpamboly; hihena ny vokatra noho izay antony izay, ka mila jerena akaiky.

### **Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afy**

Maro ny toerana no tapaka matetika ny jiro, simba ny fitaovan'ny mpanjifa noho izay antony izay kanefa tsy onerana akory izany raha ny JIRAMA no resahana. Inona no antony tsy mahavoavaha ny olana momba izay fahatapahan-jiro matetika. Tsy eto Antananarivo ihany no ahitana izany fa saika amin'ny Faritra maro eto amintsika.

Inona no fepetra raisin'ny Minisitera, fa lasa misotro rano maloto ny vahoaka, amin'izay mbola tapaka matetika toy ny jiro ihany koa. Mifoha amin'ny 3 ora maraina ny olona milahatra rano hampiasaina kanefa tsy mahazo izay ilainy akory. Izany hoe, sady very fotoana no tsy afaka mampiasa ny rano tokony ilainy akory. Mangataka ny hanomezana rano fisotro madio noho izany ny vahoaka.

Solombavambahoaka maro koa no nitaraina fa tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny asan'ny JIRAMA any amin'ny toerana misy azy. Inona no fepetra raisin'ny mpitondra, fa mijaly ny vahoaka. Iharan'izany avokoa na ny rano na ny jiro.

Aiza ho aiza ny tetikasa SAHOFIKA, fa mangetaheta ny hahazo jiro ny mponina manodidina an'io tetikasa io.

Angatahana ny hanaovana "evaluation" ny asa ao amin'ny JIRAMA fa tsy mety ny zavatra ataony. Ohatra amin'izany, ny fandoavana "facture"; mihamitombo ny lany kanefa ny jiro sy rano tapaka matetika. Andraiso fepetra ny tomponandraikitra tsy mahomby rehefa tsy hahatanteraka ny Veliranon'ny Filohan'ny Repoblika.

#### **Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana**

Raha jerena amin'ny ankapobeny, saika nifantoka tamin'ny fangatahana rano fisotro madio sy ny tsy fahampian'ny rano fisotro eto amintsika, ka mapikaikaika ny vahoaka no fandraisam-pitenenana nisongadina nataon'ny Solombavambahoaka.

Teo ihany koa ny olana mikasika ny fako mivangongo eto Andrenivohitra.

#### **Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Harena Stratejika**

Mba azo hazavaina ve hoe: manao ahoana ny politika ankapoben'ny Minisitera eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara. Izany hoe, inona marina no voarakitra ao amin'ny "Code Minier", mba hahafahan'ny mpitrandraka manao ny asany araka ny tokony ho izy.

Inona no fanazavana entina tamin'ireny volamena tratra tany ivelany nisy nanondrana antsosoko ireny.

Mikasika ny fampiatoana fanomezan-dalana hitrandraka harena an-kibon'ny tany, mitaraina ireo mpitrandraka, ka mila averina aminy ny fahazoan-dalana amin'izay mandeha ara-dalàna ny asany, tsy hisy koa ny fidiran'ny sasany amin'ny toerana efa trandrahan'ny hafa satria miteraka ady izany.

Momba ny olan'ny orinasa KRAOMA, tokony hojeren'ny fanjakana akaiky ny hamahana azy satria tena mijaly mafy ireo mpiasa ireo. Tokony hapetraka haingana ny ratsamangaika ny Minisitera eny ifotony hamakafaka sy hitondra vahaolana amin'ny handoavana ny karaman'izy ireo.

Ahoana ny olan'ny resaka fananan-tany eo amin'ny orinasa QMM sy ny tompon-tany; mila vahana izany satria tena mitaraina ny tompon-tany, tompony mangataka ny atiny raha izay no ilazana azy. Apetraka amin'ny Minisitera ny fijerena ny Malagasy voakasik'izay.

### **Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro**

Inona no antony tsy mbola anokafana ny “gare routière” eny Amarinankona hatramin'izao kanefa nandaniana vola be ny fanajariana azy.

Rahoviana no hisokatra ny zotra an-dalamby hitaterana ny mpandeha amin'ireo toerana ahitana fitaterana an-dalamby. Azo lazaina fa hitarika fandrosoana ara-toekarena ny fisokafan'izany satria ho maro ny fifamezivezena hisy, torak'izany koa ny fivoahan'ny vokatra.

Mikasika ny “gare routière privée” sy ny “cooperative Cotisse” izay manao ny asa fitaterana olona amin'ny Faritra maromaro eto amintsika; omena tombony manokana ve ny fitantanana azy ireo sa manao ahoana. Tsapa fa mety hamono ny kaoperativa hafa ny “Cotisse” raha izao endrika misy azy izao no jerena.

Inona no antony tsy mbola anokafana ny “Aéroport” ao Sainte Marie.

### **Minisiteran'ny Asa sy ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy**

Ahoana ny fomba fitantanana ny mpiasam-panjakana mba hampitovy lenta azy ireo satria efa nisy ny famoahana ny AUGURE. Araka ny fitarainana azonay, samihafa ny fanavaozana izany, koa omeo fanazavana mba hampilamina ny sain'ny mpiasam-panjakana.

Azo antoka ve ny fampiasana an'io fitantanana vaovao hampiasaina io.

Ahoana ny momba ireo mpiasa manana sata manokana amin'ny fampiasana an'io AUGURE io. Hovoafehy ao daholo ve ny mpiasa rehetra sa tsia.

Inona no karazana “sanction” tokony homena ny mpiasam-panjakana manoloana ny fampiasana an'io AUGURE io.

Ahoana ny momba ireo orinasa tsy manome ny zon'ny mpiasa tao aminy rehefa sendra ny antsoina hoe “chômage technique”.

Ahoana ny momba ny “contrat de travail” ho an'ireo olona manao «bénévole».

### **Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Tsy nisy loatra ny fanontaniana mikasika ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana ara-Tsiansa, fa fangatahana no tena betsaka.

Solombavambahoaka iray no nanontany hoe CNTEMAD sa “Campus Universitaire” ve no tian'ny Minisitera hatsangana ao Ambatofinandrahana.

Tao kosa ireo nangataka ny ametrahana “centre de baccalauréat” any amin'ny Distrika misy azy, tao ny nangataka ny hanamboarana “Campus Universitaire”, tao ny nangataka fanazavana momba ny fifidianana tomponandraikitra vitsivitsy izay efa voatendry volana maromaro, nisy koa ny nangataka ny hanomezana “postes budgétaire” avy tamin'ny Minisitera.



### **Minisiteran'ny Industria, ny Varotra ary ny Asatànana**

Inona no antony nampilatsaka ny vidin'ny lavanila eto Madagasikara.

Inona no ataon'ny Minisitera hampiakarana ny vidin'ny lavanila eto Madagasikara.

Inona no nampiakatra tampoka ny vidim-bary tato ho ato.

Maninona isika no mbola manafatra vary ihany amin'izao fotoana izao kanefa firenena mpamboly vary.

Inona no antony nameran'ny Minisitera ny vidim-bary teny an-tsena. Tsy mamono ny mpivarotra ve izany.

Maninona ny vokatry avy any ivelany no mora noho ny avy eto an-toerana.

Ahoana ny momba ny karaman'ireo mpiasa ao amin'ny orinasa SECREN fa mitarina izy ireo.

Mangataka ny hijerena akaiky ny orinasa SASM fa ho faty izy io raha tsy araha-maso.

### **Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy**

Inona no paikady na politikan'ny fitondram-panjakana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana eto Madagasikara satria tsapa fa mihapotika izany noho ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Ahoana ny momba ireo "bois de rose" ao Fort-Dauphin fa misy mikasa hanondrana any ivelany.

Toerana toy ny ahoana no afaka hanaovana fitrandrahana ala eto Madagasikara.

Ahoana ny momba ny "permis environnemental" an'ny SIRAMA sy SICOMA. Manana izany ve izy ireo ary inona no fepetra raisin'ny Minisitera raha tsy manana izany ireo orinasa ireo.

Mangataka ny hanafoanana ny fitrandrahana sakoa satria lasa lany tamingana izany hazo izany amin'izao fotoana izao.

### **Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Kajy Mirindra**

Efa mandeha ve ny tetikasa fametrahana "pylone" mba hahatsara ny fifandraisan-davitra eto amintsika. Maro ny toerana tokony hametrahana izany kanefa toa tsy heno ny fanatanterahana azy.

Inona no «indicateur» ampiasaina mba ahafantarana ny «performance» ho an'ny «réseau» misy eto amintsika.

Inona no paikady apetraky ny Minisitera mba hialana amin'ny fitokana-monina misy any amin'ireo Distrika sy Kaominina maro eto amintsika. Tsapa fa noho ny tsy fisian'ny fifandraisana na ny "réseau", manjaka ny asan-dahalo sy ny tsy fandriampahalemana.

Raha ampitahaina amin'ny tanàn-dehibe izy ireo, hita fa tara ny fandrosoana any aminy noho izay antony izay.

Noho izany, mangataka mba hametrahana “smart village” amin’ireo toerana tsy mbola misy an’izany satria tokony hitovy ny fomba fahazoana vaovao avy amin’ny alalan’ny “internet” ho an’ny rehetra, indrindra ho an’ny mpianatra any amin’ny Faritra, fa tsy natokana ho an’ny renivohitra ihany izany.

Aiza ho aiza ny momba ny “hot spot” na “wifi gratuit” izay nampanantenain’ny Minisitera fa hozaraina any amin’ny Distrika satria maro koa ny mpianatra any amin’ny toerana maro no mbola tsy nampiasa izany “internet” izany.

Misy fiatraikany amin’ny fahasalaman’ny olona ve ny “antenne-relais” mampifandray ireny “réseaux” ireny, fa lasa mitebiteby ny mponina amin’ny toerana ananganana azy ireny. Efa maro ny olona, indrindra teto andrenivohitra no nilaza fa mitarika tsy fahasalamana ny fisian’izy ireo.

### **Minisiteran’ny Mponina, ny Fiarovana ara-Tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy**

Inona no antony ijerena manokana ny sosialim-bahoaka any amin’ny Faritra Atsimo, fa tsy ampitoviana amin’ny Faritra rehetra eto Madagasikara ny famatsiana azy.

Inona no fepetra raisin’ny fanjakana tamin’ireo fisian’ny trano may tao Vohipeno. Matetika no itrangan’izany amin’ny tapan’ny Faritra Vatovavy-Fitovinany iny; mijaly ny vahoaka satria lasa traboina hatrany.

Inona ihany koa no andraikitra raisin’ny fitondrana amin’ny fanampiana ireo mpitsoa-ponenana avy any Atsimo izay mirongatra tokoa amin’izao fotoana izao. Lasa mandao ny toeram-ponenany izy ireo noho ny kere mahazo azy ve sa noho ny fitadiavana efa fanaon’ireo olona ireo. Ny zavatra tsapa, be loatra ny isan’izy ireo no manao izany tamin’ity taona ity ka lasa miteraka fahasahiranana, indrindra amin’ny toerana lalovany.

Mangataka ny fanampiana ny fikambanan’ny vehivavy ao amin’ny Distrikan’i Midongy Atsimo satria tsy misy mpijery izy ireo hatramin’izao; misedra fahasahiranana, ka mila tohana avy amin’ny Minisitera.

Ahoana ny fampiasana ny “carte verte” ho an’ireo zokiolona eto Madagasikara satria ny zavatra tsapa, maro ny olona na fikambanana manao tsinontsinona ny fananany sy fampisehoany izany rehefa misy raharaha ataony.

Ho an’ireo fianakaviana sahirana mitaiza zokiolona no iangaviana amin’ny fanomezana an’io “carte verte” io satria miteraka fahasahiranana hafa ho azy ireo ny fitaizana azy ireo. Izany hoe, ny olona sahirana koa no mitaiza olona sahirana, ka izay no angatahana fanampiana avy amin’ny Minisitera.

Ahoana ny momba ny “panneau solaire” nampanantenain’ny Minisitera ho an’ny Distrikan’Ambositra; tokony hisitraka izany ny akany fitaizana sembana any an-toerana raha azo atao.

### **Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena**

Marihana fa nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka vitsivitsy niantefa tamin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena ny fangatahana kianja manara-penitra; ahitana kianja fanaovam-baolina, fanaovana kanety be, fanaovana "volley ball" sy "basket ball" ary "gradin" mahazaka mpijery 1 000 isa.

### **Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina**

Aiza ho aiza ny fahazoana "emetteur radio" sy televiziona ho an'ireo Distrika maro eto Madagasikara mbola tsy nahazo izany. Tsy maheno sy tsy mahita ny vaovao avy amin'ny Radio sy televizionam-panjakana ny vahoaka, ka mitaky ny fahazoana izany.

Tokony homena koa ny lisitry ny Distrika nahazo «matériels techniques» ankoatra ny «émetteurs», mba ahazoana mitatitra izany any amin'ny vahoaka.

Ahoana ny mikasika ireo vakoka nampiasain'ny Mpanjaka teto Madagasikara sy ny fanarenana ireo vakoka mbola tehirizina amin'izao fotoana izao. Ohatra amin'izany, ny ao Mahanoro sy ny ao anaty Rova.

Efa misy ezaka atao amin'ny fanarenana ny vakoka eto amintsika ve sa ireo olona niandraikitra izany ihany no hitantana azy.

Vahao ny olana misy eo anivon'ny Holafitry ny Mpanao Gazety amin'izao fotoana izao, fa maro izy ireo no mimenomenona hoe ahitana tsy fetezana momba ny karatra sy ny fifidianana hatao amin'ny fitantanana an'io holafitra io.

### **Minisitry miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana**

Fanamarihana no nataon'ny Solombavambahoaka amin'ny tokony hanaovana ny tetikasa fahazoana toeram-ponenana vaovao ho an'ny vahoaka. Izany hoe, tsy nisy fanontaniana niantefa nivantana tamin'ny Minisitry.

### **Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandarimaria**

Inona no fepetra raisin'ny fitondrana ankehitriny mikasika ny fahavakisan'ny fitrandarahana vato "béryllium" ao Andilana Nord, fa lasa miteraka savorovoro any an-toerana.

Inona no tena mampirongatra ny asan-dahalo eto Madagasikara ary inona no fepetra raisin'ny Minisitry mba hanafoanana izany, fa mijaly loatra ny mpiompy omby.

Malaza amin'izao fotoana izao fa manana "gâchette facile" ny Zandarimaria. Inona ny fepetra raisinareo tomponandraikitra manoloana izany trangan-javatra izany.

Mangataka ny hampitomboana ny isan'ny "unité" misy ao amin'ny Zandarimaria, fa maro ireo Distrika no mbola tsy manana izany akory ka manjaka ny tsy fahandriampahalemana.

Iza no miandraikitra ny "affectation" ho an'ireo Zandary satria maro no tokony hafindra toerana kanefa mijanona amin'izany maharitra.

Mangataka ny hanomezana fitaovam-pitaterana ho an'ny Zandary mba ahafahan'izy ireo manao ny asany ara-potoana mba ahafahany mampihena ny asan-dahalo.

Inona ny antony mahatonga ny Distrika sasany tsy ahitana tobin'ny Zandary hatramin'izao.

Tsy mbola nisy zanak'i Midongy Atsimo afa-panadinana Zandary na Polisy na "officier" na nahazo "renagement militaire" mihitsy hatramin'izay ka mangataka ny hijerena akaiky ny mikasika izany satria tokony hitovy ny zaza Malagasy eo anatrehan'ny fiofanana azony. Aza asiana zanak'ikalafaha, fa jereo manokana izahay.

**Fanamarihana:** Tamin'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, Andriamatoa RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary, voafidy tao Soanierana-lvongo ihany no nanome naoty ny tombana momba ny asa vitan'ny Governemanta, ka toy izao izany:

- Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina=15/20
- Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono=16/20
- Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana=15/20
- Minisiteran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra=10/20
- Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena: mbola tsy omena naoty aloha
- Minisiteran'ny Asa Vaventy sy Fanajariana ny Tany=15/20
- Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka=12/20
- Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola=12/20
- Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena=14/20
- Minisiteran'ny Mponina=14/20
- Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'Andro=16/20.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no namarana ny fametrahan-panontaniana.

Fisaorana ny mpivory nanome azy ny fitenenana no voalohan-teniny ary toy izao no fandraisam-pitenenana nataony:

Rehefa nodinihana, tena fohy tokoa ny 3 minitra ary izay mihitsy no nisafidianana ny andraisana fitenenana farany. Izay ihany koa no fomba amam-panao, tsy mba nanao ny "charité bien ordonnée commence par soi même mais commence par les autres".

Misaotra Tompoko.

Andriamatoa Praiminisitra,

Ianareo Minisitry mpikambana ao amin'ny Governemanta. Manolotra ny fiarahabana anareo izahay tonga soa aman-tsara eto amin'ny CCI Ivato manao izao fifanatrehana momba ny "questions-réponses" izay voatondro ao amin'ny Lalàmpanorenana izao.

Ity fihaonana ity dia tsy anaovana fangatahana aminareo mpikambana ao amin'ny Governemanta ihany, fa anisany fandrefesana ny adidy sy ny asa ataonareo. Ny antony, satria ny Lalàmpanorenana no manome alalana ny Solombavambahoaka hijery sy handrefy ary hitsirika ny fahavitan'ny fampanantenana rehetra nataonareo amin'ny andraikitrareo tsirairay avy.

Voalohany, fisaorana no atolotro anareo.

Alohan'izany anefa, miarahaba ny vahoak'Ambatofinandrahana satria ny Solombavambahoakanareo no miteny androany. Aza omena tsiny raha tsy tonga eto daholo ny hafatrarao satria ny fotoana itenenana dia voafetra, koa aza manome tsiny ahy ianareo raha sendra misy fanontaniana avy aminareo tsy voapetrako androany. Mbola be ny ho avy. Manana fisaorana lehibe hatolotra ny fitondrana isika, indrindra ho an'ny Filohan'ny Repoblika satria nahazo Governora izahay, Tompoko.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra, ampitao any amin'ny Filohan'ny Repoblika izany fisaorana izany. Ianareo Minisitry koa isaorana tamin'ny nandalovan'izany tany amin'ny «Conseil des Ministres», satria raha nisakana ianareo, mbola tsy nahazo Governora izahay. Tanteraka ny fitenenana hoe: izay maharitra vadin'Andriana, fa izay tsy maharitra kosa vadin'i Kotokely, satria niandry ela izahay.

Manarak'izany, fisaorana no atolotro anareo tamin'ireo fangatahana nataonay teto ka nivaly; toy ny fanombohan'ny asa ao Ambodromisotra, ny tetezana ao Masoandro, ho an'Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy; efa manomboka ny ao Itremo; ny Jiro ao Ambatofinandrahana; ho an'Andriamatoa Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo ary manolotra ny fisaorana koa ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka satria vita ny hady fototry ny CSB II ao Maroanakomby-Mandrosonoro. Nisy ny fampanatenana nataonareo, ka isaoranay anareo satria nanaiky ianareo rehefa nangatahanay. Natao "promesse"-n'ny kianja manara-penitra, ho avy ao Ambatofinandrahana. Efa mandeha any ny "cahier des charges", ny "kit chirurgical lhypo césarienne" ao Mandrosonoro, ny EPP manara-penitra, "promesse" ho an'Ambatofinandrahana izany.

Tonga dia hasesiko ho anareo Minisitry hametrahako na fanontaniana na fangatahana, fa tsy hasiako haingon-teny intsony.

Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena: misaotra, Tompoko, fa milamina ny tany, fa izany Amborompotsy izany anie, tena sahan'ny dahalo ary faritra mena; tahak'izay koa Ambatofinandrahana, kanefa mandry lavo loha izahay ankehitriny. Marina fa misy tsy fandriampahalemana "sporadique", heveriko fa voavaha hatrany izany olana izany. Mangataka "camp militaire" izahay, mbola tsy mandeha izany saingy efa ho "opérationnel", efa tonga any ny miaramila.

Izahay mbola mangataka ihany koa amin'io "plateau"-n'i Tsimahabeomby io izay azo hajariana. Ny Minisiteran'ny Fambolena dia mahafantatra an'io tsara. Hohajariana hatao toerana fifindra-monina, toerana misy rano midadasika be, azo anaovana tetikasa lehibe momba ny fambolena ary arahana fitandroana ny filaminana na "camp militaire".

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana: rahoviana no hanomboka ny fitsarana ao Ambatofinandrahana.

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Atitany: nangataka "bac à ordure" sy "benne" izahay kanefa mbola tsy tonga hatramin'izao. Rahoviana no hanaterana an'izany, rahoviana ny fiaran'ny Distrika. Mbola hifanatona aminao izahay mikasika an'izany.

Nangataka Kaominina ho an'i Tsangandrano, Antsahakely, Ambalamahatsara ary Ifasina izahay. Mbola hifanatonana isika mikasika an'izay satria efa tonga ny "dossier" izay manamarina fa mahaleotena sy manankarena ireo toerana ireo. Mijaly loatra ny olona satria any Ambatofinandrahana no manenjika rehefa misy zavatra atao, mandeha an-tongotra 50 km eo ho eo.

Mikasika ny Lehiben'ny Distrikanay, efa ela loatra no tao Ambatofinandrahana; koa mangataka mba akisaka amin'izay izy fa be ny soa vitany. Efa ela loatra no tao ary manomboka mahasahisy toetra izy satria mikasi-tànana ankizy, mikasi-tànana olona. Diany mbola tsy misy zavatra simba, aleo akisaka tao izy, Tompoko.

Manarak'izay, mangataka fiara ho an'ny Lehiben'ny Distrika izahay. Efa nangatahako hatramin'ny ela izany.

Manaraka, ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fananan-tany sy ny Asa Vaventy: mangataka fitokanana satria misy Biraon'ny Fananan-tany ao Ambatofinandrahana, efa vita izy io, nampanamboarina fony izaho Minisitry. Ianao no angatahako hitokana azy Andriamatoa Minisitry sady handeha amin'ny lalan-dratsin'Ambatofinandrahana isika dia ho hitanao izany RN35 izany. Isaorana anao sahady, satria tsy nikely soroka ianao raha niteny tamin'ny aho hoe: mba ampidiro ao amin'ny programan'ny LFI ny RN35. Tsy tafiditra izany saingy hahita lalam-bola ianao hanamboarana azy. Rahoviana no hanomboka ny "réhabilitation"-n'io RN35 io.

Ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono: misy tohadrano atao hoe Ambatomita ao Soavina, manondraka toerana 30 000 Ha izy io; efa nangatahanay teto tamin'ny farany izany; koa rahoviana no hanomboka ny asa.

Ho an-dRamatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena: betsaka ny zavatra holazaina fa mbola nandray asa vaovao ianao. Miarahaba anao amin'izany. Izahay any Ambatofinandrahana dia tsy mbola nahazo "kit scolaire", koa mba omeo.

Manarak'izay, nisy fangatahana "Lycée" ho an'Amborompotsy; aiza ho aiza izy iny. "Lycée" ao Ambatomifanongoa, "extension"-n'ny "Lycée"-n'i Fenoarivo, ny EPP mba asiana ny fampitaovana rehetra satria tsy misy manana fitaovana ny EPP any aminay. Izaho no tenitenin'olona hoe: anarany fotsiny mba Filohan'ny Antenimierampirenena, anarany no mba akaikin'ny fitondrana, kanefa ny ankizy mipetraka amin'ny tany, tsy misy tabilio, tsy misy tabilao, tsy misy na inona na inona. Tena mahay anie ny mpampianatra any aminay saingy any Ambatofinandrahana, Andraikita, Mandrosonoro, Amborompotsy, Mangataboahangy izany dia tany dezaka. Ny zavatra mahagaga anefa, misy Sinoa tonga any mitrandraka vato. Apetraka aminao, Andriamatoa Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany ny fanontaniana; mihanaka ny volamena any Ambatofinandrahana, mihanaka ny vatosoa any Ambatofinandrahana, asio Biraon'ny Harena Ankibon'ny Tany ao Ambatofinandrahana, fa tsy rariny loatra ny ataon'ny Sinoa amin'ny fitrandrahana ny harena ankibon'ny tany any antoerana. Lasa mahantra ny faritr'Ambatofinandrahana kanefa manankarena. Matoky aho fa tsy Ambatofinandrahana irery, fa ianareo Solombavambahoaka rehetra ireo, tany manankarena daholo no misy anareo. Asio Biraon'ny Harena Ankibon'ny Tany ireo Distrika manankarena volamena, vatosoa. Miantefa aminao izany, Andriamatoa Minisitry ny Harena

Ankibon'ny Tany. Tsy voalazan'ny Solombavambahoaka izany, fa izaho no misolo azy ireo, ka tsy tokony hotapahanareo ny fitenenako satria mitondra ny fitarainanareo aho ary manana ny hetahetany daholo ireo Solombavambahoaka ireo.

Voafetra ny fandraisam-pitenenan'izy ireo, fa izaho kosa mangataka, aza feranareo ny ahy satria mitondra ny tenin'ny Solombavambahoaka rehetra aho. Manana fitarainana ireo Solombavambahoaka ireo.

Mikasika ireo Minisitranao ireo, Andriamatoa Praiminisitra, mbola misy Minisitra tsy mandray ny antso an-telefaonina avy amin'ny Solombavambahoaka. langaviana mba hiteny azy ireo ianao, Andriamatoa Praiminisitra, satria heverinay fa mahalala ny tenany izy. Fandrefesana ny Minisitra no atao eto, izaho tsy hanao ohatran'ny Solombavambahoaka RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary, fa omeko naoty tsirairay avy ianareo. Faly aho miarahaba anareo, fa Minisitra miezaka ianareo; miezaka ny ekipanao, Andriamatoa Praiminisitra, kanefa "la perfection n'est pas de ce monde". Angamba mbola fotoana azo anarenana izao.

Ramatoa Minisitry ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy: mangataka izahay, Ambatofinandrahana ity teneniko ity. Misy ONG atao hoe KIHIO any aminay, tsy fantatro na misy azy io any amin'ny Distrika hafa na any aminareo Solombavambahoaka namana. Misy an'io ONG io miambina ny faritra arovana "parc protégé" ao Itremo. Toerana faran'izay manankarena izany; misy vatosoa ary io ONG KIHIO io no miambina azy. Misy ny atao hoe "zone noyau dur", misy ny atao hoe "zone tampon", tsy avela hanatona an'ireo toerana ireo ny mponina ao, kanefa io "zone tampon" io no mba fiveloman'ny vahoakan'Itremo. Tany malalaka be izy io, misy harena, mangady tsy ampy 5 metatra dia efa mahita "géodes". Tsy avelan'io ONG io idirana ao kanefa misy tanimbarin'olona, misy fasana. Koa mangataka izahay mba hahay hampiasa ny "zone tampon" ny mponina ao Itremo satria ao no ivelomany. Ny "zone noyau dur", iny tsy ataonay inona; ao anefa no tena misy ny harena, vato tsy hita pesipesenina. Koa avelao ny olona hivelona amin'ny "zone tampon" aloha ary manao "engagement" miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna ry zareo ho fiarovana ny tontolo iainana. "Engagement environnemental" no angatahanay ary io ONG KIHIO io. Toriako eto ny ONG amin'ireo "aire protégée" ireo satria ianareo no mahalala ny tokony hatao, fa ny anay tonga hatrany Mangatamboahangy, Vohibasia, tonga any Vombotse, miditra ao daholo ireo faritra arovana. Mitondra vatosoa ny fiaran'ireo ONG ireo. Mbola homena anao ny porofo, Ramatoa Minisitra, ka ilana fifanatonana ny fanamboarana izany.

Ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'afo: rahoviana no hanomboka ny asa momba ny "barrage" ao Antetozambato, "financement de 300 Millions d'Euros" izy io raha tsy diso aho. Lehibe izany ary any aminay any Ambatofinandrahana no hasiana azy.

Vita sonia ny "avénant", Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, isaorana anao izany. Rahoviana no hanomboka ny asa, satria na dia tsy hisitraka an'io aza izahay, mba reharena sy voninahitr'Ambatofinandrahana izany hoe ametrahana fotodrafitrasa lehibe avy amin'ny "Union Européenne" izany; ny SOGEA-SATOM no orinasa hamboatra azy.

Ny Minisitry ny Fahasalalam-bahoaka: mba omeo fiara ny "Médecin inspecteur"-nay sy ny an'ny Solombavambahoaka rehetra, izay tsy manana izany.

Ny CSB I ao Manavotra, ny ao Belitsaky ary “Médecin Chef” ho an’ny CSB II ao Fenoarivo. Mangataka ny namana rehetra hoe omeo Dokotera daholo ny CSB II fa ianareo no mahalala ny hatao azy ireo.

Manaraka, tsy kely fa lehibe, ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria: mba ampitomboy ny “effectif de brigade” ao Mangataboahangy satria fantatsika fa tena tany dezaka izany; tsy misy lalana tonga amin’izany anie, fa ny Sinoa no tonga any, mitaingina “motos” ary mamory ny harena any, satria misy vatosoa sy volamena any. Ny “effectif” amin’io “brigade” io dia efatra monja; mbola “brigade” ve izany Andriamatoa Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria. Ampitomboy ny isany satria “brigade” no anarany. Mbola mangataka koa “brigade” ho an’Ambondromisotra sy Itremo. “Fameuse” Kaominin’Itremo, faran’izay manankarena eran-tany kanefa izy.

Mangataka izahay Andriamatoa Minisitry ny Rano, tamin’ny fihaonantsika teto farany, nangataka mba asio teknisiana midina any hijery ny rano. Nanaiky ianao tamin’izay, mbola tsy tonga any anefa ny teknisiana hijery an’io olana mikasika io rano any aminay io. Mba alefaso azafady.

Ramatoa Minisitry ny Varotra: hazavao satria mbola 700 Ariary ny kapoakan’ny vary any aminay. Nivory tamin’ny “Conseil des Ministres” ianareo hoe hatao 550 Ariary ny kapoaka. “Les gens ne comprennent pas”, tsy fantany fa misy “frais de route” mety tsy hampiova ny vidiny angamba, fa ny olona tsy hieritreritra an’izany. Mba hazavao amin’ny fahitalavitra amin’izay mahalala ny olona.

Ny Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika: misy “projet” mikasika an’Ambatofinandrahana, Oniversite ve no hatsanganareo any sa CNTEMAD. Mangataka valiny izahay. Misaotra Tompoko.

Ny Minisitry ny Fizahan-tany: ity zava-baovao, Andriamatoa Minisitry, izao angamba aho vao miresaka aminao, fa any Ambatofinandrahana dia misy rano mafana fito karazana; misy aza karazana “geyser” mafana be. Mbola hifanatona isika hiresaka momba an’izay.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy naharitra nihaino ahy.

Misaotra anareo “honorable Deputés”.

Misaotra anareo mpikambana ao amin’ny Governemanta.

Marihana fa teny anelanelan’ny fandraisam-pitenenan’ny Solombavambahoaka, nisy ny fotoana nitarihan’Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena ny fivoriana.

Taorian’ny fandraisam-pitenenan’ny Solombavambahoaka, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hamarana izany ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera, raha toa manan-kambara handravona an’izay voalaza izay.

Manomboka izany, ny Filohan’ny Vondrona Parlemantera GPR, GPTIM, ny tsy miankina ary ny GPIRD no mandray fitenenana farany.



Araka ny voalaza tany aloha, telo minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera, kanefa nandraisana fanapahan-kevitra hoe hatao telo minitra na dimy minitra izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 31 no nilaza fa hatao telo minitra, Solombavambahoaka miisa 24 no kosa no nanaiky fa hatao dimy minitra.

Nambaran-dRamatoa Filoha, telo minitra no fe-potoana omena ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera hitenenana, ka ny Vondrona Parlemantera GPR no manomboka izany.

Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André.

Ataoko angamba fa raha izany 3 minitra izany, tsy ahafahanay GPR miteny firy, satria efa namintina izahay tamin'izao "face à face" izao ka hofintiniko arak'izay.

Lapan'ny Demokrasia ato koa ekenay GPR vitsy an'isa "centriste", satria ianareo maro an'isa no nanapaka izay telo minitra izay, kanefa ny nahazatra antsika dia tsy izay, fa mihoatra ny 3 minitra. Noho izany, ny zavatra hoteneniko mety tsy ho voateny avokoa kanefa tena ilain'ny firenena.

Mangataka sahady aho, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, mba tsy hampidirina ao anatin'ny satria hisaotra antsika eto aho, isika Antenimierampirenena izany. Tsy ampidirina ao anatin'ny telo minitra raha azo atao. Misaotra Tompoko.

Amin'ny maha Filohan'ny Vondrona GPR ny tenako no andraisako fitenenana eto ary isaorana sahady ianareo Governemanta namolavola an'iny "loi de finances" iny. Izahay Vondrona GPR dia nankatoa zato isan-jato azy ary namporisika ny namana rehetra nampandany azy koa. Arahabaina fa lany soa aman-tsara teto anivon'ny Antenimierampirenena izy iny.

Misy ny fiaraha-miasa izay angatahanay satria izahay dia tsy mpanohitra, nisafidy ho eo anelanelany. Nisy fanontaniana izay napetraka momba ny tsy fidinan'ny solika. Aiza ho aiza isika amin'izao. Mbola mitovy amin'ny valiny teo aloha ve ny momba an'izay satria tsy hitanay ny fidinan'ny vidiny.

Ny vidin'ny vary, satria ny vary no tena fototsakafontsika. Miteny isika Mpanatanteraka kanefa tsy mipaka any amin'ny Distrika rehetra misy anay izany. Heveriko, fa aleo tsy tenenina hoe izao no fetra tokony hivarotana ny vary, toy izay tenenina satria manakorontana ny olona any aminay; efa miakatra hatrany amin'ny 1 000 Ariary ny kapoakan'ny vary indraindray.

Momba ny KRAOMA, mba jereo akaiky io, Andriamatoa Praiminisitra satria betsaka ny feo momba izany. Hanao "évaluation" ny mambran'ny Governemantanao ianao ary raha nandinika isika tamin'ity "face à face" indray mitoraka ity, vitsy ny fisaorana. Miasa ianareo mpikambana ao amin'ny Governemanta, hitanay izany fa ny nahavitsy ny fisaorana, betsaka koa ny mbola tsy fahafahana manao.

Amin'ny Kaominin'i Brickaville manokana; miisa 9, aiza ho aiza ny "ristourne" momba ireo satria vola efa naloa tany amin'ny fanjakana izany kanefa io Kaominina io tsy misitraka an'izay akory.

Ny “Lycée” ao Betroka dia namoaka mpianatra maro tany aloha, zary lasa nofinofy izany amin’izao fotoana izao satria tena ratsy dia ratsy izany “Lycée” izany, nihemotra raha izay no ilazana azy.

Momba ireo “bénévole” miasa ao amin’ny Minisiteran’ny Fahasalamana, ianareo ao amin’ny Minisiteran’ny Asam-panjakana, tokony hijery an’io satria ampiasaina ireo olona ireo, mitsabo ireo olona ireo kanefa tsy omena karama, izay no maha “bénévole” azy. Jereo akaiky ny momba an’izay satria tsy eken’ny lalàna izany mampiasa olona tsy misy tambiny izany.

Farany, Andriamatoa Praiminisitra, misaotra anareo izahay GPR ary mamporisika anareo hametraka fiaraha-miasa akaiky aminay Solombavambahoaka GPR. Aza atao tompon-trano mihono izahay any amin’ny Distrika rehetra misy anay any satria betsaka ny fotodrafitrasa tokony hatsangana; izahay no mahalala ny zava-misy any amin’ny Distrikanay kanefa tsy fantatray. Voasoratra ao anaty “Loi de Finances” ny tokony hanaovanareo an’izany.

Tapitra ny anjarako kanefa mamelà ahy, Ramatoa Filoha, raha hisaotra ny Solombavambahoaka namako aho. Roa minitra fotsiny raha azo atao.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Fantatsika fa vita soa aman-tsara ny fifidianana Loholona ary Andrimpanjakana izay iankinan’ny fampandrosoana ihany koa izany satria tokony hitovy ny tadin-dokanga avy amin’ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona. Miarahaba ireo namana izay lany vonjy maika izahay ary miandry ampitoniana ny fivoahan’izany avy amin’ny HCC.

Eto, misaotra ny Solombavambahoaka rehetra GPR koa aho satria talohan’ny naha mpilatsaka ho fidina ahy, tsy Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky no mpilatsaka ho fidina, fa ny fisokafan’ny Filohampirenena tamin’ny GPR. Izay no hampandroso antsika, izay fifanomezan-tànana izay ary misaotra ny Filohampirenena Andry Nirina RAJOELINA tamin’izany, satria “décision” lehibe no noraisiny nisokatra tamin’ireo nifanome tànana aminy.

Misaotra ny Sekretera Nasionalin’ny IRD, MAPAR any Toliara ihany koa. Misaotra antsika Solombavambahoaka rehetra miisa 26 mandrafitra ny Faritanin’i Toliara tamin’ny fifanomezan-tànana ary tsy hadino koa isika Solombavambahoaka rehetra ato amin’ity Andrimpanjakana ity. Iza angamba, raha mivoaka soa aman-tsara ny voka-pifidianana, no andraisako fitenenana farany ato amin’ity Lapam-panjakana izay lolohavina an-tampon’ny loha izay manana ny maha izy azy ity.

Maniry izahay, ho anareo mpikambana ao amin’ny Governemanta mba hihaino ny feon’ireo Solombavambahoaka ireo. Betsaka ny zavatra nangatahana, tsy mbola afapo ireo Solombavambahoaka ireo, koa fifanomezan-tànana no hataontsika; aza andrasana mangotraka ny rano sanatrian’izay vao hifampihaino sy hanome valin-teny mahafapo.

Eto am-pamaranana dia manao mandrapihaona sahady, amin’ny taona 2024 indray isika mihaona ato amin’ity Lapan’ny Antenimierampirenena ity.

Misaotra Tompoko.

Fisaorana an'Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, nisitraka ny fotoana fohy sisa ipetrahany eto amin'ny Antenimierampirenena no navalin-dRamatoa Filoha izany ary nirary ny hahatonga soa aman-tsara ny vokatry ny fifidianana Loholona izay havoakan'ny HCC koa ny tenany.

Taorian'izay, nandray fitenenana ny Vondrona Parlemantera Tiako i Madagasikara na ny GPTIM dia Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antony José.

Ramatoa Filoha, alohan'ny handraisako fitenenana, mba mampahatsiahy aho, fa zendana ihany izahay; ohatran'ny akoho kely nopaohin-tsintsina satria nihena an-toerana tahaka ny any an-tsena ny fandraisam-pitenenana ho an'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera. Raha 10 minitra taloha, nihena 7 minitra ary 3 minitra sisa. Ahoana Ramatoa Filoha no ahafahana mamaky ireto taratasinay ireto ao anatin'ny 3 minitra kanefa isaoranay ianao satria ianao no mitarika anay eto amin'ity toerana ity.

Ny Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara izay eo anivon'ny mpanohitra dia manitsy, manankiana ary manome sosokevitra ihany koa. Noho izany, tena ilain'ny fitondrampanjakana ny fisian'izany Vondrona Parlemantera mpanohitra izany eto amin'ity Antenimierampirenena ity satria ao anatin'ny fifandanjan-kery koa izany.

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, mijoro eto tokoa ny tenako misolotena ny Vondrona Parlemantera mpanohitra ankehitriny. Zavatra vitsivitsy no azoko lazaina.

Voalohany, mikasika ny "îles éparses" izay teto amin'ity toerana ity no nanaovana fakankevitra tamin'izany fotoana izany; nanaovana fangatahana ny hamerenana ny nosin'ny Malagasy, izay fantatra fa nosy feno harena mihoa-pampana ary ahafahan'ny Malagasy miaina miala amin'izao fahantrana misy eto amin'ny firenena izao.

Fanontaniana, Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta: aiza ho aiza ny làlana efa nodiavina tamin'izany satria tsy hisy Malagasy na iray aza tsy hangataka ny fiverenan'izany nosintsika izany.

Mikasika ny LFI, somary mahasadaikatra ihany ny mijery azy satria tsy hita taratra amin'ny antsihiriany loatra ny fijerena ny sosialim-bahoaka. Ohatran'ny mahagaga ihany, Andriamatoa Praiminisitra, satria rehefa mijery ny vola ampiasaina amin'ireny Minisitera ireny, ny rahalahiko namako ao amin'ny Minisiteran'ny Fanatanjahantena, somary hita hoe miompana amin'ny fotodrafitrasa ny zava-misy kanefa ny vahoaka amin'izao fotoana izao tena sahirana.

Inona no porofo entin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ilazana fa hiakatra 4,5% ny tahan'ny fitombon'ny harin-karena faobe eto Madagasikara amin'ny taona 2021 araky ny LFI natao teo iny satria amin'izao fotoana izao, mbola -3,8% no tahan'izany eto amintsika. Ny manam-pahaizana ve no nanao an'io taha io sa entina andamindaminana zavatra eto amin'ny firenentsika fotsiny izany.

Aiza ho aiza ny mangarahara mikasika ny volan'ny Antenimierandoholona satria nahena ny isany. Nolazain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola fa nalefa any Atsimo hiadiana amin'ny kere ny vola.

Ny dikan'izay, mila ho fantatry ny vahoaka Malagasy, satria nolazain'Andriamatoa Filoha koa, fa rehefa mihena ny vola dia hisy fanorenana Oniverisite manerana ny Nosy. Heverinay fa tsy hisy Malagasy hanohitra izany. Ilaina izany saingy tokony hapetraka mazava tsara sy mangarahara ny mikasika azy.

Momba ny vola ihany no horessahako satria izay no azoko resahana dia ho tapitra ny fotoana. Momba ny vola, mihen-danja ny Ariary amin'izao fotoana izao kanefa isika efa nomen'ny FMI vola mitentina "160 Millions de Dollars" mba ahafahantsika mametraka tsara ny "balance de paiement". Mihena ny sandan'ny Ariary, ka hisy vokany lehibe amin'ny fanafarantsika entana izany. Manao ahoana ny politikan'ny Governemanta mikasika izany satria raha hanafatra entana isika amin'izao fotoana izao, ho lafo ny sandany ary hiakatra ny vidin'entana eto an-toerana.

Manao ahoana ny politikan'ny Minisiteran'ny Varotra amin'ity resaka vary ity, tsapa fa mikaikaika ny any ambanivohitra, etỳ andrenivohitra angamba mety moramora ihany raha ampitahaina amin'ny any ambanivohitra. Lafo loatra ny vidin'ny vary amin'izao fotoana izao. Tena miaina ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka ny vahoaka any ambanivohitra amintsika miteny izao.

Ho an'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy: iarahantsika mahita ary isika rehetra izao efa nandeha tany Antsirabe daholo, ka rehefa mandalo ao Ambohimandroso, very ao ny 15 na 10 minitra satria potika tanteraka ny lalana ao. Fantatsika tsara fa io tetezana any an-toerana io dia potika tamin'ny taona 2002. Namboarina niaraka tamin'ny tetezana ao Behenja izay tapaka amin'izao fotoana izao. Noho izany, mila mandray fepetra haingana ny Minisiteran'ny Asa vaventy sao lasa "médecin après la mort" ka hitera-doza vao taitra isika rehetra. Am-bava homana, am-po mieritreritra.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

Misaotra Andriamatoa Praiminisitra.

Misaotra Ramatoa Filoha.

Taorian'izay dia mbola nomen-dRamatoa Filoha, fe-potoana fanampiny, Andriamatoa Filohan'ny Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara raha mbola misy tiany hambara.

Nisaotra an-dRamatoa Filoha, Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José tamin'ny fanomezany fe-potoana fanampiny ho azy ary toy izao no tohin'ny teny nataony.

Ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana: mihoatran'ny 80% no isan'ny tantsaha amin'izao fotoana izao. Noho izany, mila mametraka programa mazava tsara ny Minisitera na kely aza ny vola eo am-pelan-tànany. Tsy manafina aho, Ramatoa Filoha, Andriamatoa Praiminisitra satria anisany nanatrika fizarana zezika; tena hita sy ambarako ary ijoroako vavolombelona eto izany, fa ny fizarana zezika sy ambioka dia natao ho an'ireo fikambanana miara-dalana amin'ny fitondrana. Indroa aho no nanatrika izany, vavombelona tamin'ny fizarana zezika ny tenako. Noho izany, tokony hatao mipaka any amin'ny tantsaha ny famatsiana zezika satria mandalo fahasahiranana izy ireo.

Farany, inona no programan'ny Minisiteran'ny Industria amin'izao fanarenana na ny «relance économique» atao izao satria ilaina ny fanampiana ireo orinasa maro eto Madagasikara izay niharan'ny hamehana ara-pahasalamana teo mba ahafahan'ny tanora hiverina hiasa indray. Anisan'izany ireny «Zones Franches» ireny, anisan'izany koa ao Antsirabe. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazako amintsika, fa mandeha indray ankehitriny ny fanakatonana orinasa tahaka ny "Triple A". Marihana fa tsy misy ifandraisany mihitsy amin'Andriamatoa Filoha Marc RAVALOMANANA izany orinasa izany. Mangataka izahay ny hijerena akaiky io orinasa io satria namelona olona tsy latsaky ny 6 000 ary namelona mpivarotra aman'alina ihany koa.

Izay angamba amin'ny ankapobeny, Ramatoa Filoha no resaka tianay ambara, fa ny JIRAMA no sisa holazaina farany. Ny JIRAMA tamin'ny andron'ny Repoblika Voalohany sy Faharoa dia anisany fakan'ny fanjakana vola taloha. Tena mampikaikaika ny vahoaka ny JIRAMA amin'izao fotoana izao. Tsy misy tsy mijaly amin'ny afitsoky ny JIRAMA, eny na isika mpitondra izao aza; tapaka ny jiro; «délestage» tsy misy farany sady misotro rano maloto isika rehetra izao. Marina fa tsy ampy ny rano any Andekaleka; izay no mahatonga ny JIRAMA tsy mahafehy ny resaka rano. Tamin'ny andron'ny 73 Solombavambahoaka anefa, nilaza ny sindikàn'ny mpiasa fa manana sosokevitra hampandrosoana ny JIRAMA izy ireo. Ny zavatra hita ankehitriny, betsaka loatra ny «prestataire»-n'ny JIRAMA izay miteraka fiakaran'ny vidin-jiro sy rano ka mahatonga ny vahoaka mitondra faisana amin'ity resaka JIRAMA ity.

Misaotra indrindra, Tompoko.

Taorian'izay, nomena fitenenana manaraka ny mpitarika Vondrona Parlemantera Tsy Miankina.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nitondra ny fitenenana, ka toy izao izany. Fisaorana an-dRamatoa Filoha sy ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ary Andriamatoa Praiminisitra miaraka amin'ny mambra ao amin'ny Governemanta no nanombohany ny fitenenana.

Efa voateny teo daholo ny tiana hotenenina, Andriamatoa Praiminisitra, kanefa rehefa tonga eto aminay ohatran'izao ianareo mambran'ny Governemanta dia misy lalàna mifehy antsika. Ao anatin'ny 2 volana amin'ny "session ordinaire", tokony ho tonga indroa eto aminay ianareo; ny iray ao anatin'ny iray volana; ny faharoa ny iray volana manaraka. Ity ataontsika androany ity dia natambatsika ao anatin'ny daholo ny roa volana anaovana izany. Tsy vitan'izay, fa tokony hantsoinay isan'andro ianareo, tsy hatao "interpellation" ny Minisitry fa eto ireo Solombavambahoaka hiresaka aminareo hoe ahoana sy ahoana ity. Tsy vitantsika anefa izany noho ny hamehana ara-pahasalamana; miasa be ihany koa ianareo ary ny Filohan'ny Repoblika nanome fetr'andro anareo hoe amin'izao no hijerenay ny fahaizanareo. Tsy maninona izany, Tompoko.

Misy hafatra kely homenay ihany anefa. Miala tsiny miala fondro; tsy hoe manankiana izahay fa eto no andrefesanay anareo. Aiza ho aiza ny asa vitanareo. Teto isika, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny taona lasa ary izaho no niteny fa tsy mbola azo refesina ianareo tamin'izany. Androany kosa efa azo refesina ianareo.

Mbola tsy hita tsara ny lalana andehanantsika, Andriamatoa Praiminisitra, fantatro tsara ny fahaizanao, fantatro ny fitondranao an'ireo olona ireo, ataovy mafimafy kely, Tompoko, raha azo atao.

Voalohany, mikasika ny FRAM: nilaza ny Filohan'ny Repoblika, fa tsy andoavana vola ny fampidirana mpianatra. Ny mpampianatra any aminay, any ambanivohitra rehetra any ny ankamaroany dia FRAM. Rehefa tsy mandoa vola ireo Ray aman-dRenin'ny mpianatra, ny mpampianatra no tsy mihinan-kanina voalohany. Tsy mihinan-kanina izy ireo ka mila jerena tsara, Andriamatoa Praiminisitra. Tena sahirana ireo mpampianatra FRAM ireo.

Faharoa, miresaka JIRAMA isika, resaka jiro, resaka rano sns... Nahazo vaovao aho androany momba ny PRIRTEM II avy amin'ny BAD mikasika ny fampidirana jiro avy eto Antananarivo-Antanifotsy-Fianarantsoa, ohatran'izany ny ao Sahofika sy ho an'ireo toerana maromaro izay efa nodinihan'ny BAD daholo. Inona no itenenako an'izany, mbola tsy vita ny sonianareo avy ao amin'ny Governemanta. Raha vita sonia izany dia ho vita koa ny lalanay avy ao Antanifotsy-Ambohitompoina-Belanitra. Raha vita sonia izany dia tsy ho sahirana intsony isika raha mikasika ny JIRAMA no tenenina satria handoa vola firy "Millions de Dollars" ho an'ny JIRAMA fotsiny isika.

Tapitra ny fotoana fandraisana fitenenana kanefa nomena fe-potoana fanampiny toy ny teo aloha ny tenany sady nomarihan-dRamatoa Filoha, fa tokony hojerena koa ny resaka «intérêt général» fa tsy Antanifotsy irery no tenenina.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha no nasetrin'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson izany sady nanohy ny teniny izy.

Hanampiana azy, ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka: maro aminay ireto no manana CSB I sy CSB II kanefa tsy misy dokotera any. Efa noteneninao teo, Ramatoa Filoha, fa tokony hasiana Dokotera izy ireny. Omeo «Infirmière» koa ho an'izay tsy manana rehetra.

Farany, misy Minisitry aminareo ireo sady Minisitry teknisiana no politisiana. Anisany manana izany isika ato. Ny tiana hanontaniana, Ramatoa Minisitry, satria betsaka ny resabe mandeha, fantatro tsara raha ianao ary haiko ny fahaizanao. Misy resabe mandeha amin'io holafitry ny mpanao gazety io, hazavao, Tompoko, satria maro amin'ireo faritra no manontany hoe: ahoana no fandehan'izany.

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Misaotra, Andriamatoa Praiminisitra.

Mankasitraka antsika rehetra, Tompoko.

Fisaorana an'Andriamatoa Mpitarika ny Solombavambahoaka Tsy Miankina no nataon-dRamatoa Filoha taorian'izay ary nanome fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD na ny GPIRD ny tenany hitondra teny farany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert no nitondra ny teny, ka toy izao izany.

Ramatoa Filoha,  
Andriamatoa Praiminisitra,  
Isika Solombavambahoaka namana hajaina rehetra.

Tompokolahy sy Tompokovavy, teboka roa no horeshana eto.  
Voalohany mikasika ny zava-bitan'ny Governemanta; ny faharoa, eo amin'ny lafiny ara-politika.

Mikasika ny zava-bitan'ny Governemanta: niarahantsika nahafantatra fa nandalo fotoantsarotra ny firenena, nandalo teo ny tondran-drano, nandalo teo ny "Covid-19"; na izany aza, araka ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka teo, Andriamatoa Praiminisitra, tsy very "repère" ny Governemanta amin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Governemanta. Hita sy azo tsapain-tànana fa mihatsara ny lafiny fandriamapahalemana, mihatsara ny lafiny fitantanana, mihatsarana ny fitantanana ny tetibola, mihatsara ihany koa ny lafiny ara-toekarena; raha tsy hilaza afa-tsy ny fitomboan'ny velaran-tany azo volena eto Madagasikara isika. Ny sosialim-bahoaka dia hita sy azo tsapain-tànana fa mivoatra, toy ny lafiny fampianarana, ny lafiny ara-pahasalamana, indrindra mikasika ny fampianarana; satria anisany nitondrana fanatsarana betsaka amin'ny tetibola taona 2021 izany, Andriamatoa Praiminisitra.

Ramatoa Minisitry ny Fanabeazam-pirenena, mangataka fiara 4x4 aminao ny "Chef CISCO" rehetra manerana an'i Madagasikara mba ahafahana manatsara ny resaka fampianarana.

Eo amin'ny lafiny ara-politika, tsy hainay ny tsy hisaotra ny Governemanta. Isaorana ianao, Andriamatoa Praiminisitra, satria vita soa aman-tsara ny fifidianana Loholona teo ary niaraha-nahita fa tsy nisy korontana; nalalaka dia nalalaka ny fampielezan-kevitra. Noho izany, miandry ampitoniana ny vokatry havoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC mikasika izany isika.

Farany, fantatray Andriamatoa Praiminisitra, fa mila fitoniana na "stabilité" ny mpamatsy vola mba ahafahany mampiasa ny volany eto Madagasikara. Mila "stabilité" koa ianareo Mpanatanteraka mba ahafahana manatontosa ireo velirano miisa 13 napetraky ny Filohampirenena.

Eto izahay, Andriamatoa Praiminisitra dia manome toky anareo Mpanatanteraka, ampitao amin'Andriamatoa Filohampirenentsika, fa tsy hisy izany resaka "motion de censure" izany raha mbola izahay no ato amin'ny Antenimierampirenena.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Taorian'izay, fisaorana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD na ny GPIRD no nataon-dRamatoa Filoha, tamin'ny fandraisany fitenenana farany.

Nambarany fa izay no fanontaniana na fangatahana na koa karazana fandrefesana ny asan'ny Governemanta.

Tsy tena sahy nandrefy anefa ny Solombavambahoaka fa angamba resy lahatra sy afaka manome toky amin'ny fampioerenana ny “stabilité des pouvoirs du Gouvernement”.

Rehefa izany, nambarany fa omena ny mpikambana avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenana hamaliany ny fanontaniana rehetra napetraka teo.

Nanao satroka, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, ka nomena fitenenana. Nambarany fa efa maro ny Solombavambahoaka no lasa nody; koa raha mety, araka ny fanao matetika, maninona raha atao an-taratasy ny valiny satria fotoana iasan'izy ireo momba ny “Loi de Finances” izao. Inona no mbola andrasana eto ary raha tsy manao izy amin'ny volana Mey 2021 dia amin'izay isika no miteny azy ireo. Noho izany, aleo atao an-taratasy ny valiny raha mety azafady.

Nisy sosokevitra momba ny hamaliana an-taratasy teo hoy Ramatoa Filoha namaly izany. Tsy misakana an'Andriamatoa Praiminisitra handray fitenenana anefa izany mba handravona izay rehetra voalaza teo. Tsy mitovy ny hevitra, kanefa ny hevitra ny besinimaro ihany no arahana; hanao tsangan-tànana ihany koa isika rehefa avy eo.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges ary nilaza fa ny olana amin'ny resaka valiny hosoratana ity dia misy ny modely tokony haterina any amin'ny Minisitra. Izany hoe, ny Minisitra no tokony hamaly ny fanontaniana fa tsy ny Tale Kabinetra. Valy boraingina no azo. Izay no zava-misy, ny Praiminisitra no tokony hanery an'ireo Minisitra ireo hanao zavatra mety sy tsara, fa aza atao ohatran'ny mandray sy tsy mandray telefaonina. Aza atao tahaka izany, fa lasa manahirana sy mampalahelo ary ohatran'ny tsy misy fotony izahay Solombavambahoaka eo anatrehan'izay.

Nomena fitenenana, Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, tamin'ny satroka nataony ary nilaza fa tsara raha mba misy valin-teny avy amin'ireo Minisitra satria saika mitovy daholo ny olana. Raha misy ny tranga manokana, ireny angamba no mila anatonana ny tomponandraikitra. Raharaham-pirenena ity ary fotoana ahafantaran'ny vahoaka eran'i Madagasikara hoe inona no valin-teny tandrify ity zavatra iray ity. Izay no fangatahana ka ny sosokevitra dia mamaly ny mambran'ny Governemanta satria mitovitovy ny fanontaniana, tsy voatery hamaly «question par question» izy ireo.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot kosa mbola nanao satroka ary nomena fitenenana; nambarany fa efa nisy fihaonana ohatran'izao teto nolazaina fa hatao an-taratasy ny valin-teny kanefa Minisitra iray ihany no namaly izany. Ho ahy manokana, hoy izy, aleo valiana ny fanontaniana amin'izay maheno ny vahoaka Malagasy manerana an'i Madagasikara. Aleo hivoaka ny valiny satria efa tsindrian-daona mafy ny vahoaka Malagasy hihaino ny valiny fanontanian'ny Solombavambahoaka isaky ny Distrika tsirairay avy. Amin'ity indray mitoraka ity, hamaly izy ireo ary avantana amin'ny Televiziona Malagasy koa izany amin'izay, tsy mahasarotra ny asa amin'ny fanaovantsika tatitra.

Nanamarika, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, fa ny nahatonga azy novaliana an-taratasy raha nahatsikaritra ny Solombavambahoaka, fa tamin'ny 1 ora, maraina, vao vita ny fanontanian'ny Solombavambahoaka; na ny olona hihaino azy aza efa natory. Amin'izao, nirava niasa ny olona ka mba te-hijery an'ity raharaha ity, koa mangataka, Ramatoa Filoha, mba hovaliana eto ny fanontanianay.



Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 3 no nilaza fa tokony hovaliana an-tsoratra ny fanontaniana napetraka teo. Solombavambahoaka miisa 45 kosa no nilaza fa hamaly am-bava mivantana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hamaly am-bava amin'izao fihaonana izao ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ka Andriamatoa Praiminisitra no handray fitenenana mialoha.

Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta Misaotra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanomezana indray ny fitenenana any mambran'ny Governemanta amin'izao dinika izay efa natomboka hatramin'ny maraina izao.

Mankasitraka sy mankatelina anareo Solombavambahoaka izay tsy sasatra nifampizara taminay ny zava-misy iainanareo any amin'ny Distrika nahalany anareo tsirairay avy any, indrindra koa nitondra fanamarihana na tsikera na sosokevitra nandritra izao fihaonana izao.

Tao anatin'izay rehetra izay no azo ilazana fa nisy tokoa ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana tamin'ity taona ity satria betsaka taminareo no nankasitraka ny ezaka niombonantsika tamin'ny fifamenoana tamin'ny fitondrana ny firenena. Samy tomponandraikitra isika rehetra ary samy manana adidy amin'ny sehatra sy ambaratongam-pitondrana misy antsika tsirairay avy.

Raha iverenana ny fanontaniana maro nipetraka teo ary raha tsy maha diso, Ramatoa Filoha, hatombokatsika amin'ny Minisitery izay manaraka ny arofenitra koa ny fandraisam-pitenenana. Somary hafaheza ihany amin'ireo fanontaniana miverimberina satria fototra iray raha ohatra azo atao izany. Ny tenako no handravona ny fandraisam-pitenenana amin'ny farany raha ankasitrahantsika.

Misaotra Tompoko.

Rehefa izany, niroso tamin'ny famaliana ny fanontanian'ny Solombavambahoaka ireo Minisitry tsirairay ka toy izao izany.

### **Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena**

Misaotra ny Solombavambahoaka amin'ny fiaraha-miasa nisy hatramin'izay teo amintsika tao anatin'ny sehatry ny fandriampahalemana, indrindra ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

Momba ny fanisana na "révision" mikasika ny miaramila vavy: tsara ho fantatra fa nisy ny Didy hitsivolana laharana faha-78/002 tamin'ny 16 Febroary 1978 izay mamariparitra ny fomba tokony hanaovan'ny olom-pirenena Malagasy fanompoam-pirenena. Vao haingana no naka Didim-panjakana laharana faha-020-1354 ny Governemanta, voalazan'ny andininy voalohany fa ny olom-pirenena lahy sy vavy dia tokony hanao fanompoam-pirenena avokoa.

Andininy faharoa, ny olom-pirenena lahy sy vavy dia manana adidy sy andraikitra amin'izany fanaovana fanompoam-pirenena izany. Andininy fahatelo, tsy maintsy ataon'ny olom-pirenena ny fiatrehana ny fitsarana miaramila. Mampihatra ny lalàna misy isika amin'izao fotoana izao.

Ny antony, misy ny andraikitra na ho an'ny lahy na ho an'ny vavy satria fantatsika fa ireo olona manao "révision" dia mahazo karatra maitso mba ahafahan'izy ireo manamarina fa ara-dalàna izy manoloana ny lalàna velona. Io karatra maitso io no ahafahany manana ny "certificat de laissez-passer", taratasy ilaina raha hivoaka any ivelany ka hanao "visa", na hanao fanadinana na hirotsaka hofidina koa. Noho izany, fanarahan-dalàna no atao.

Mikasika ny DSS, misy fanamarihana kely satria DSS iray ihany no any Vangaindrano, any Vondrozo sy ny toerana sasany. Marina fa efa misy fotodrafitrasa vita ankehitriny kanefa mbola tsy manara-penitra noho ny halavirana ohatra. Somary sahirana ireo "entrepreneur" mitondra ny fitaovana any an-toerana. Miandry azy ho vita tanteraka isika. Ny fitokanana azy, hisy ny "calendrier" hidinan'izy ireo hanao izany miaraka amintsika.

Mikasika an'Ikalamavony amin'ny fangatahana DSS ao Ambatomainty, iharahanay amin'Andriamatoa Praiminisitra izany satria tafiditra ao anatin'ny "loi de finances initiale". Ho hita eo ny fanapahan-kevitra horaisina momba izany.

Mikasika ny hanaovana "patrouille en ville", marina izany raha eto Antananarivo. Marihana fa ny miaramila ao amin'ny tafika Malagasy dia miparitaka eran'i Madagasikara. Lazaina amintsika fa any atsimo fotsiny, momba ny kere, efa miisa 600 mahery ny miaramila nalefa any, ny eto Antananarivo no somary antonitoniny kanefa tsy maintsy misahana ny asan'ny fandriampahalemana izy ireo.

Fanontaniana niverina matetika ny tokony hampiasana angidimby mba hampandriana fahalemana ny tany sy ny fanjakana. Tsara ho fantatra fa misy fomba fampiasana azy ireo; ao ny resaka "météo", raha sanatria ratsy ny andro, tsy azo ampiasaina izy ireo. Maro ny toerana efa nampiasana izany, toy ny tao Bekapaiky, intelo no nahatongavany tany. Tany Betsipolotra, angidimby no nahafahantsika nanala ireo Zandary tafiditra tao anaty "embuscade" nataon'ny dahalo ary nisy naratra tamin'izay. Tamin'ny herin-taona, nisy mihitsy dahalo nitifitra ny angidimby nampiasaina. Miasa foana anefa ireo angidimby ireo na andro na alina. Ohatra amin'ny fampiasana azy koa ny fiarovana ireo valan-javaboahary.

Maro ny toerana anjakan'ny tsy fandriampahalemana, toy ny any Anjozorobe. Raha iny toerana <sup>ny</sup> manokana, rehefa voatery avy any Tsaratanana ny dahalo dia mihazakazaka makany Andilamena, midina any Anjozorobe; koa amintsika miteny izao; efa misy hetsika ataon'ny tafika Malagasy sy ny Zandary amin'ny toerana misy ny kizon'ireo dahalo izay manimba ny fiaraha-monina amin'ireny faritra ireny. Tahaka izany koa any Manja. Ny azo lazaina dia efa manao ezaka amin'ny fanitsiana ny rafitra ny Tafika ankehitriny ary efa misy paikady, hisy ny fanapahan-kevitra momba ny ZRPS izay vao avy nandalo Filankevitry ny Minisitra ka nisy Didim-panjakana noraisina nametraka ny «Zone de Défense et de Sécurité» izay manolo ireo Faritany Miaramila 6 teo aloha. Ankehitriny, hisy « Zone de Défense et de Sécurité » miisa 10 ary hisy koa ny atao hoe «Délégation Militaire Régionale» miisa 22 hapetraka isaky ny Faritra eto Madagasikara.

Izany hoe, hanatona kokoa ny mpitondra any amin'ny Faritra, hanatsarana ny fandriampahalemana izay imatimatesantsika sy tadiavin'ny vahoaka malagasy satria raha tsy mandry fahalemana dia ho sarotra ny hirosoantsika amin'ny asa fampandrosoana.

Misy paikady apetraka any ary isaorana, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny fametrahana ny "poste budgétaire" amin'ny "renforcement" satria ny BOA sy ny DSS izay hamboarina, tsy maintsy mila vola. Misy efa vita, misy ny hamboarina amin'ny taona 2021. Haparitaka manerana an'i Madagasikara ny Tafika Malagasy mba hanakaiky vahoaka. Rehefa mifankahita isika, hohonenareo eo ihany ny hetsika ataonay.

Any Etrotroka sy ireo toerana hafa dia efa nametrahana paikady daholo ary amin'izao fotoana izao, efa manao fanitsiana ny rafitra ny Tafika mba ho tonga sy hipariaka manerana an'i Madagasikara ny Foloalindahy ary tena ho tsapan'ny vahoaka ny asan'izy ireo amin'ny fametrahana ny fandriampahalemana.

### **Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisiteran'ny Fitsarana**

Mankatelina ny fisaorana nataon'ny Solombavambahoaka maro teo, singanina amin'izany, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, Ramatoa MAMIZARA Yasmirah Loeticia, Andriamatoa INDRIANDRO Julien, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary Andriamatoa RAMAHERIJAONA Hajaniriana Lanto.

Amin'ny ankapobeny, fankasitrahana no nataon'ny Solombavambahoaka na eo aza ny lesoka mbola misy mikasika ny raharaham-pitsarana eto amintsika.

Momba ny fangatahana fanamboarana fonja vaovao, voaray ny mikasika azy ireo ho an'izay Distrika nanao izany.

Any Sainte-Marie, momba ny fanamboarana ny fonja, anterina hatrany satria nisy "appel d'offres" saingy nisy olana ara-teknika, mbola tsy nandeha izany kanefa efa nahazo toromarika avy tamin'ny Praiminisitra amin'ny hanatanterahan'ny "entreprise" tokony hanao ny asa. Noho izany, tsy ho ela dia hojerena.

Mikasika ireo toerana efa manana tany, toy ny any Nosy Be, amin'ny hanorenana fonja; matetika misy olana izany satria misy olona misakana amin'ny fanatanterahana ny asa. Izany hoe, miangavy fiaraha-miasa avy aminareo hanamora ny fahazoana fotodrafitrasa.

Momba ny fanamboarana fonja hatrany, efa manomboka ny asa ho an'ny toerana sasany. Ny vola hanaovana izany, miaraka mitady ny fitondram-panjakana. Angamba rehefa tonga ny "Loi de Finances Rectificative", ho hita eo raha azo ampidirina izany satria efa nilaza ampahibemaso teto ianareo nangataka izany.

Ny amin'ny fangatahana fametrahana fitsarana, voaray ny fangatahana ka hojerena ny fomba hanaovana izany.

Mikasika ny fitsarana any Ambatofinandrahana; noho ny fandaminana ara-bola nisy teto amin'ny tany sy ny fanjakana dia mbola nosintonina satria tsy maintsy notanterahana ireo efa nekena natao teo aloha. Voaray, Ramatoa Filoha, ny fangatahanao. Raha misy ny "Loi de Finances Rectificative", ho hita eo ny fomba hanatanterahana izany any Ambatofinandrahana.

Mikasika ny "doléance", ny fitsarana amin'ny ankapobeny dia manana ny fahaleovatenany raha ny Lalàmpanorenana no jerena. Izahay tsy afaka mamaly eto hoe havoakako izy rahampitso na hangataka amin'ny fitsarana hoe avoahy io olona io. Horaisina ny "doléance" ka hanao ny fanadihadiana izahay saingy tsy maintsy hajaina koa ny arofenitra na ny "principe d'indépendance"-n'ny mpitsara. Tany demokratika isika ka tsy maintsy hajaina ny antonantony mety nametrahan'ny olona ny "doléance".

Hiezaka hitondra valim-panontaniana mifanandrify amin'izany izahay, indrindra amin'ny fijerena ny famoahana ireo olona nogadraina ireo. Tokony hanome "référence de dossiers" momba izany koa ny Solombavambahoaka mba hanaovanay fanadihadiana sy hanomezana valiny mahafapo ny rehetra mikasika ny halatra omby nahafatesan'olona ary nampigadra ny mpanara-dia.

Efa nisy baiko azonay avy tamin'ny Praiminisitra mikasika ny "principe de mobilité". Miezaka ny fitsarana mba hanome aina vao sy fomba fiasa vaovao ary manova toerana ny mpitsara, ny "greffier" ny "Directeur régional" ary ny fandaminana ny "administration pénitentiaire". Antony ara-teknika no mbola tsy mahatanteraka ny famindrana fa raha ny fanapahan-kevitra teo anivon'ny CSM na ny "Conseil Supérieur de la Magistrature", ho an'ny mpitsara, ny "direction de greffier", ny "service pénitentiaire" dia efa nanomboka nanao izany fanovàna izany izahay. Efa hita taratra ny fiovan'ny rivotra vaovao amin'ny fomba fitantanana any amin'ny fitsarana, any amin'ny "service pénitentiaire" sns...

Misy ny "réforme de sécurité" atao ary miezaka koa ny fitsarana amin'ny ady atao amin'ny kolikoly.

Mikasika ny kopia, marihana fa ny fandraisana mpitsara aloha noho ny antony maro dia mbola tsy tanteraka. Mino isika fa amin'ny taona ho avy, tsy maintsy ho tanteraka ny fandraisana mpitsara. Tsy fahampiana, izany no antony mahatonga ny fahasaratana amin'ny fanaovana "déplacement" na manao "audience foraine" na manao "jugement supplétif" ka lasa maro ny zaza teraka no tsy voasoratra. Misy ny fahalemena kely amin'ny tsy fananana mpitsara. Fantatrareo, fa ny nahatonga ny fampitomboana ny taona fandehanan'ny mpitsara misotro ronono ho any amin'ny 65 na 67 taona dia noho izay tsy fahampiana izay. Hatreto aloha, ny fitsarana no midina ka manao "jugement supplétif" amin'ny fomba hahazoan'ny olona karatra na kopia. Apetraka aminareo ny fanentanana ny olona satria hadinony fa tokony hisoratra izy mandrapahatongan'ny fandaminana vaovao. Efa mandinika ny Governemanta amin'ny fomba hanoratana faobe mba hananana "identité" ho an'ireo zaza rehetra vao teraka.

Mikasika ny raharaha tany Farafangana, mbola misy 16 no tsy tratra. Marina izany, matahotra ny vahoaka satria mbola misy miriaria any izy ireo.

Marihana fa sambany teo amin'ny tantaran'ny firenena ny fitsarana no nisy "Procureur de la République, Substitut" niara-midina tamin'ny Zandary tany an-toerana, eny na tsy asany aza izany; nandeha nitady tamin'ireo toerana mety hahitana ireo olona mbola karohina ireo.

Misaotra tamin'ny fiaraha-miasa teo amin'ny "sécurité" indrindra ny Zandary, ny Polisy ary ny Miaramila satria nanao fanentanana izahay tany amin'ny toerana heverina fa misy an'ireo olona mbola tsy hita ireo. Anaovana antso avo na efa nanao aza ny Zandarimaria, antso amin'ny hanomezana "rénumération" ho an'ny olona mety mahatratra ireo gadra ireo. Tsy olona mipetraka ao an-tanàna intsony ny ankamaron'ny mbola tsy hita ireo, fa lasa any amin'ny tany tsy fantatra any. Efa nalefa ny mombambomba azy ireo; koa izay mahalala isika dia miaraka misalahy amin'ny fikarohana azy ireo. Marina tokoa fa raha mbola tsy hita izy ireo, mampisavorovoro saina mandrapahatratra azy ireo, ka handalovany fitsarana. Marihina fa ny ankamaroan'izy ireo dia efa nandalo fitsarana avokoa; olona efa nahavita heloka bevava no betsaka tamin'ireny. Efa niezaka ny fitsarana nanao karazana fitsarana ady heloka bevava ary mbola mitohy izany. Izay no nahatonga anay nampihemotra "vacance judiciaire", ka tsy mirava raha tsy any amin'ny 25 Desambra any. Niasa mafy mihitsy ny tribonaly tamin'ny fitsarana ireny olona ireny; 9 volana no faharetan'ny fihibohana, tsy nisian'ny fitsarana, kanefa miezaka mitady ireo olona miisa 16 ireo izahay hatramin'izao.

Miezaka izahay ary mangataka fanampiana avy aminareo mba hananantsika vokatra tsara. Hatreto, mbola tsy hita ireo gadra miisa 16 voalaza teo.

Mikasika ny Beroroha, saika hamaly izahay hoe sambany vao naheno fa misy zavatra tsy mety any. Raha ny "procureur" ao Ankazoabo, sahinay ny milaza fa matetika izahay no nahazo fankasitrahana avy tamin'Andriamatoa Praiminisitra momba ny fiasany, tsy izy irery ihany fa maro izy ireo. Amin'izao fotoana izao, mahafaly ny milaza amintsika fa misy ny vokatra tsara. Miezaka io "procureur" io; resaka "meurtre" no nolazaina teo hoe: mahagaga fa rehefa alefa avy any Beroroha, afaka rehefa tonga any. Tsy marina angamba izany satria raha ireo resaka "meurtre" rehetra ireo raha sanatria ka mivoaka daholo dia hifototra aty aminay. Raha ohatra tranga ny iray no nampisy olana, aleo jerena ihany satria raha ny vaovao azo, nifandray tamin'ny fampiharana ny dina iny zavatra iny. Fantatsika fa amin'ny resaka dina, tsy miditra mihitsy ny fitsarana raha tsy efa vita ny azy. Ny dina dia ny vahoaka no manapakevitra, fa rehefa tsy vita avy any vao alefa any amin'ny fitsarana.

Mikasika ny "immobilité" izay nahazoanay baiko avy tamin'ny Filohampirenena dia 5 taona eo ho eo, ka izay no tanterahanay. Matoa midina any amin'ny 2 na 3 taona izany, misy antony manokana ao. Tsy azo atao anefa izany eo anatrehan'ny tsy fahampian'ny mpitsara.

Raha misy ny tsy voavaly, vonona hatrany ny Minisiteran'ny Fitsarana handray antsika; sady mandray fanankianana no mandray tolo-kevitra amin'ny fanatsarana ihany koa.

### **Minisiteran'ny Raharaham-bahiny**

Miala tsiny raha voatery nisintaka kely teo satria namonjy fanasana avy tamin'ny masoivohon'i Rosia; hody atsy ho atsy izy kanefa ny tenany no "doyen de corps diplomatique" eto amintsika. Amin'ny maha Minisitry ny Raharaham-bahiny no nandraisana fitenenana tany ho fanehoana fisaorana azy tamin'ny adidy nataony nandritra ny 7 taona niasany teto amintsika.

Tsara ny manamarika fa fanontaniana iray ihany no voarain'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny.

Heverina fa mahaliana ny Solombavambahoaka sy ny vahoaka Malagasy ny hahalala ny valin'izany.

Aiza ho aiza ny fitakiana ny nosy Malagasy manodidina antsika amin'izao fotoana izao. Izay no fanontaniana nipetraka.

Raha fintinina, mbola mitohy hatrany ny fitakiana ireo nosy Malagasy ireo.

Tamin'ny fihaonana farany teto, nilaza izahay fa tokony hisy fihaonana faharoa ataon'ny "commission mixte" any Frantsa satria ny fihaonana voalohany dia natao teto Madagasikara, teny Andafiavaratra.

Noho ny "coronavirus" anefa, mbola tsy tanteraka izany, fa manantena ny hanovana azy amin'ny taona ho avy, amin'ny volana Janoary na Febroary any. Arakaraky ny fizotry ny valan'aretina any Frantsa satria sarotra amin'izao "2<sup>ème</sup> vague" izao ny handehanan'ny delegasiona Malagasy any sao sanatria tratran'ny "coronavirus" any daholo.

Teo anelanelan'izay anefa, nisy "projet de décret" noraisin'ny Frantsay hoe hanovàna ho "réserve naturelle" ny "île Glorieuse" na ny Nosy Sambatra.

Nanohitra an'izay isika ary nampiantso ny masoivohon'i Frantsa. Tsy nijanona tamin'izay fa nampita ny fanoherantsika tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Firenena Mikambana, ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Afrikana ary ireo mpikambana ao amin'ny SADC.

Tamin'ny faha-26 Jona 2020 teo, rehefa niala tany amin'ny fankalazana ny fety niverenan'ny fahaleovantena izahay dia namonjy ny fivorian'ny "organe de coopération de matière politique, de défense et de sécurité" an'ny SADC izahay. Tamin'io fivoriana io no nahazoantsika fanohanana avy tamin'ny SADC. Izany fanohanana izany dia manameloka ny "occupation et exploitation continue et illicite des îles" ataon'i Frantsa ary nangataka ny Frantsay hamerina ny nosy. Mbola nitohy tamin'ny faha-6 Desambra 2020 teo ny fivoriana; nisy ny «sommet des chefs d'Etats et des Gouvernements de l'union Africaine» ary mbola nampidirina tao koa io resaka io. Nisy ny fanohanana an'i Madagasikara tamin'ny fitakiana natao; niantso an'i Frantsa hamerina izany amintsika.

Nandritra ny "Assemblée générale de l'ONU" tamin'ny fandraisam-pitenenan'ny Minisitry ny Raharanam-bahiny sy ny Minisitry ny Tontolo Iainana, nisy koa io fitakiana io na tsy tao anaty «ordre du jour» aza satria noheverina fa «format virtuel» ka tsy natao entina miresaka an'izany. Raha natao tao anaty "ordre du jour" izany dia nanaovana «enregistrement vidéo»; tsy nisy ny fifanakalozan-kevitra, tsy nisy dinika natao ambadika. Izay no nahatonga ny fanjakana Malagasy milaza hoe: aleo miandry fa rehefa misy ny "Assemblée générale de l'ONU», izay vao mangataka ny hampidirana azy ao amin'ny «ordre du jour» isika.

Araka ny hitanareo, mitohy ny fitakiana ary mailo hatrany ny fitondrana Malagasy sy ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny mba tsy hisian'ny fifanarahana mety hahazontsika an'ireo nosy ireo; na amin'ny fifanarahana momba ny «accord post Cotonou entre l'Union Européenne et Pays d'Afrique, Caraïbes et Pacifique» satria nisy resaka fifanarahana tamin'ny «Pays ACP» sy ireo Nosy na toerana ivelan'ny firenena Eropeana.

Nilaza i Madagasikara fa azonay ekena izany raha ohatra tianay hoe tsy tokony hihatra amin'ireo «zones contestées» na ireo «territoires contestés» izany.

Tahak'izay koa no nisy tamin'ny IORA na fikambanan'ireo firenena manakaiky ny ranomasimbe Indiana (Association des Etats riverains de l'Océan Indien), mpikambana feno ao isika ary i Frantsa koa nangataka ny hiditra amin'izany. Afakampitso izao dia hisy ny "Conseil des Ministres" momba ny IORA izay hatrehiko amin'ny 2 ora, tolak'andro. Amin'izany no hanamafisana hoe hanaiky isika raha ho mpikambana ao amin'ny IORA koa i Frantsa saingy amin'ny anaran'i "La Réunion" ihany, fa tsy misy ny ankoatran'izay.

Raha fintinina, tena mitaky isika ary mbola mitohy ny fitakiana hatramin'izao. Mamelà ahy hindrana ny tenin'ny Filohan'ny Repoblika Andry RAJOELINA rehefa nisy ny fanakianana taorian'ny nilazan'ny mpitondra Frantsay hoe: "ici c'est la France". Namaly ny Filohan'ny Repoblika tamin'izay hoe: matokia ny fitiavanay ny tanindrazana ianareo.

Izay no hamaranako azy hoe: matokia ny fitiavanay ny tanindrazana ianareo, fa tena hitaky an'ireo Nosy ireo isika ary mbola mitohy ny fitakiana izany.

### **Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola**

Mikasika ny TPI any amin'ny Kaominina, fantatra fa nisy fandaminana natao taty aorian'ny taona 2014. Heverina fa fomba fiasa azo atsarina izany. Marihana fa samihafa ny fomba fiasan'ny "ordonnateur" sy ny "comptable" ka aoka tsy hafangaro. Tokony hisy fandrinrana asa eny anivon'ny "trésorerie municipale" ka any no hahitana na hatao "virement bancaire" ny vola na atao avy hatrany ny "paiment d'indemnité" na hatao "bon de caisse". Azo hatsarina daholo izany fomba fiasa izany saingy tsy ilaozan'izay zavatra tsy tomombana.

Azo ifanarahana tokoa raha ny resaka mangarahara; iza no namerina ny vola avy any ivelany na ny "rapatriement de devises". Efa niezaka momba izany ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Tsy vita anio dia anio izany satria fomba fiasa vaovao no iainantsika amin'izao. Izahay mahafantatra, ianareo mahalala fa eo anatrehan'ny asa sy ny fandaminana napetraky ny Praiminisitra, hafa mihitsy ny tontolo iainantsika ankehitriny, tsy mitovy amin'ny Governemanta teo aloha. Ankehitriny dia jerena amin'ny antsipiriany daholo ny zava-drehetra eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana. Ao anatin'izany, ny fanaraha-maso ireo orinasa mpanondrana entana any ivelany; miisa 2263 izany ankehitriny. Ny manara-dalàna amin'ireo, miisa 1395, ny tsy manara-dalàna kosa miisa 868. Ny totaliben'ny vola amin'izany no tantanantsika amin'izao fotoana izao satria ezaka goavana mbola tsy nisy nanao ohatran'izao nataontsika izao no natao. Maro ireo mitaraina sy manao "intervention" atsy sy aroa milaza hoe: Andriamatoa Minisitry, mba ampio ity orinasa ity. Izahay tsy nanao an'izany fa ny fantatray dia ny zavatra misy ankehitriny.

Ny vola arahintsika maso amin'izao dia mitentina 21 326 000 000 000 Ariary, ny vola efa tafaverina kosa, mitentina 18 398 000 000 000 Ariary. Azo lazaina fa efa betsaka io vola tafaverina io.

Momba ny hoe miakatra ny sandan'ny "Dollar" sy ny "Euro"; tsia, mba vakio ny gazety, jereo ny "site"-n'ny Banky Foibe ary ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Tao anatin'ny iray volana, nidina ny sandan'ny "Dollar" sy ny "Euro", azo arahina maso izany. Vokatr'izay, azo tsapain-tànana fa misy ezaka ataon'ny Banky Foibe ankehitriny; misy ezaka koa ataon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Ny Banky Foibe efa mikarakara ny “politique monétaire” ary ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola kosa mikarakara ny “politique budgétaire”. Miara-miasa izahay ary azonareo refesina avy hatrany ny dingana vita.

Mikasika ny “relance économique”: ny atao hoe “relance économique” dia manao ezaka manokana amin’ny lafiny «investissement» ny mpitondra fanjakana. Izay no ataon’ity Governemanta ity amin’izao fotoana izao. Isika tsy hilavo lefona ka hijanona amin’ny “situation d’investissement” teo aloha, fa hanao ezaka manokana.

Hanome tarehimarika satria mety tsy tsaroanareo fa ao amin’ny “Tome III” any amin’ny “Cadrage Macro-Budgétaire à Moyen Terme” dia ho hita ao fa 54 675 000 000 000 Ariary ny PIB izay eritreretina tamin’ity taona ity ary amin’ny taona 2021 kosa ho lasa 58 286 000 000 000 Ariary izany. Midika izany fa hanao ezaka isika hampitomboana ny harinkarena faobe na ny PIB. Tsy mety angamba eo anatrehan’ny velirano nataon’ny Filohampirenena sy ny “Plan Emergence Madagascar” raha ohatra ka hijery isika hoe 54 000 Miliara izy amin’ity taona ity dia mbola hijanona ho 54 000 Miliara ihany amin’ny herintaona, “0% de croissance”. Tsy mety izany ary tsy izany no iraka napetraka taminay. Ny andraikitra napetraky ny Praiminisitra sy ny Filohampirenena tamiko dia ny hanaramaso ny fitantanana ny volam-panjakana ary ataoko am-panetren-tena izany.

Somary hanome fomba fanaovana kajy aho raha mety amintsika satria resaka “denominateur” no atao hoe “relance économique” ary nisy fanontaniana niverina teo momba ny “loi de finances”. Raha ohatra miainga amin’ny -3,8 amin’ity taona ity dia hatratra 4,4 ve amin’ny herintaona.

Raha ohatra ka ny “taux de croissance” ny taona 2020 sy 2021: 22 286; analana an’io “prix constant” io; miala tsiny aho fa misy lafiny somary matematika kely, “à prix constant” noresahiko teo fa “prix courant” kosa ny 54 000 nolazaiko voalohany, satria 22 297-21 336/21 336, ataovy ny kajy fa tratra ny 4,4. Resaka “denominateur” io kajy io. Tsy misy maharatsy an’izany ary voninahitr’i Madagasikara izany. Vao avy nijery ny “perspectives économiques de l’Afrique Australe» aho teo, 5,6% ny azy; ny “perspectives économiques de l’Afrique” vao nivoakan’ny FMI Oktobra 2020: 6%. Nahoana isika eto Madagasikara no tsy hahazo 4,4. Vitantsika izany raha miaraka amin’Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA isika.

Mikasika ny “carte verte”, ny Minisiteran’ny Mponina angamba no manan-kambara amin’izay. Tsarovy fa efa misy Lalàna mipetraka ankehitriny momba ny “personnes âgées”. Heverina fa tsy misy maharatsy ny fandinihana izay satria amin’ny alalan’io “carte verte” io no ahafahana manome tombotsoa ho azy ireo, toy ny “transport en commun” sy ny hafa.

Momba ny resaka “contrôle financier”, tsy misy “blocage” ao amin’io sampandraharaha io. Ny asany dia manaramaso ny zavatra atao mikasika ny “finances”. Izany hoe, mijery raha mifandrify amin’ny “budget” ampiasainao ny “engagement” ataonao sy ny “facture” izay napetrakao. Tsy maintsy mifanojo koa ny daty anaovana ny fampiasam-bola voasoratra amin’ny asa atao. Manaramaso an’izay no tena asany. Izany hoe, hatsaraina ny fitantanambolam-panjakana amin’ny ankapobeny.

Mikasika ny “réseau TIAVO”; resaka sarotra izy io ary ny “micro finance” amin’ny ankapobeny dia efa ao ampanatsarana azy isika ankehitriny.



Efa misy ny atao hoe PIFM ary noho ity fivoriana anio ity, tsy afaka nanotrana ny fivoriana niarahana tamin'ny Banky Foibe tamin'ny 10 ora, maraina, teo nandiniana mikasika io rafitra PIFM io izahay.

Betsaka ny ezaka efa vita momba ny TIAVO, efa nisy vola 7 Miliara naloan'ny fanjakana tamin'izany; ny Banky Foibe koa efa nandoa 6 Miliara. Heverina fa efa ampy izay. Efa hapetraka ny "Administrateur de résolution", izay no iantsoana azy ankehitriny; izy no hitady "repreneur" ho an'io "micro finance" TIAVO io satria efa be loatra ny vola lanintsika tao.

Momba ny "inflation" ankehitriny, aleo ny antontan'isa no hiteny.

Efa Minisitra taloha angamba ny olona nametraka ny fanontanina teo raha tsy diso aho. Ny taona 2015: 7,4% ny "taux d'inflation", ny taona 2016: 6,7%, ny taona 2017: 8,6%, ny taona 2018: 8,6% ary ny taona 2019: 5,6% izany. Aleo mitandrina fa tsy mitovy ny "inflation" sy ny "hausse de prix". Tsy mitovy amin'ireo koa ny «inflation monétaire». Ity farany no iriantsika hitraka satria midika izay fa misy "planche à billet" ao amin'ny Banky Foibe na misy fanodikondinana ny isa samihafa. Tsorina fa tsy mety ny zavatra tahaka izany.

Somary idirana ny momba an'i Vangaindrano hoe RNT18, Befotaka, Midongy Atsimo, Vondrozo, Ihosy: samy hisitraka 800 000 000 Ariary tsirairay avy ireo toerana ireo; heveriko fa raha atao ny «addition» mety mitontona ihany any amin'ny 4 Miliara izay nolazain'ny Solombavambahoaka teo. Ny Minisitra namana eo hanazava ny mikasika izany.

Ny mikasika ny «affectation» momba ny «service régional» misahana ny tetibola izay noresahina teo; marina fa tsy maintsy misy fandaminana apetraka ary tokony hahitsy ny fomba fiasa. Raha tsy diso izahay, mpiasa miisa 10 teo ihany no voatery naporitaka tany amin'ny Faritra hafa, toy ny tany SAVA, Antsohihy, Maevatanana, Maintirano, Ambovombe, Ihorombe, Atsimo Atsinanana. Ao anatin'ny fandaminana daholo izany.

### **Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana**

Hita fa saika isan'andro no navoaka tamin'ny haino aman-jery ny momba izany; nilaza hoe inona no fanampiana azo tamin'iza ary nalefa taiza. Tamin'ny fomba mangarahara daholo izany rehetra izany. Hita tamin'ny antsipiriany ao amin'ny tranon-kalan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola koa hoe ohatrinona ny vola azo, nampiasana tamin'inona, nalefa taiza.

Ny namana ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalmana mety mbola hanohy an'izay rehefa avy eo.

Zava-dehibe amintsika Malagasy tokoa ny omby, izany no nahatonga ny Filohampirenena sy ny Priminisitra Lehiben'ny Governemanta, nanome toromarika amin'ny hoe: tsy maintsy atao ny fandaminana momba izany ary tsy maintsy mitovy ny lamina manerana an'i Madagasikara raha ny fitantanana ny taratahin'omby sy ny manodidina azy no dinihana. Navoaka ny "arrêté n°017-916" mikasika ny fitantanana ny taratahin'omby izany sy ny fanisana omby eto Madagasikara.

Tsara ho marihana ary averina eto indray izany mba ho fantatry ny rehetra na efa nolazaina teo aloha aza: ny Kaominina no mahazo mividy ny FIB any amin'ny Tranom-pirintim-pirenena sy any amin'ny ratsamangaikany any amin'ny Faritra rehetra momba ny FIB na ny

taratasin'omby ary ny vola azo amin'izany dia arotsaka manontolo ho an'ny Kaominina niavian'ny omby.

Efa amin'ny endrika na modely vaovao ireo taratasin'omby rehetra na ny FIB ireo; na ny bokin'omby izany na ny pasipaoran'omby. Izany modely vaovao izany dia nohatsaraina ho fiarovana amin'ny resaka hosoka mba tsy hisy intsony. Tsy misy manan-kery eto amin'ny tanin'ny Repoblika Malagasy afa-tsy ireo taratasin'omby nivoaka tao amin'ny Tranom-pirintim-pirenena. Ny vidiny dia tokana ihany maneran'ny Nosy. Teo aloha tokoa, fantatsika fa tsy nitovy ny vidiny isam-paritra. Toa misy manaonao foana any amin'ny Faritra, satria misy mivarotra amin'ny vidiny araka izay tiany. Amin'izao kosa, tsy maintsy mitovy daholo ny vidiny. Izany hoe, ny vidin'ny FIB dia 5000 Ariary ihany; ny vidin'ireo taratasin'omby rehetra ireo dia misoratra vita printy eo amin'ny taratasin'omby. Izany hoe ny FIB dia efa misy soratra hoe 5000 Ariary ny takelaka. Ny bokin'omby kosa 3000 Ariary ary misy takelaka efatra. Izany hoe, ny takelaka 4 no vidina 3000 Ariary ary ny takelaka 6 kosa 4000 Ariary, ny takelaka 10 izay mety mahazaka omby 80 dia mitentina 8000 Ariary.

Ny pasipaoron'omby kosa 1000 Ariary. Mitovy avokoa ny vidiny manerana ny Nosy na aiza Distrika, na aiza Kaominina, na aiza Faritra fa tsara tsindriana ny mikasika azy io.

Ny "arrêté n°017-916" voalaza teo dia efa naparitaka eran'ny Distrika ka izy ireo no manaparitraka izany indray any amin'ny Kaominina rehetra ao aminy.

Momba ny hoe iza no manara-maso ny vola ampiasan'ny Governora.

Voalohany, fantatsika fa ny Governora dia mamolavola Tetibola; tsy izy irery fa avy amin'ny alalan'ny fandraisany ny hevitra ny rehetra, eny hatrany amin'ny Kaominina any ifotony mihitsy.

Rehefa voavolavola io tetibola io, tsy maintsy misy ny fanaraha-maso na ny "contrôle de légalité". Ny "Préfet" no manao izany; avy eo misy, tsy maintsy mila "visa"-n'ny "Contrôle Financier" koa. Izany dia efa fanaraha-maso azy daholo. Rehefa vita izay ka tonga any amin'ny "trésor" any amin'ireny toerana ireny; tsy mamoaka an'io vola io mihitsy izy raha tsy mijery amin'ny antsipiriany ny antontan-taratasy rehetra hoe manaraka ny didy aman-dalàna tokoa; aorian'izay voa avoaka ny vola.

Volam-panjakana izy io; noho izany ny sampandraharaha mpanara-maso rehetra, ny "contrôle" momba ny "finance publique" rehetra, anisan'izany ohatra ny "commission régionale des marchés"; mbola mpanara-maso koa izy ireny.

Hita amin'izany, fa misy ny fanaraha-maso maro atao satria toy ny volam-panjakana rehetra, tsy maintsy manaraka "procédure" hatrany.

Mikasika ny tambin-karan'ny olom-boafidy; taloha, teo amin'ny 15%-n'ny vola miditra ao amin'ny Kaominina ihany no azo andoavana izany; ankehitriny kosa, efa niakatra ho 30% izy io. Tsy tokony hadinointsika fa ankoatran'io vola ho an'ny olom-boafidy ao amin'ny Kaominina io, mbola mandoa karaman'ny mpiasa ao aminy ny Kaominina, mandoa "fonctionnement" sy mandoa "investissement" ihany koa. Hita amin'izany ny vola "charge"-n'ny Kaominina, heverina fa ampy io 30% io. Eo anatrehan'izany, entanina ny Ben'ny Tanàna rehetra sy ny mpanolotsaina azy mba hampidi-bola ao aminy.

Manaraka, inona no politikan'ny fanjakana amin'ny Kaominina mibaby trosa.

Mazava ny politika, mbola tsy nisy fanjakana hatramin'izay tonga dia mandefa vola mivantana any amin'ireny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ireny. Ifampitantanana izany satria ny velirano 12 ny Filohampirenena dia ny fahavitan-tena sy ny fampandraisana andraikitra ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ao anatin'izany ny Kaominina. Tsy toy ny taloha miandry fotsiny isika, fa ampirisihana mba hahavita tena sy handray andraikitra.

Maro ny hetra azon'ny Kaominina ampidirina toy ny hetratrano, hetratany, "ristourne minier". Ny olana indraindray, matinkenamaso ny Ben'ny Tanàna satria tsy sahy mitaky an'izany kanefa tsy maintsy atao ny hahavitana tena mba mandray andraikitra izy ireo amin'izay hahavelon-tena ny Kaominina.

Maromaro ny resaka momba ny "indemnité"-n'ny Sefo Fokontany sy ny Lefiny.

Azo lazaina fa efa vita "mandatement" daholo izy rehetra, fa ny fandefasana azy any amin'ny Faritra sy any amin'ny "trésorerie générale" no sisa. Efa any ny vola amin'izao fotoana izao. Isaorana ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa efa misy fomba fanarahamaso ataony. Hiaraka hanara-maso amin'ny teknisianan'izy ireo koa izahay.

Mikasika ny hoe aiza ho aiza ny "effectivité de la décentralisation" eto amintsika.

Efa ho 27 taona lasa izay no nitenenana ny resaka "décentraliation" teto amintsika; izany hoe ny taona 1993. Hitantsika ny lalana nalehany; aiza ho aiza izany tamin'ny fitondrana teo taloha, aiza izy amin'izao fotoana izao. Mazava ny sori-dalana nomen'ny Filohan'ny Repoblika momba ny "décentralisation" amin'izao fotoana izao. Efa nohazavaina teo fa nalefa nivantana tany amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izany; na tany amin'ny Faritra na tany amin'ny Kaominina. Rehefa nisy vola tonga dia nalefa notantan'ny Faritra sy ny Kaominina. Tsy ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ihany no atao hoe fitsinjaram-pahefana, fa ny Governemanta iray manontolo. Ohatra, any amin'ny Kaominina izao rehefa manana ny politika momba ny fahasalamana mazava dia mitantana mivantana ny vola any amin'ny CSB. Mbola tsy nisy toy izany.

Ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia midina eny ifotony maka ny hevitra ny rehetra manao ny "conférence budgétaire régional". Zavatra mbola tsy nisy teto amintsika izany.

Isaorana manokana ianareo amin'ny ankapobeny satria mitady fiaraha-miasa. Miady ho an'ny mpiara-miasa aminay tokoa ianareo. Iza izany mpiara-miasa aminay izany: ny Lehiben'ny Distrika. Miady ianareo hatramin'izay hoe: omeo fiara tsy mataho-dalana ny Lehiben'ny Distrika. Amboary ny tranon'ny Lehiben'ny Distrika dia ho avy ny fitaovana. Miezaka isika ary tsy mbola nisy ezaka lehibe vita tao anatin'ny 2 taona latsaka izany. Nahita isika fa maromaro no efa nahazo ny azy, maro koa ny trano efa nohavaozina.

Efa hanao ny fotodrafitrasa manara-penitra ho an'ny prefektiora, ho an'ny Distrika isika. Mbola tsy nisy fotodrafitrasa toy izany afa-tsy amin'izao fotoana izao.

Momba ny fotodrafitrasa manara-penitra any amin'ny Kaominina.

Hatao izany amin'ity taona ity, ka Kaominina manara-penitra mahatratra 50 isa no hatomboka. Mbola tsy nisy fotodrafitrasa manara-penitra toy izany; tonga dia birao manara-penitra ny ao ambany ary ny ao ambony, trano hipetran'ny Lehiben'ny Distrika.

Isaorana manokana ny fanohanana azy ireo, fa hery lehibe ho anay mba hirosoanay amin'ny tsaratsara kokoa sy mendrika kokoa amin'ny asa ataonay.

Ho an'ny fangatahana famoronana Kaominina sy Fokontany. Fantatra fa ny famoronana Kaominina dia tovana amin'ny Lalàna efa misy. Mampahatsiahy izahay, fa rehefa tonga ny fotoana hanaovana izany, tsy maintsy Kaominina mahavita tena no atsangana. Tokony hitandrina anefa isika raha te-hanao izany. Ohatra; maro raha ny mponina eto Antananarivo kanefa "Commune Urbaine" anankiray ihany. Miisa 192 ny Fokontany amin'ny Kaominina eto Antananarivo. Noho izany, tsy maintsy mamolavola tsara ny fomba fananganana Kaominina isika vao mampijoro izany.

Misy Kaominina hita fa mahavelon-tena saingy mila dinihana tsara satria tsy maintsy misy tetibola ampiasain'izy ireny sao tonga amin'ny hoe boka'ny trosa avy eo. Mila fanadihadiana ny fananganana azy ireo raha atao indray miteny.

Mikasika ny fangatahana "camion à benne", maromaro ianareo fa hojerentsika izany saingy tsy hanamboarana lalana izy ireo satria efa misy "engin" hanaovana izany any amin'ny Faritra ary efa vita daholo ny tolo-bidy momba azy rehetra, ho azo ato anatin'ny fotoana fohy koa izy ireo.

#### **Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka**

Tao anatin'ny herinandro izay, nisy fepetra manokana noraisin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka mikasika ny fametrahana fandriampahalemana eto Madagasikara. Fepetra noraisina tsy ho an'Antananarivo irery, fa efa nomena baiko ny Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka rehetra manerana ny Nosy handray izay tandrify azy. Ao anatin'ny paikadin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka izany, ka efa any am-pelan-tànan'izy ireo daholo. Tsara ny manamarika, fa ny "points sensibles" rehetra dia arovana avokoa ary iarahana amin'ny Tafika sy ny Zandarimaria ny fanaovana izany.

Ao anatin'ny fety Ny vahoaka. Maro noho izany ny tonga eto an-drenivohitra miantseha, misy koa ny mandeha any amin'ny Renivohitry ny Faritra; efa misy ny fiarovana azy ireny. Misy ny "dispositif" na fepetra manokana hisorohana ny "kidnapping" sy ny "vol à main armée".

Omaly tany Toamasina, nisy ny trangan-javatra nampalahelo namoizana jiolahy ary nandratrana Polisy. Mamelà ahy ianareo hankasitraka an'Andriamatoa Praiminisitra rehefa nanome baiko anay izy raha vao nandray ny fitantanana hoe: zarao haingana aloha izay eo an-tànana. Natao ny fizarana "gilet par balle", bala ary "casque anti-balle" tany amin'ny Faritra tena mafana ary raha tsy nisy an'izay, angamba Polisy miisa telo no nindaosin'ny fahafatesana omaly. Mirongatra ny tsy fandriampahalemana satria vao androany tany Toamasina no nisy fanafihana "bijouterie" nataon'ny jiolahy miisa telo izay mbola ifampitadiavan'ny Polisy ankehitriny.

Ny "patrouille" na fisafoana ataon'ny Polisy manao fanamiana sy tsy manao an'izany dia efa miparitaka manerana ny Nosy. Raha ny eto Antananarivo Renivohitra, efa andrasana manokana ny olona miandry "bus" handeha hody sy eny amin'ny toerana misy tsena.

Mikasika ny fiara sy ny “motos” nangatahana teo, efa eo ampamaranana ny tsenam-baro-panjakana isika ankehitriny. Rehefa vita izany, tsy maintsy ho tsinjaraina ara-drariny ny fitaovana azo aorian'izay.

Momba ny fanamboarana foto-drafitrasa ho an'ny Polisim-pirenena, efa maro no notokanan'Andriamatoa Filohampirenena tany amin'ireo “Direction Régionale de la Sécurité Publique”. Nisy 10 izy ireny no natsangana: 4 no notokanana ary ny 6 miandry fitokanana.

Tamin'ity taona 2020 ity, 12 no isan'ny fananganana ny biraon'ny Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka ary “Commissariat de Police” tany amin'ny Distrika, miisa 27.

Miangavy fiaraha-miasa aminareo Solombavambahoaka satria raha natsangana ny “commissariat”, misy ny tsy manana fotodrafitrasa ho an'ny Polisy ary mbola tsy misy miasa ihany koa. Entina hampandrosoana ny toerana any aminareo ireny ka tokony hisy fiaraha-miasa.

Hisy ny fotodrafitrasa hotanterahana amin'ny taona 2021. Entina hamenoana ireo Distrika mbola tsy misy Polisy izany na tsy anay aza ny trano ampiasaina fa an'ny departementa hafa. Misy ny fotodrafitrasa efa simba ary misy no tsy manara-penitra intsony; ezahana ny hanamboatra azy ireny amin'ny taona 2021, miisa 37 izy ireo.

Momba ny fangatahana “Force d'Intervention de la Police” na ny FIP any amin'ny Faritra, anisany tanjon'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka ny fametrahana FIP azy ireny any Faritra. Tsarovy fa mila trano, mila fitaovam-piadiana mifanaraka amin'izany koa ireo olona halefa any. Tokony ho eo am-pelan-tànana izany vao sokafana izy ireny. Mila olombelona ihany koa miasa ao. Any amin'ireo Faritra tena mafana no ezahana hametraka azy ao anatin'ny fotoana fohy.

Marihana fa 10 no Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka natsangana tamin'ny taona 2019. Ny “Commissariat de Sécurité Publique” kosa miisa 27 no hajoro amin'ity taona ity araka ny voalaza teo. Mila fitaovana ny fampandehanana azy ao ny “moyens de communication”, ny “moyens de transmission”, ny fiara, ny fitaovam-piadiana. Efa eo ampijerena izany isika amin'izao fotoana izao. Ny fitaovam-piadiana efa eo an-tànana, tsy maintsy mila “minutions” izy ireny. Rehefa mihamanify izany dia tsy maintsy ampitomboana koa ny isany.

Misy ireo toerana efa vonona ny “poste de police” ao aminy, toy ny ao Ambatolampy, Ambohimandroso ary Ambohimanarina; noho ny “Covid-19” teo anefa, nihemotra ny fivoahan'ny polisim-pirenena nahavita fiofanana ary amin'ny faha-17 Desambra 2020 izao vao hiditra ny polisy noraisina tamin'ny taona 2019. Rehefa mivoaka soa aman-tsara izy ireo, hojerena ny fametrahana olombelona any amin'ny toerana voalaza teo. Mba ahafahana mametraka fandriampahalemana maharitra, alefa manao “patrouille” ny “Unité Spécialisée” ato aminay, ao ny UIR, ao ny USI ary ao koa ny SAG, indrindra eto an-drenivohitra.

Araka ny nolazaina teo, hojerena ny fanomezana fitaovana sy “poste de police” ho an'ireo toerana tsy manana izany satria maro no nangataka ny fametrahana azy.

Ny “poste de police” ao Antaniavo-Atohomadinika; araka ny teny natao tamin’ny voalohany, maro ny olona miantseña ao ary efa mandray andraikitra amin’ny fiarovana azy ireny ny olonay ao an-toerana.

Efa mandeha koa ny fanampian’ny olonay avy amin’ny UIR sy ny SAG amin’ny fametrahana ny filaminana ary efa nahitana vokany izany. Raha ny teny amin’ny CENAM sy Isotry fotsiny, nisy jiolahy 3 voasambotra, ny iray nampalaelo satria nondaosin’ny fahafatesana tamin’ny fifampitifirana tamin’ireo “Unité Spécialisée”; mbola mitohy ny asa ary tsy hitsahatra izahay fa hiezaka hanafoana an’ireo jiolahy.

### **Minisiteran’ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy**

Marihana fa Departemanta miisa telo no ao amin’ny Minisitera tantananay: ao ny Asa Vaventy, ao ny Fanajariana ny tany ary ny Fananan-tany.

Mikasika ny asa vaventy raha tadidintsika dia nandalo teto amin’ny Antenimierampirenena ny hitsivolana izay noraisin’ny Filohampirenena ary noliana teto izany.

Mazava tsara ao anantin’iny hitsivolana iny, fa mizara telo ny fiandraiketana ny lalana eto amintsika.

Ny lalam-pirenena dia ny fanjakana foibe no miandraikitra azy, ny lalana any amin’ny Faritra, anjaran’ny Faritra no manao azy ary ny lalana any amin’ny Kaominina, ny Kaominina kosa no mikokakoja sy mamboatra izany.

Mba ahafahantsika isaky ny rafi-panjakana misy manao tetikasa sy mitady ny famatsiam-bola mifanaraka amin’izany no nahatonga an’iny fanitsiana iny. Tsy niala tamin’izany anefa ny fanjakana, fa nanampy tamin’ny fanamboaran-dalana rehetra na teo anivon’ny Faritra izany na tany amin’ny kaominina araka ny toebola teo anivon’ny Minisitera. Noho izany, miankina amin’izay vola eo am-pelan-tànana ihany ny fanamboarana ny lalana eto amintsika ary ny tetibola izay ananana no anatanterahana azy.

Araka ny politikam-panjakana, laharam-pahamehana ny lalana atao hoe “réseau structurant” izay mandeha any amin’ireo toerana famoaham-bokatra eto Madagasikara. Izay no antony nanaovana ireny fitadiavana famatsiam-bola ireny.

Raha ny fanokafana lalana indray no jerena, eo anelanelan’ny “500 000 Dollars” na “1 000 000 de Dollars” ny fanokafana azy fotsiny. Hitantsika amin’izay tetibola izay, fa raha ny tetibolam-panjakana manokana, tsy ahafahantsika manao lalana raha eto Madagasikara no tenenina fa mila findramam-bola avy any ivelany isika.

Mikasika ny findramam-bola avy any ivelany izay, mazava ho azy fa misy karazany izany, ao ny findramam-bola amin’ny “taux concessionnel”, ao koa ny findramam-bola amin’ny “taux non concessionnel”, na fanomezana avy amin’ny mpamatsy vola. Midika izany, fa tsy afaka mindram-bola tsy toko tsy forohana isika, fa arakaraky ny firafitry ny toe-karentsika no ahafahana mindram-bola.

Isaorana fa noho ny finiavan’ny fitondram-panjakana tarihin’Andriamatoa Filohampirenena no nahatonga izany.

Isaorana koa Andriamatoa Praiminisitra satria voavaha daholo ny olan'ny famatsiam-bola rehetra mikasika ny lalana. Tsara ny manipika an'izay satria tsy mora ny mitady vola amin'ny fanaovan-dalana. Ny antony, aman-taonany maro no amerenana azy, fa tsy hoe averina vetivety.

Izay no mikasika ny famatsiam-bola nanaovana ireo lalana marobe teto amintsika ireo. Mety hisy hanontany hoe: maninona ny lalana atỳ aminay no tsy manomboka. Miankina amin'ny fandaharana ny laharam-pahamehana ihany izay ary 11%-n'ny lalana eto Madagasikara no azo lazaina hoe tsara amin'izao fotoana izao. Mampitombo ny refin'ireo no ezaka ataon'ny fanjakana ary ao anatin'ny "Plan Emergence Madagascar" ny hitombo izany, ka farafaharatsiny tafakatra 30% izany amin'ny taona 2023.

Raha mikasika ny lalam-pirenena kosa, maro no efa nahitana famatsiam-bola ary efa manomboka ny fanarenana sy fanamboarana azy.

Mikasika ny RN44, ny RN9, ny RN5, ny RN11, ny RN12, ny RN5A, ny RN6 ary ny RN13, efa azo daholo ny famatsiam-bola momba azy ireo. Amin'ny maha famatsiam-bola azy, tsy maintsy misy fepetra arahana ary izay fepetra izay dia tsy miankina amin'ny fitondrana Malagasy, fa miankina amin'ny lalànan'ireo mpamatsy vola koa. Izany hoe, ny drafitra lazainy no arahintsika araka ny lalàna misy any aminy.

Ireo no lalam-pirenena lehibe efa nahazoana famatsiam-bola ary mandefa tolo-bidy momba azy ireo ny Minisitera amin'izao fotoana izao.

Tsy mijanona amin'izay ihany, fa misy famatsiam-bola hanamboarana tetezana ary efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena izany ary isaorana ny Solombavambahoaka nandany azy.

Izay no zakan'ny volam-panjakana sy ny mpamatsy vola hatreto, fa mbola hitohy ny fanarahana ny asa ary manomboka amin'ny herin-taona, rehefa miverina eto indray amin'ny fivoriana manaraka dia ho hita fa mbola maro ireo fampindramam-bola homen'ny mpamatsy vola hanamboarana lalana hafa.

Marihana fa politika mazava no itondran'ny fanjakana ny firenana matoa sahy mampindram-bola ireo mpamatsy vola. Tsy zakan'ny volan'ny fitondrana Malagasy, araka ny nolazana teo izany, fa tsy maintsy indramana vola avy any ivelany.

Izay ny mikasika ny fanamboaran-dalana amin'ny ankapobeny.

Raha ny vola ilaina mandritry ny taona iray amin'ny fikojakojana ny lalana no jerena; raha ny momba ny lalam-pirenena, mitentina any amin'ny "500 à 700 Milliards d'Ariary" isan-taona ny vola ilaina. Tsy ao anatin'izay ny "Route Régionale" sy ny "Route Communale".

Efa niarahana nahita ny tetibola ary fantatra fa tsy maharaka an'izany fanamboaran-dalana rehetra izany. Io tetibola io anefa no ezahina hotsinjaraina. Ny vola eo am-pelan-tànan'ny Minisitera sy ny vola ao amin'ny "Fonds Routier" no hozaraina any amin'ny Faritra izay voakasika amin'izay. Izay ny politikam-panjakana ary nametraka ny Filohampirenena sy ny Praiminisitra fa ny renivohitry ny Distrika rehetra no hojerena amin'ity taona ity.

Voalaza teo avokoa ny renivohi-paritany tsirairay avy sy ny Distrika maro.

Ny tanjon'ny Minisitery sy ny fanjakana, alohan'ny taona 2023 dia tokony ho efa vita daholo ny ampahan-dalana rehetra eny anivon'ny Distrika miisa 119. Maro amin'izy ireo no efa nisitraka izany tamin'ity taona ity sy tamin'ny taona lasa. Volan'ny fanjakana madiodio no nampiasaina tamin'izany.

Mikasika ny fangatahana momba ny fanamboarana ny lalana eny an-tanàn-dehibe, simba tokoa ny lalana amin'izy ireny ary efa misy ny tetikasa hanamboarana azy rehetra. Raha Antananarivo manokana, misy ny atao hoe tetikasa lalankely. Nisitraka an'izany ny Boriborintany rehetra Teto Antananarivo, eny na ny lalana fandehana tongotra izany na ny arabe fandehanan'ny fiara; efa nisitraka izany avokoa izy rehetra.

Nisy renivohi-paritany telo nahazo ny tetikasa PADEV, toy ny tao Fianarantsoa, Toliara ary Antsiranana. Ireo tsy nahazo kosa, homena famatsiam-bola manokana toy ny tanànan'i Mahajanga, Antananarivo sy Toamasina mba hanamboarana izany lalana izany. Nezahana narindra arak'izay azo atao izany ary tokony hahazo daholo ny tanàna tsirairay. Mbola maro ny lalana tsy vita ary ezahana harindra ny fanamboarana azy ireny.

Mikasika ny "Ordre de Service"-n'ny asa vitan'ny orinasa COLAS eto Antananarivo, tsy ny Minisitery no manao ny lalana eto Antananarivo, fa ny Kaominina ka izy no mamoaka ny "Ordre de Service"-n'ny asa izay hatao mikasika izany.

Maro no mihevitra fa mora ny fanamboaran-dalana kanefa tsy mety raha androany no tapahina ka atomboka rahampitso. Tsy maintsy misy "études" atao amin'izany ary mila teknisiana hijery ifotony ihany koa. Raha androany ny Antenimierampirenena no manapakevitra mikasika ny tetibolam-panjakana hoe hatao ny lalana iray, tsy maintsy midina any an-toerana ny teknisiana izay vao mandeha ny tolo-bidy. Maharitra ny fotoana anaovana izany fa tsy vetivety.

Mikasika an'izay tolo-bidy izay ihany, tsy omena fotsiny fa ifaninanana ny fahazoana azy. Afaka mifaninana daholo izay rehetra maniry hanao lalana ka manana orinasa manaraka ny fepetra takiana amin'izany. Tsy misy ny hoe homena ny Faritra atsy na aroa ny tolo-bidy fa alefa araka ny tokony ho izy. Ny ankabezany, ny orinasa any amin'ny Faritra no mahazo azy satria izy no mahafehy ny vidiny ary manatanteraka ny asa antsakany sy andavany.

Isaorana ny Solombavambahoaka satria maro no manao tatitra amin'ny Governemanta mikasika ny tsy fetezana amin'ireny fanamboaran-dalana ireny.

Mikasika ny resaka fananan-tany, mbola mitohy ny fanadihadiana satria tsy azo andraisana fepetra ny olona iray raha tsy misy porofo mazava manameloka azy.

Ny valin'ny fanadihadiana no ahafantarana ny zavatra nataon'ny mpiara-miasa sasantsany, ka aorian'izay no andraisana ny fepetra tokony hifanaraka aminy.

Miara-mahita isika fa efa maro ny ezaka ataon'ny mpiara-miasa amin'ny fanatsarana ny fomba fiasa eo anivon'ny "domaine", ny fananan-tany ary fandrefesan-tany fa miankina amin'ny rehetra koa anefa izany mba ahafahana manatanteraka ny asa. Izany hoe, mila fifanomezan-tànana avy amintsika ihany koa.

Tanjon'ny fanjakana ny hisiany biraon'ny fananan-tany sy fandrefesan-tany any amin'ny Distrika 119. Distrika miisa 62 no manana ny biraon'ny fananan-tany sy fandrefesan-tany ankehitriny ary ezahina ho tafakatra 89 izany amin'ny taona 2023.



Ny olona hiasa amin'ireny toerana ireny koa tsy maintsy ofanina eny amin'ny ENAM sy INFA, ka raha tsy vita izay fiofanana izay, tsy afaka hanokatra birao vaovao momba ny fananan-tany satria tsy ampy ny olona hiasa ao aminy.

Hosokafana amin'ity taona ity koa ny biraon'ny fananan-tany sy ny fandrefesan-tany any Vavatenina, Ampanihy, Manja, araka ny fangatahan'ny Solombavambahoaka ary vinavinaina hitombo izany amin'ny herin-taona. Miankina amin'ny toe-bola eo am-pelan-tànan'ny Minisitera ihany anefa ny ahazoana manatontosa izany.

Momba ny resaka fanajariana ny tany kosa, rehefa lany eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra ny PIDI napetraka dia afaka ampiarina izany lalàna izany. Amin'ny maharafitra fanajariana ny tanàna azy, anjaran'ireo tomponandraikitra toy ny Ben'ny Tanàna ny mampihatra azy rehefa mivoaka ny didim-panjakana nametraka azy.

Momba ny RN10 izay mirefy 400km, mitentina “200 Millions de Dollars” ny famatsiam-bola hanaovana azy. Efa an-dalam-pikarakarana azy ny fanjakana amin'izao fotoana izao. Mandainga raha hiteny hoe volam-panjakana ihany no hampiasana amin'izany, fa tsy maintsy mila famatsiam-bola avy any ivelany isika. Efa nanao ny “études” rehetra ny Minisitera ary mbola ao anatin'ny fifampiraharana amin'ny mpamatsy vola koa ny fanjakana amin'izao fotoana izao.

Torak'izay koa ny RN31, RN32, ary indrindra ny RN35 izay tena angatahan'ny Filohan'Antenimierampirenena mafy mihitsy ny hanamboarana azy.

Ny RN11 kosa efa nolazain'Andriamatoa Filoha, fa tsy maintsy atao izay hanokafana azy ary efa mijery ny famatsiam-bola hanaovana ny fotondrana amin'izao fotoana izao.

Efa natao ny tolo-bidy mikasika ny fanamboarana ny RN18. Nozaraina ho “lots” telo izany, ny “lots” roa tsy nisy namely, fa ny “lot” iray ihany no nahazoana valiny kanefa tsy “qualifié” ny orinasa namaly azy. Noho izany, voatery namerina tolo-bidy indray ny Minisitera raha hisy orinasa vonona hanao ny fanamboarana io lalana io. Isan'ny olona amin'ny fanamboarana ny lalana eto amin'ny firenena izany satria tsy afaka omena izay orinasa rehetra maniry hanao izany ny tolo-bidy, fa misy “qualification” tokony harahina ao anatin'ny “appel d’offres”.

### **Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena**

Miisa 3 290 000 izao no isan'ny zaza Malagasy tsy tafiditra an-tsekoly raha ny antontan'isa azo avy amin'ny “Recensement Général de la Population” natao farany teo no jerena.

Miisa 41 000 ny lakilasy efa tsy tokony hampiasaina intsony satria efa lasa tafo lanitra, tafo bozaka, ao ny mbola tsatokazo no rindrin'ny sekoly, ao ny tsy manana lakilasy fa any amin'ny tranom-pokonolona no mianatra na eny an-tokontany sy eny am-body hazo. Ny sasany, rehefa avy ny orana, mitete ny tafo ary lena ny ankizy.

Miisa 160 000 ny mpampianatra FRAM eto amintsika ary mbola miankin-doha amin'ny Ray aman-dRenin'ny mpianatra ny fandoavana ny karaman'izy ireo hatramin'izao. Marina fa nisy ny asa natao teo aloha tamin'ny tontolon'ny fanabeazana saingy tsy ampy izany ary azo lazaina fa tsy dia natao laharam-pahamehana loatra ny tontolon'ny fanabeazana tamin'izany. Tomponandraikitra amin'izany avokoa isika rehetra nitantana ny firenena hatramin'izay.

Anisan'ny mahasamihafa ny fitondram-panjakana ankehitriny ny dingan-dava nataon'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Governemanta tarihin'ny Praiminisitra raha ny tontolon'ny fanabeazana no resahana. Iaraha-mahalala fa nisy dingana goavana natao satria maimaimpoana ny fampianarana sy ny fanabeazana eto Madagasikara. Izany hoe, politikan'ny "zéro ariary" no nampiasaina tamin'izany. Tsy andoavam-bola ny fampidirana ny zaza any an-tsekoly, raha atao amin'ny teny fohy.

Antony roa no nanosika ny fanjakana nanao izany. Voalohany, nisedra olana maro ny tokantrano rehetra vokatry ny valan'aretina "Covid-19".

Faharoa, maro ny tokantrano, Reny mananotena no miahy izany kanefa manan-janaka telo, ka tsy afaka mampiditra ny zanany any an-tsekoly ary mila fanampiana.

Isaorana, ankasitrahana eram-po, eran-tsaina ny fanapahan-kevitra noraisin'ny fitondram-panjakana ankehitriny, eo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Repoblika tamin'ny fahasahiana nametraka izany politikan'ny "zéro ariary" izany momba ny fampianarana sy ny fanabeazana eto Madagasikara, satria manampy ny vahoaka Malagasy izany.

Tsy mora ny manao zavatra, maro ny lesoka, maro ny zavatra mbola tokony harenina kanefa ny fahavononana koa betsaka. Isaorana ianareo mpampianatra, mpanabe, Ray aman-dReny ary ny ankizy, nanaiky ny fandaminana nahafahana nanatanteraka izany politikan'ny "zéro ariary" izany, mba ahafahan'ny zaza Malagasy misitraka ny fanabeazana satria izy ireo no antok'ity firenena ity.

Maro ny ezaka nataon'ny fitondrana ho fampandrosoana ny fampianarana, ka ao anatin'izany ny politikan'ny "zéro ariary".

Nisy ny fametrahana fotodrafitrasa maro, tsy vita aza ny nanao ny fitokanana azy satria be loatra no vita. Tao koa ny fanaparahana ny "manuelle scolaire" izay miisa "6 Millions" teny anivon'ny CISCO miisa 114. Nanaparitaka "dictionnaire" miisa "1 Million" manerana ireo CISCO ireo, nisy ny "caisse école" ho fanamaivanana sy ho fampandehanana ny raharaha eny anivon'ny sekoly ary nanome "kit scolaire" ho an'ireo mpianatra koa ny fanjakana.

Manarak'izay, tsy hadino akory ireo Distrika sasany, fa nisy fandaminana kely tamin'ny fizarana ny "kit scolaire". Miisa "900 000 kit complets" no zakan'ny Tetibolam-panjakana tamin'ity taona 2020 ity. Ny fandaminana napetraka dia eny anivon'ny "Chef Lieu de Région" izarana azy ary hahazo daholo ny EPP rehetra. Ao anatin'ny mangarahara no hanaovana izany. Ny Minisitera koa aza efa nizara "tabliers" miisa 900 000 tamin'ny Solombavambahoaka homena ny mpianatra.

Ny fametrahana ny politikan'ny "zéro ariary" dia tsy midika akory, fa hadinon'ny Fitondram-panjakana ny mpampianatra. Izy ireo no tena antoky ny fanabeazana ary ny ho avin'ny ankizy.

Tsy mandray karama mandritry ny 14 volana ny FRAM, noana ny FRAM. Tonga aty amin'ny Minisitera izany fitarainana izany. Miisa 110 000 ny mpampianatra FRAM "subventionné" eto amintsika.

Ny «subventionné» dia mandray ny tambin-karama «bimestriel». Izany hoe, isaky ny 2 volana no andraisany ny «subvention» avy amin'ny fanjakana. Raha nojerena hoe firy ny mpampianatra FRAM mandray "subvention" tamin'ity taona 2020 ity.

Hita tao amin'ny SIGFP tamin'ny 13 Desambra 2020 lasa teo, fa ny "taux d'engagement de subvention" manerana an'i Madagasikara dia 94,74%. Tao anatin'ny roa herinandro na telo herinandro no nahatratrarany ekipa an'izay tarehimarika sy vokatra izay. Any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany, efa 100% izany, any Atsimo Andrefana; 99,99% nahatratra izany. Azo lazaina fa efa vita ny ezaka mikasika ny "subvention" ho an'ny FRAM "subventionné".

Momba ny mpampianatra FRAM "non subventionné" indray, efa nisy fanapahan-kevitra ny Fitondram-panjakana hanome fanampiana azy ireo. Mety ho kely izany fanampiana izany ho an'ireo mpampianatra "non subventionné" izay miisa 56 000 ireo satria karama telo volana no homena azy amin'ity taona ity aloha. Iarahana mahalala, fa mbola lesoka ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny resaka «fiabilité des données» ka izay no antony mahatara ny fandraisana io karama io. Tsy misy lisitra mazava ny mpampianatra FRAM "non subventionné" any amin'ny Minisitera satria ny «Association des Parents» no nanao ny fandraisana azy ireo. Mba hialana amin'ny savorovoro, tsy maintsy napetaka teny anivon'ny CISCO rehetra ny lisitrany mpampianatra FRAM "subventionné" sy ny "non subventionné" teo am-pelan-tànanay. Nomena fe-potoana izy ireo hanamarina hoe ao anaty lisitra sa tsia ny anarany.

Efa hita tao amin'ny "Loi de Finances Initiale 2021" ny momba azy ireo. Niakatra ny "caisse école", efa mihoatra ny «50 Milliards» izany satria mahatsapa ny fitondram-panjakana fa maharary ireo mpampianatra FRAM ireo ka homena fanampiana amin'ny taona 2021.

Mikasika ny "vacation", anisan'ny manahirana ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena io ary miverimberina isan-taona ihany koa. Tsy vita ara-potoana ny "engagement", lasa misy "arriéré" tsy voaloha ka izay no mahatonga ny olana. Lazaina amintsika fa "19 Milliards" ny trosa momba ny "vacation d'examen" ao amin'ny Minisitera hatreto. Misy "arriéré" tamin'ny taona 2016, 2017, 2018, 2019, 2020 kanefa tsy vitan'ny tetibola herin-taona ny handoa izany vola be izany.

Tamin'ity taona ity, 3 449 000 000 Ariary ny vola natokana handoavana izany. Rehefa nojerena ny "taux d'engagement", 82,41% no vitan'ny Minisitera sy ireo ekipa manerana ny Nosy mba hisitrahany ireo nikarakara fanadinana ny "vacation"-ny.

Mikasika ny "recrutement", anisan'ny manahirana izy io satria misy ny kiantranoantrano; misy ny voasintona any anatin'ny lisitra. Anisan'izany ny "6<sup>ème</sup> vague"-n'ny ENS izay miisa 316. Nipetraka fotsiny tao ny "dossier"-n'izy ireo fa tsy nisy nikarakara kanefa efa tafiditra tao anatin'ny "AUGURE", efa nandalo "guichet unique" ary "contrat" no sisa andrasana. Fanapahan-kevitra noraisina tamin'ity taona ity teo amin'ny Filankevitra ny Governemanta ny hampiasana "7 500 postes" ho an'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Hatao laharam-pahamehana amin'izany ireo "sortant ENS 6<sup>ème</sup> vague". Anisan'ny fepetra noraisina koa ny resaka «équité» amin'ny fanaovana "recrutement" ho an'ny mpampianatra. Marihana fa tsy hitovy ny fandraisana hatao isaky ny ZAP sy ny CISCO. Nojerena manokana ohatra i Sainte Marie, Befotaka, Soavinandriana satria tena tsy ampy ny isan'ny mpampianatra amin'ireo toerana ireo.

Ny "recrutement" vaovao amin'ity taona ity, indrindra ho an'ny CRINFP, any amin'ny "zone 3" no handefasana azy ireo satria matoa manaiky ho mpampianatra dia manaiky halefa na aiza na aiza misy anao, hanompo firenena, hampianatra an'ireo zaza Malagasy.

Izay no anisan'ny ezaka hatao mba hialana amin'ny fakana “numéro d’Immatriculation” fotsiny dia miala any rehefa avy eo. Izany hoe, manao “lettre d’engagement” izy ireo ka raha tsy manaja ny “contrat” dia tapaka ny “contrat”-ny.

Anisan'ny “critère” napetraka koa ny “date d’entrée” amin'ny tontolon'ny fampianarana, fananana “titre academique” sy “titre pédagogique” ary latsaky ny 45 taona. Izay no hanaovana “recrutement” ampahibemaso. Nanome famindram-po ny Minisitery tamin'ity taona ity ho an'ireo efa nandany ron-doha, ho an'ireo efa zokinjokiny, nasiana “quota” kely ho azy ireny.

Mikasika ny EPP manara-penitra, ezaka goavana ny fametrahana fotodrafitrasa manerana an'i Madagasikara. Mbola manana vina hampitombo bebe kokoa ny isan'ny EPP manara-penitra ny fitondram-panjakana ankehitriny. Izany hoe, tokony hanana sekoly manara-penitra roa ny Distrika rehetra ao anatin'ny 5 taona itondran'Andriamatoa Filohampirenena ary tsy hisy ho latsa-danja amin'izany. Mila fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka anefa ny fanatanterahana izany amin'ny alalan'ny fampiasana ny CLD amin'ny tokony ho izy satria mbola tsy ampy 50 000 ny efitrano fianarana eto Madagasikara amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny «formation», maro ny mpampianatra no mangetaheta fampiofanana na “formation continue” io na “formation initiale”. Anisan'ny laharam-pahamehan'ny Minisitery ny hanomezana izany ka hametraka «politique de formation de proximité à distance» ny fitondrana. Ny EPP, ny sekoly manara-penitra rehetra dia hasiana «centre de ressource et formation pédagogique de proximité» daholo, ka ny mpampiofana no manatona ny pampianatra. Mikasika ny fampiofanana teny frantsay, miisa 12 550 ny mpampianatra hisitraka ny “malette de formation française et mathématique”.

Momba ny CNAPMAD, EPIC izy io na «Etablissement Public à Caractère Industriel et Commercial». Mampalahelo ny mahazo azy sy ny niafarany satria anisan'ny niroborobo taty Afrika izy ary nanofana teknisiana teto an-toerana sy tany Afrika mihitsy. Noho ny tsy fahaiza-mitantana sy ny fanodikondinam-bola dia latsaka an-katerena ny CNAPMAD.

Tamin'ity taona ity, nisy tsy voaloha ny karaman'ny mpiasa tao ary efa amam-bolana maro izany. Isaorana manokana ny Filohan'ny Repoblika sy Andriamatoa Praiminisitra satria nanome sosokevitra nahafahan'ireo mpiasa tao nahazo ny tambin-karamany. Nisy vola tao amin'ny “investissement du CNAPMAD” ka navadika ho karama ary io no nafahan'izy ireo nahazo ny karamany.

Manomboka amin'ny taona ambony io dia miverina manao ny “sujet d’examen” indray ny CNAPMAD.

Mino sy matoky ny Minisitery fa ho tsara sy hentitra kokoa ny fitantanana ka tsy hiverina intsony ireny zavatra nitranga tamin'ity taona ity ireny.

Iverenana ny CRINFP, «Etablissement Public» manana «autonomie administrative et financière» izy, ka «transfert» no omena ny INFP ary izy indray no mandefa izany any amin'ny CRINFP. Miisa 28 ny CRINFP manerana an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao.

Hodinihana koa ny hanatsarana ny fandraisana an-tànana an'izany “formation” ho an'ireo olona mivoaka avy ao.

### **Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa**

Mizara telo mikasika ny Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana Arak'asa.

Misy ny fangatahana izay miompana indrindra amin'ny fanokafana ny "établissement technique et de formation professionnelle" ao koa ny fanitarana ny «salle de classe».

Mikasika ny fangatahana, ho an'ny Solombavambahoaka izay nanao izany, efa misy ny "centre de formation professionnelle" izay manana efitra 2, ohatra ny ao Betafo. Amintsika miteny izao, efa vita 98% ny asa atao mikasika ny «centre de formation professionnelle de référence à 12 salles» hanaovana ny fanofanana ny mpianatra.

Ho an'i Moramanga, amin'ny taona ho avy dia hojerena ny fangatahana mikasika ny fananganana ny "centre de formation professionnelle de référence" ary ny "filière" sy ny "spécialité" hisokatra ao dia hamaly ny zavatra ilain'ireo orinasa hipetraka amin'ny «zone d'émergence» ao amin'iny faritra iny.

Nisy koa fangatahana fanitarana, toy ny tany amin'ny Distrikan'i Marolambo satria efa misy "centre de formation professionnelle" izay ekena fa tsy tena manaraka ny fenitra. Hiezaka tsikelikely ny hanatsarana azy ireny isika ary hataontsika koa ny fanokafana ny «lycée technique agricole».

Azo atao ny manova ny "centre" efa misy ka hanao fanitarana ary hanova izany hifanaraka amin'ny filan'ny faritra. Raha ohatra "agricole" izany dia azo avadika ho "lycée technique agricole".

Efa nisy resaka nifanaovana ary fantatra fa efa misy efitrano tena manara-penitra natsangana, ohatra any Arivonimamo; angamba hatao ho laharam-pahamehana ny fampitaovana azy. Izany hoe homena dabilio sy fitaovana entina hanofanana amin'ireo "centre de formation professionnelle" efa vitanareo niaraka tamin'ny mpiaramiombon'antoka ireo.

Efa misy "centre de formation professionnelle" tokoa ny Distrika sasany saingy fa efitra 2 fotsiny. Marina ny hoe ny "3<sup>ème</sup> année" tsy manana toerana hianarana intsony amin'izao fotoana izao. Hezahana ny hanao laharam-pahamehana ny fanitarana ny "centre de formation" efa misy mba hahafahana mampiditra an-tsekoly ireo hanao "3<sup>ème</sup> année" satria hanala "baccalauréat" izy ireo.

Marihana fa azo atao ny manatanteraka «formation professionnelle» any amin'ny Faritra amin'ny fomba samihafa fa tsy voatery hatao anaty efitrano izany.

### **Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka**

Hofintinina dimy na enina ny fanontaniana nipetraka satria betsaka no nitovitovy sy niverimberina. Izany no ilazana fa tena Solombavambahoaka mieritreritra ny fahasalamam-bahoaka tokoa isika.

Voalohany, ny fotodrafitrasa; faharoa, ny fampitaovana ao anatiny; fahatelo ny olombelona hiasa ao aminy; fahaefatra, ny "intransit" izay hampiasaina; fahadimy, ny resaka kolikoly.

Farany, ahoana ny hisitrahana'ny vahoaka, indrindra ny marefo mba tsy handany volabe amin'ny fitsaboany tena.

Raha ny fotodrafitrasa no resahana; maro ianareo no nisaotra satria misy ireo fotodrafitrasa efa vita. Mankasitraka anareo izahay tamin'ireny asa vitantsika niaraka ireny.

Nisy niteny hoe: mbola mametraka vatofototra ny any aminy. Izany no midika fa misy asa hafa indray efa manomboka, ao anatin'izay ny CSB I sy CSB II, ao koa ny fanamboarana hopitaly manara-penitra.

Hitondra fanamarihana kely izahay; misy ny atao hoe "case sanitaire". Amin'ireny "case sanitaire" ireny, rehefa havadika ho CSB dia misy fepetra apetraka; hojerena miaraka angamba ny amin'izay.

Momba ny fangatahana fananganana CSB; raha misy ny tany; atolotra manontolo ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka izany. Tany manana "certificat juridique" ara-dalàna, rehefa izany, azo atao ny manorina CSB amin'izany toerana izany.

Mikasika ny fahazoana CSB II kosa, tsy maintsy misy mponina mihoatra ny 10 000 vao mahazo izany ny toerana iray. Ampiarahana amin'izay koa ny fahazoana "ambulance" araka ny fanagatahan'ny Solombavambahoaka nanao izany.

Momba ny CHD I havadika CHD II, azo atao tsara izany rehefa mahafeno fepetra ary iarahana mijery akaiky ny mikasika an'izay.

Momba ny fangatahana fanavaozana na fanarenana, azo lazaina fa misy efa tafiditra sahady ho amin'ny taona 2021 izy ireo. Mandroso hatrany isika hanarina ny simba ireny. Marihana fa fa ny CSB rehetra sy ireo hopitaly rehetra manerana ny nosy dia ananan'ny Minisiteran'ny Fahasalam-bahoaka ankehitriny daholo ny momba azy ka izay no antony ilazana fa azo atao ny manarina azy ireo. Fantatray ny zavatra miseho any ary fantatray koa hoe aiza no maika ka hiarahana manatanteraka izany.

Mikasika ny fampitaovana kosa; ny olana taloha, rehefa manao trano tsy mieritreritra ny zavatra hatao ao anatin'ny. Izay no mampiaavaka ity fitondram-panjakana sy ny Governemanta ankehitriny ity, sady mieritreritra avy hatrany ny trano, mieritreritra ny fitaovana hatao ao anatin'ny ary efa mieritreritra sahady koa ny olombelona hiasa ao.

Marina fa mbola tsy ela izahay no tato anatin'ity Governemanta ity kanefa vonona ny hitondra zava-baovao amin'ny fomba fiasa sy ny fomba fitantanana.

Nisy fangatahana momba ny "radiologie numérique" teo.

Efa eo an-dalana amin'ny fahazoana izany isika ary raha azo atao ny fametrahana izany isaky ny fotodrafitrasa dia hatao. Anisany kendrena ny fahafenoan'ny fitaovana. Heverina fa zava-dehibe izay fiovàna izay satria ezahana mba tsy hisy intsony ny hoe: tokenana trano kanefa tsy misy na inona ao anatin'ny.

Fahatelo, ny olombelona; ny dokotera no voaresaka matetika; tahak'izay koa ny fangatahana "bénévole". Rehefa mankany ifotony izahay, hita any ny zanatsika manao "bénévole". Avy aiza ireny "bénévole" ireny.

Rehefa jerena ny Distrika iray, ahitana sekoly tsy miankina manofana PARAMED ao. Rehefa navoaka ireo PARAMED, tsy hoe 10 fotsiny fa mahatratra 100 na 200 isa. Any amin'ny Distrika sasany, ny sekoly manofana PARAMED mety ho telo na efatra. Izany hoe, betsaka ny ankizy mivoaka amin'ireny sekoly tsy miankina ireny. Any amin'ny FOP na ny Fanjakana, fantatra fa misy fepetra arahana hoe izao no zaka, ka tsy maintsy hajaina izay. Rehefa vita ny fianaran'ireo ankizy ireo dia mankany amin'ny Ray aman-dReniny izy. Rehefa tonga any izy, manamafy ny fahaizany amin'ireny toeram-pitsaboana ireny. Tamana eny izy satria mitombo ny fahaizany, ny tanàna koa tsy ampy, lasa tavela amin'ireny hopitaly na CSB ireny izy ireo. Mazava ho azy fa teraka ny “bénévole” amin'izay fotoana izay. Bestaka ireo ankizy ireo, ka niezaka ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka nisintona azy ireny satria misy ny “projet” samihafa, toy ny PAR, FAF, ny ACCESS, indrindra eo koa ny fanjakana miezaka handray azy ireny.

Manaraka, mikasika ny resaka “intransit”, fitsaboana ny tazomoka no voaresaka momba izany teo. Mamily ny tazomoka ankehitriny, nisy fiovana ihany koa izy io vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro. Noho izany, tsy nety ny “prévision” natao teo aloha, tahak'izay koa tamin'ity taona ity satria lasa aloha ny tahan'ny fiakaran'ny tazomoka any amin'ny Faritra samihafa. Ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'io taona 2021 io dia hanao anton-javatra mihitsy momba ny ady amin'ny tazomoka. Tamin'ity taona ity, tsy betsaka loatra ny fizarana lay misy odimoka, fa amin'iny taona ho avy kosa, tena ho betsaka izany satria hatao anton-javatra mihitsy ny “campagne” hiadiana aminy.

Farany, momba ny kolikoly; ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia masahy milaza mihitsy fa ampiharina ny “tolérance zéro” amin'ny resaka kolikoly. Izahay rehefa tonga tamin'ny fitantanana ny Minisitera, tsy nihambahamba nandray andraikitra. Raha sendra nisy Tale tsy nandray ny andraikitra tandrify azy, tsy misalasa koa izahay nandray ny nanandrify anay. Efa nalefa ny taratasy momba ny fandaminana samihafa. Ny fitondrampanjakana koa manana ny antanan-tohatra mikasika ny ady atao amin'izany. Heverina fa hilamina izany afaka fotoana fohy.

Misy ny vokatry ny asa nataon'ny Minisitera mikasika io kolikoly io. Tany Taolagnaro, nahazo voalohany ny hopitaly tamin'ny fitsirihana natao tamin'ireo sampandraharaha tao aminy. Tany Mahajanga, tao amin'ny hopitaly manara-penitra, tao anatin'ny 46 amin'ny “Santé et Développement Durable”; faharoa ny hopitaly tao Mahavoky. Torak'izany koa tany Bongolava, izay nahazo fahatelo momba ny ady atao amin'ny kolikoly. Tsy nisy an'izany teo aloha.

Farany, momba ny fanalefahana ny sara amin'ny fisitrahana ny tolotra ara-pahasalamana. Ny Filohan'ny Repoblika dia efa nametraka vina mazava momba izany. Efa manomboka misy ny karazana fanohanana eny amin'ny hopitaly. Ny hopitaly lehibe dia efa nahazo izany. Ho an'ny olona izay tonga amin'ny “premier soin” na iza izy na iza dia afaka misitraka an'izay tsikelikely. Tafiditra ao anatin'izay ny atao hoe “couverture santé universelle”. Mametraka izany ary atao amin'ny fomba manokana mihitsy satria ny fomba natao taloha no tsy nahatavoaka azy. Izao Governemanta izao, izahay ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia manana fomba maty paika hidirantsika amin'izay. Marihana fa ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra no mitarika izany. Rehefa mipetraka izay, ny marefo aza amin'izay fotoana izay dia voaarony.

### **Minisiteran'ny Fiompiana, ny Fambolena ary ny Jono**

Raha ny mikasika ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono; maromaro ny Solombavambahoaka no nitondra fanamarihana tamin'ireo nandray fitenenana teo.

Angamba fanamarihana amin'ny tsy nanombohan'ny asa hatramin'izao tamin'ny fotodrafitrasa no nolazaina teo.

Marihina fa maro ny fotodrafitrasa izay mila arenina eto amin'ny firenentsika. Tena ao anatin'ny fanarenana tanteraka isika amin'izao fotoana izao. Nilaza isika fa efa nihoatra ny 25 taona no tsy nisy fanamboarana, tsy nisy ny fanarenana. Misy mihoatra an'izany aza any amin'ny Distrika sy Kaominina manerana an'i Madagasikara.

Ezahana ny handrindra azy araka izay vita isaky ny taom-piasana. Maro no hataontsika ary tsy misy hajanona fa tena mitovy ny tanjona tiana hotrantrarina dia ny fahavitana ny fanarenana ireny fotodrafitrasa ireny.

Momba hoe tsy voafehy ny rano miditra na ny rano mivoaka, ny fanadiovana ny tatatra.

Amin'izay lafiny izay, ilaina ny fandraisan'andraikity ny tsirairay, fa tsy voatery hiandry ny fanjakana foibe, indrindra amin'ny asa madinidinika; satria raha ny hita eny amin'ny lemak'i Laniera, betsaka ny tabika na ny tatatra tsy misy fikarakarana kanefa ireo fikambanan'ny tambajotra ihany dia efa mahavita ny fikarakarana ny ampahany betsaka amin'izany. Voaray ny mikasika an'izay fa hojerenay miaraka amin'ny tomponandraikitra eny an-toerana.

Mikasika ny tsy fahampian'ny Dokotera mpitsabo biby izay tsy ampy ny isany; nisy nilaza hoe iray no miandraikitra Kaominina miisa 23.

Marina fa betsaka no mitarina momba ny "vétérinaire", indrindra mikasika ny "mandat sanitaire"-n'izy ireo.

Hisy volavolan-dalàna hatolotra anareo hanatsarana ny lalàna efa misy, hoentina hifehezana ny fahasalaman'ny biby fiompy, mba hisian'ny "couverture" manerana ny Nosy, ka tsy hisy intsony Faritra tsy hanana "vétérinaire" satria efa betsaka ny "vétérinaire" nivoaka tao amin'ny sekoly mpanofana izany eto amintsika.

Mikasika ny "chenille légionnaire" manimba ny fambolena katsaka; efa manana paikady hifehezana izany isika ary iarahana miasa amin'ny FAO izany. Marihana fa ady maneran-tany koa no atao amin'ny "chenille légionnaire" satria tsy eto amintsika ihany no misy azy, fa firenena maro.

Tamin'ny taona 2017 no tonga voalohany teto Madagasikara io biby kely mpanimba katsaka io ary tsy fantatry ny mpaboly katsaka izy talohan'izay. Tsy ho afaka eto intsony izany, fa isika no mila manova sy mandrindra ny fomba fambolena katsaka mba ahafahana mifehy azy.

Hotohizana manerana ny Kaominina na ny Distrika ny fanomezana tosika ho an'ny famokarana amin'ny alalan'ny fanamaivanana ny fahazoana masomboly na "semence" amin'izay mba hisy ny fitoviana. Ny fandaminana ny fitsinjarana izany dia iarahana amin'ny fikambanan'ny mpamboly sy ny teknisiana.

Mikasika an'Amparafaravola ny hoe ahoana ny fanarenana ny fotodrafitrasa simba tamin'ny tondra-drano; marihana fa efa eo am-pamitana azy ny Minisitera amin'izao fotoana izao.



Iarahana amin'ny "Direction Régionale" any Alaotra Mangoro ny fanaovana izany. Efa vita ny "appel d'offres", fa misy fandaminana tsy maintsy iarahana amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola.

Voaray ny hafatra amin'ny hoe tsy tokony ny APIPA irery no mitantana ny fotodrafitrasa, ny fanarenana azy ho an'ny Distrikan'Atsimondrano.

Momba ny fitarainana mikasika ny mpiasan'ny FOFIFA ao Antsirabe.

Nisy ny fandalovan'ny Filohampirenena tany.

Ny FOFIFA dia "organisme rattaché", ka amin'izao fotoana izao, efa iarahana mijery amin'ny Ministeran'ny Fikarohana Siantifika ny fandaminana azy satria sady miankina amin'ny Minisiteran'ny Fambolena izy no miankina ihany koa amin'ny Minisiteran'ny Fikarohana Siantifika. Amin'izay fotoana izay, hazava ny andraikitra hankinina amin'ny FOFIFA, indrindra amin'ny famokarana ny voka-pikarohana satria somary tsy mazava tsara ny fitantanana azy, ka mila hatsaraina amin'izao fotoana izao.

Momba ny fitarainana hoe tsy nisy ny zavatra nataon'ny Minisitera hatramin'izao tany amin'ny Distrika sasany. Mety mbola tsy nisy angamba, fa tsy hisy akory Distrika tsy hanaovan'ny Minisitera ezaka manerana ny Nosy. Mahareta kely fa ho avy ny anjaran'izany Distrika izany; na ny fanarenana "barrage" izany na ny resaka masomboly na ny zezika. Hojerena akaiky miaraka amin'ny tomponandraikitra ny fanomezana izany.

Momba ny fangatahana fotodrafitrasa, hatao izany satria izay no hahafahantsika mankany amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo.

Mikasika ny fitarainana hoe: misy sambo mpanjono vaventy mifanitsaka amin'ny mpanjono madinika.

Marihana fa ny sambo mpanjono na ny sambo "industrielle" amin'iny Faritra Atsinanana iny dia ny sambo avy amin'ny "Refrigepêche" izay manjono makamba. Ny fanjonoana makamba dia mampiasa "chalutier". Voafetra izany ny trondro azo jonoina miaraka amin'ny makamba ary arahin'ny "centre de surveillance de pêche" maso akaiky ny fanjonoana ataony amin'izany. Izany hoe, ny makamba no jonoiny fa tsy ny trondro hojonoin'ny mpanjono madinika.

Momba ny fiompiana omby, mahafaly ny milaza amintsika, fa hisy ny atao hoe "projet intégré" hotaterahana. Hatao ny fanajariana lemaka mirefy 3400 Ha hambolem-bary ary hisy koa 4700 Ha hezahana hanaovana ny fiompiana omby fakana hena na omby vavy be ronono koa. Hatao any Vohémar izany satria toerana mpiompy omby iny toerana iny. Hatao amin'ny alalan'ny tetikasa manaraka ny teknolojia amin'izao fotoana izao izany. Mpaompy mandeha amin'ny herin'ny rivotra no ezahana hapetraka satria betsaka ny VARATRAZA any antoerana. Teknolojia tsy lafo vidy izany; mety ho lafo ny "coût d'entretien" sy ny "coût de fonctionnement" eo am-pametrahana azy, kanefa rivotra no ampiasaina ka ho ambanimbany kokoa ny vidiny. Tsy dia handany vola loatra ny fikarakarana azy.

Momba ny hoe misy manidy ny tohadrano; hojerena miaraka amin'ny teknisiana izany satria matoa misy ny fanidiana azy, mety hisy lafiny ara-teknika.

Hojerena akaiky izay mba tsy hisy fiantraikany amin'ny fampiasana ireo rano amin'izao fanombohan'ny fotoam-pambolena izao.

Mikasika ny orana artifisialy, raha ny vinavina teo anivon'ny "météo", ny Faritra Alaotra ny dia amin'ny tapatapaky ny volana Desambra vao tena hanomboka ny rotsak'orana. Miandry an'izay isika dia ho hita eo, fa raha ilaina tokoa ny fandatsahana "pluie artificielle" dia hatao; tsarovy fa lafo be ny manao an'izany. Mila dinihana amin'ny lafiny ara-teknika ny momba izay.

Voaray ny fangatahana "abattoir" manara-penitra hatao any amin'ny toerana maro teo. Misy karazany roa izany: ny iray lehibe, "abattoir" ahafahana mikarakara omby miisa 70 ka hatrany amin'ny 80 isan'andro; misy ny kelikely toy izay hatao any Nosy Varika sy Ihosy, mahazaka omby miisa 20 isan'andro eo ho eo.

Ny Faritra rehetra eto Madagasikara dia tsy maintsy ananganana "abattoir" manara-penitra avokoa satria anisany toromarika napetraky ny Filohan'ny Repoblika izany ary ao anatin'ny "Plan Emergence Madagascar" ihany koa.

Mikasika ny fametahana kavin'omby na "puce électronique"; hatao izany amin'izao fotoana izao ary hatombotsika any amin'ny Faritra Anosy sy Androy. Tsy azo sandohana izany mba ahafahana manana ny antontan'isa momba ny omby manontolo satria ny kavin'omby ampiasaintsika amin'izao fotoana izao dia soratana tàmàna, ka mampisy olana.

Efa vita ny fanofanana ny teknisiana sy ny mpikirakira izany kavin'omby izany. Hanomboka izany amin'ny fiandohan'ny taona 2021 ny fametrahana azy ary aorian'izay, hitarintsika tsikelikely mankany amin'ny Faritra Atsimo Andrefana sy faritr'Ihorombe koa izany.

Momba an'Ambatondrazaka, hisy fandaminana tsy maintsy jerena miaraka amin'ny Minisiteran'ny Fitatanam-bola satria dia efa vita ny "appel d'offres" sy ny "procédure de marché" rehetra. Tsy maintsy ho tanterahana ny PC15 «vallée mariane» sy ny «dignes» vitsivitsy amin'iny Faritra Alaotra iny.

Mikasika ny fanontaniana manokana hoe: inona no politikan'ny Minisitera amin'ny ankapobeny. Ny valiny dia hoe ny fanatanterahana ny veliranon'ny fahavitan-tena aratsakafo.

### **Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoran'afo**

Marihana fa tsy nisy valim-panontaniana avy tamin'ity Minisitera ity.

### **Minisiteran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana**

Maromaro ny fanontaniana momba ny rano, ka horaisina amin'ny ankapobeny ny famaliana azy satria betsaka ny mitovitovy.

Raha ny zava-misy, aman-taonany maro no tsy nisy ny famatsiam-bola avy tamin'ny fitondram-panjakana ho an'ny fotodrafitrasan'ny rano manerana ny tanàn-dehibe eto amintsika, toy ny eto Antananarivo sy ny renivohitry ny Distrika.

Amin'ity fitondrana ity indray, nanao velirano hoe hanao fanavaozana fotodrafitrasa momba ny rano fisotro madio any amin'ny renivohitry ny Distrika manerana an'i Madagasikara isika ary tsy hisy Distrika hadino intsony.

Misy antontan'isa vitsivitsy azo omena raha momba an'Antananarivo.

Mikasika ny filàna an-davan'andro ho an'ny tanànan'Antananarivo dia 300 000m<sup>3</sup> kanefa 200 000m<sup>3</sup> ihany no voavatsy amintsika miteny izao noho ny fahanteran'ny fotodrafitrasa sy ny tsy fahampian'ny tobim-pamokarana rano eny Mandroseza. Manoloana izany, hisy ny ezaka hataon'ny fitondram-panjakana, toy ny fanavaozana fantsona, efa 10 km izao no vita.

Eo ihany koa ny tetikasa izay hiarahana amin'ireo mpamatsy vola, hanomboka amin'ny herin-taona, ka mirefy 48km ny halavan'ny fantsona hosoloina amin'ny herin-taona izay hovatsian'ny "Banque Européenne d'Investissement" sy ny Vondrona Eoropeana vola.

Ho famahana ny vonjy maika ny olan'ny rano eto Antananarivo dia natao ny fametrahana siniben-drano miisa 120 manerana ny tanàn'Antananarivo, ka misy ny "camion citerne" mamatsy rano azy ireny.

Ny vahaolana antonon'ezaka kosa, efa misy ny fanamboarana tombim-panadiovana na "station de traitement", mahazaka rano 40000m<sup>3</sup> eo hapetraka ao Mandroseza hataon'ny JIRAMA ary tohanan'ny fitondram-panjakana ihany koa.

Etsy andanin'izay, misy an'ireo toby famokarana rano miisa 8, afaka mamokatra rano 100m<sup>3</sup> eto Antananarivo. Toy izany koa ny apetraka ao Ankadintratombo, eny Sabotsy Namehana, eny Anosizato sy ny toerana hafa koa.

Midika izany, fa tsy mijanona mitady vahaolana ny fitondram-panjakana amin'ny fanavaozana ny fotodrafitrasa momba ny rano amin'ny tanàn-dehibe.

Momba ny resaka fako, nifanilika ny SAMVA, nifanilika ny CUA sy ny Minisiteran'ny Rano. Anisan'ny fandraisana andraikitra natao ny fanavaozana ny "Directeur Général"-n'ny SAMVA izay hifanampiana amin'ny "Commune Urbaine d'Antananarivo".

Efa misy ny fiaraha-miasa amin'ireo sehatra telo tonta, toy ny Minisiteranay, ny SAMVA ary ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany amin'izao fotoana izao.

Nanomboka omaly hariva, efa nanamafy ny hetsika amin'ny fanangonana sy ny fandraofana fako ny Ministeran'ny Rano, ny SAMVA ary ny «Commune Urbaine d'Antananarivo». Tokony hiaraha-mietana anefa ny rehetra amin'io resaka fako io satria ny 50%-n'ny fako ihany no arian'ny olona eny amin'ny dabapako eto amintsika.

Momba ny fangatahan'ny tanàna maromaro hahazo rano fisotro madio.

Fantatra fa lehibe ny tsy fahampiana rano manerana Distrika; indrindra eny amin'ny Kaominina sy eny amin'ny Fokontany. Mandeha ambaratonga izy ireny ary nisy ny asa efa natao araka ny tetiandron'ny Minisiteran'ny Rano. Distrika miisa 56 amin'ity taona ity no natao ary hitohy amin'ny herin-taona izany. Hitantsika ao amin'ny Tetibolam-panjakana izany rehetra izany ary ianareo koa no anisany nangataka azy ireny.

Ho an'ny tanànan'Ambatondrazaka manokana, iaraha-mahalala ny tsy fahampian'ny orana manerana an'i Madagasikara. Ny fanaovana "forage" tao Ambatondrazaka dia anisan'ny vahaolana natolotra hahazoany rano fisotro madio.

Mikasika ny fangatahana fidinana ifotony hataon'ny teknisianan'ny Minisiteran'ny Rano mba hanao fanadihadiana, ho an'Ambatofinandrahana ohatra, efa nidina tany, Ramatoa Filoha, ny ekipanay. Efa misy rano ao Ambatofinandrahana saingy mbola tsy ampy ny fitaovana fampiakarana azy. Efa tafiditra ao amin'ny LFI 2021 ny fanatsarana ny famatsian-drano ao Ambatofinandrahana.

### **Minisiteran'ny Harena Ankibon'ny Tany sy ny Harena Stratejika**

Azo fintinina amin'ny teny roa ny paikady amin'ny fintantanana ny sehatry ny harena ankibon'ny tany eto amintsika.

Voalohany, momba ny fanadiovana na ny "assainissement". Faharoa, ny fanatsarana sy fanavaozana na "amélioration et réforme".

Raha atao fijery maikamaika, toa alaim-panahy isika hiteny hoe ny Minisiteran'ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Governemanta hatramin'ny nahatongavany teo dia tsy nisy nataony afa-tsy fampiatoana, fanakatonana, fanadihadiana ary fanenjehana. Izay no asa fanadiovana amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany, kanefa tsy fepetra mifanohitra amin'ny fampiroboroana ny toekarena izany na hoe "mesure anti-économique", tsia.

Tarehimarika roa no ifampizarana aminareo: raha novinavinaina ho «36 Milliards d'Ariary» ny fampidiram-bolam-panjakana amin'ny hetra nandrasana tamin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany ny taona 2019 sy 2020 izao; hatramin'ny telovolana fahatelo, taona 2020 dia efa «51 Milliards d'Ariary» izany.

Raha novinavinaina ho 4,7% ny tahan'ny fandraisana anjara amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany PIB ny taona 2019 sy 2020, 4,86% izany ankehitriny. Ny dikan'izany, mizotra amin'ny tondrozotra mankany sehatra nametrahana ny harena ankibon'ny tany amin'ny fampandrosoana ny firenena isika.

Raha raisina ny seha-pihariana volamena izay miteraka resabe ankehitriny, sarihana ny sainareo, fa 3 taonina sy 5kg no naondrana ara-dalàna tamin'ny taona 2018, roa taonina sy 430kg ny taona 2019 ary 1 taonina sy 93kg hatramin'ny volana Septambra 2020

Ny vola vahiny tokony haverina eto an-tanindrazana tamin'izany mba ahafahantsika mametraka ny fahamarinan-toeran'ny Ariary dia tombanana ho «280 Millions de Dollars». Tsy mihoatra ny 1%-n'ny vola vahiny anefa no tafaverina tamin'izany. Izany no nandraisana fanapahan-kevitra hoe naato aloha ny fanondranana volamena. Ao anatin'ny fanadiovana isika ankehitriny mba ahafahana mijery ireo orinasa, ireo mpanondrana izay tsy nahafeno ny fepetra mba handraisana andraikitra mifanandrify amin'izany araka ny lalàna velona eto amin'ny firenena.

Momba ny volamena ihany, voalohany eto amin'ny firenena no hametrahana tahirimbolamena nasionaly ary androany ny Banky Foiben'i Madagasikara no nanatanteraka voalohany ny fividianana izany volamena izany. Kendrena mba hahatratra 250kg, hatramin'ny faran'ny taona, no hovidin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Ireny volamena be dia be tratra ireny dia vokatry ny fifanomezan-tànana ataon'ny Governemanta amin'ny fanenjehana ny fanondranana an-tsokosoko mba hiarovana ny harem-pirenentsika.

Mikasika ny fahazoan-dalana amin'ny sehatra ny harena an-kibon'ny tany izay naato ary tamin'ny fitondrana tetezamita dia efa tsinjon'ny Filohampirenena ny mikasika ny fanavaozana ny fitantanana ny fahazoan-dalana. Dimy arivo mahery no fahazoan-dalana eto amin'ny tany Repoblikan'i Madagasikara amin'izao fotoana izao.

Telo arivo amin'izy ireo no voakasiky ny fampiatoana.

Ny fitondram-panjakana koa ankehitriny dia mijery ny hametrahana lamina amin'ny hanokafana izany fahazoan-dalana izany mba tena ireo matianina sy vonona hiasa no hahazo izany.

Ny mikasika ny orinasa KRAOMA, raha fintinina, fantatsika fa 101 Miliara Ariary ny trosa ary 39 Miliara ariary no fatiantoka. Nisy fifanarahana tamin'ny Rosiana, notapahany samy irery anefa izany (résiliation unilatérale) tamin'ny Jolay 2019.

Voatery ny orinasa Kraomita Malagasy niantoka ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa ary hatramin'ny Desambra no vitan'ny Kraomita Malagasy tamin'izany. Ankehitriny, mbola tsy nandray karama ireo mpiasa ireo. Ambara eto fa ny fitondram-panjakana, ny Minisiteran'ny Harena an-kibon'ny Tany, ny Minisitera ny Tetibola, ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Primatiora dia misokatra hatrany amin'ny fifampiresahana hitadiavana vahaolana amin'izany.

Hisy koa ny fametrahana birao ifotony misahana ny harena an-kibon'ny tany, eny amin'ny "bureau d'administration minière" no hahitana izany. Tamin'ny Tetibola nasiam-panitsiana, taona 2020, toerana 5 no nisantarana izany. Ny hevitra dia hatao manakaiky ny Distrika sy ny Kaominina izay manana harena an-kibon'ny tany betsaka ny fandraharahana ny asa eo amin'ny Minisitera.

Ny fangatahan-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, voaray iny saingy tsy maintsy atao aloha ny hametrahana Talem-paritra ao amin'ny Faritra Amoron'i Mania, izay isika vao mametraka eny anivon'ny Distrikan'Ambatofinandrahana.

Mikasika ny olan'ny tompon-tany sy ny orinasa QMM ao Fort-Dauphin. Marihana fa efa olana nipetraka efa ho 10 na 15 taona izany. Miezaka mitady vahaolana amin'ny alalan'ny fifampiresahana isika ary efa imbetsaka izahay no nifampiresaka tamin'ny tompon-tany, ny mpiara-miasa ary ny Solombavambahoaka any an-toerana. Tsy maintsy ao anatin'ny fifampiresahana hatrany no itadiavana vahaolana mikasika izany olana efa naharitra tamin'ny fananan-tany izany, ny fifanolanana momba ny tany eo amin'ny orinasa QMM sy ny mponina any an-toerana.

### **Minisiteran'ny Fitaterana, ny Fizahan-tany ary ny Famantarana ny Toetr'andro**

Momba ny fanokafana ny "gare routière" eny Amoronankona; ny fikasana, mazava loatra, fa hanokatra an'io "gare routière" io, kanefa alohan'ny hanokafana azy, tsy maintsy misy fepetra arahana, toy ny fanaovana ny "étude sur l'impact environnemental". Ankoatran'izay, ny "plan architectural" izay tsy mety loatra amin'ny filan'ny mpitatitra.

Tsy maintsy hisy ny fifandresen-dahatra amin'ny hahazoana miasa amin'io gara io. Miaraka amin'ny fomba fiasa sy fomba fanao vaovao, toy ny fametrahana “digitalisation” ahafahana mijery ny “traçabilité” ho an'ny mpandeha rehetra, ny fanokafana “caisse unique” mba hahamarin-toerana ny saran-dalana sy hialana amin'ny mpanera.

Mikasika ny lalamby, nisy fifanarahana nataon'ny fanjakana sy ny “Madarail” izay mpitantana ny lalamby. Ny tetikady dia ny hanokafana indray ny zotra mampitohy an'Antananarivo-Toamasina, Moramanga-Ambatondrazaka ary Antananarivo-Antsirabe. Amin'ny hanokafana an'izany, tsy maintsy amboarina daholo ny “rail” rehetra na ny “voies ferrées” rehetra amin'ny lalamby mirefy 205km; mbola hividy ihany lohamasinina sy “wagon de voyageur” sy “wagon de merchandise” vaovao. Tafiditra ao anatin'izay koa ny famindrana eny PK12 Ambohimambola ny gara ao Soarano. Toy izany koa, mila manao fanamboarana “rail” vaovao isika.

Mikasika ny vinavina amin'ny zotra mampitohy an'i Moramanga sy Ambatondrazaka tokony hisokatra amin'ny volana Aogositra 2021.

Mikasika ny “gare routière privée”; mahazo manokatra izany ny rehetra, kanefa tokony hanaja ny fepetra sy ny fenitra apetraky ny lalàna sy ny ATT ary ny Minisitara. Eo anatrehan'izay, tsy misy lalàna manokana miteny hoe: tsy maintsy “en ville” na “en dehors de la ville” no anaovana izany.

Marihana fa rehefa manokatra “gare routière privée”, ny saran-dalana kosa tsy maintsy lafolafo noho ny an'ny “gare routière publique”.

Momba ny hoe ahoana ny “Cotisse” no omena tombony manokana.

Rehefa vonona hanokatra “gare routière” ny “Cotisse” dia mahazo manokatra rehefa manaja ny fepetra araka ny nolazaina teo.

Mikasika ny any Sainte-Marie, efa nisy fifampiresahana tamin'ny mpandraharaha tamin'ny fandalovana tany an-toerana roa herinandro lasa izay; tamin'izany no nanazavana azy io satria nikasa hanokatra ny “aéroport” rehetra isika tamin'ny 29 Oktobra 2020 lasa teo. Najanona anefa izany noho ny fisian'ny “2<sup>ème</sup> vague” amin'ny “coronavirus” tany Eoropa sy ny ny firenena hafa satria fantatra fa tsy mahazaka an'izany isika Malagasy raha miverina fanindroany io valana'aretina io. Izay no fahendrena, najanona aloha, fa rehefa azo sokafana dia hosokafana ihany.

Mikasika ny «Air Madagascar», tena namirapiratra tokoa izy taloha, 20 na 30 taona lasa izay, fa talohan'ity krizy ara-pahasalamana ity, sahirana ny «Air Madagasikara», na niara-niasa tamin'ny «Air Austral» izy, somary sahirana ihany, fa tsy nahitana vokatsoa izany fiarahana izany, ka izay no nahatonga ny fanjakana nandray andraikitra sy nisaraka tamin'ny «Air Austral». Amin'izao fotoana izao, efa misy ny “conseil d'administration” vaovao ao amin'ny “Air Madagascar” mandinika ny hanatsarana azy. Hisy “business plan” vaovao hatao ary haka fotoana mihitsy ny hanao azy. Hatao ny hanarenana an'io «compagnie nationale» io.

### **Minisiteran'ny Asa sy ny Asam-panjakana ary ny Lalàna Sosialy**

Mikasika ny lamina sy ny AUGURE hoe aiza ho aiza ny fanantaterahana azy. Nisy ny «récommadation» avy tamin'ny “Cour des Comptes» mikasika ny fitantanana. Voalohany, hatao ny fanadiovana ny «base des données»; marihana fa iarahan'ny Minisiteran'ny Asam-panjakana sy ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola ny fitantanana ny fampitoviana ny mpiasam-panjakana na ny «AUGURE» izany. Efa eo ampanaovana ny «fusion de la base des données» ny Minisitera roa tonta. Marihana fa ny «AUGURE 2» no ampiasaintsika sy volavolaintsika izao. Notapahana tamin'ny «Conseil des Ministres» ary tenin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny hoe: tokony hampiasaina sy havaozina io «AUGURE» io.

Momba ny hoe, azo antoka ve ny «système». Miandry ny «consultant» avy any ivelany isika satria iaraha-miasa amin'ny “Union Européenne” io tetikasa io. Izy ireo no hanome ny «consultant» izay hitantana ny «sécurité» momba lamina amin'izany.

“Uniformisé, standardisé la gestion des ressources humaines de l'Etat»; izany hoe hatao mitovy daholo ny fitantanana ny mpiasam-panjakana. Araka ny voalaza teo, efa eo ampanaovana an'izay ny Minisitera roa tonta amin'izao fotoana izao. Taloha, mbola nisy Minisitera izay misy mpiasa manana sata manokana; ohatra ny Fitsarana, ny ao amin'ny Filaminam-bahoaka, ny ao amin'ny Fiarovam-pirenena, ny ao amin'ny Zandarmaria. Araka ny voalaza tamin'ny «Conseil des Ministres» hoe: tokony hatao anaty «AUGURE» daholo ny mpiasam-panjakana na ireo manana sata manokana aza. Tsy maintsy atao ny fampidirina azy ireo ary mandeha araka ny «récommadation» avy tamin'ny «Cour des Comptes» izany. Efa manomana ny «Recensement Général de l'Etat» koa izahay araka ny «récommadation» azonay satria izay no anton'ny tetikasa. Ho tanteraka izay rehefa manao ny «carte Augure» araka ny lalàna efa nolanianareo Antenimierampirenena. Azo lazaina fa hiroso amin'ny fanatontoloana amin'izay ny mpiasam-panjakana manontolo aorian'izay.

Amin'ny hoe tokony hisy «sanction positive» sy «saction négative» amin'ny fitantanana ny mpiasam-panjakana. Efa manomboka miroso amin'izany isika amin'ny alalan'ny fampiharana an'io AUGURE io. Ohatra, rehefa hita ireo mpiasam-panjakana izay tsy tokony handray karama intsony; avy hatrany dia notapahana ny karamany. Nisy «sanction positive» ihany koa satria fa tsy tonga dia notapahana fotsiny ny karamany, fa nampandalovina «Conseil de discipline» tao amin'ny Minisiteran'ny Asam-panjakana aloha.

Nisy kosa ireo nahamarina ny tenany fa teo ihany izy. Ny «conseil» koa nahita azy fa teo izy, nitondra «certificat administratif» avy tany amin'ny Minisitera mpampiasa azy. Tahaka izay ny lamina AUGURE sy ny fampiasana azy. Marihana fa mifandraika amin'ny tolo-kevitra avy atamin'ny “Cour des Comptes» izany.

Ho an'ireo orinasa nanao “chômage technique” kanefa betsaka ireo tsy nahazo ny karamany. Efa nanao «reconciliation» na fifampiraharana izahay; rehefa tsy vita ny fifampiraharana teo anivon'ny «section de travail» ny ady momba ny asa dia mandeha any amin'ny tribonalin'asa. Rehefa ny tribonalin'asa no manao «saisie» dia tsy miditra intsony ny Minisiteran'ny Asa. Mbola ny Minisiteran'ny Asa na ny «inspection de travail» no misahana ny fitadiavana ny marina mikasika ny zon'ny olona tokony hisitraka ny karamany.

Mikasika ny «contrat de travail» ho an'ireo olona manao «bénévole» any amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana.

Azo iaraha-mijery ny «forme de contrat» momba ireo olona ireo. Mikasika ny «bénévole» teo, ataoko angamba fa efa nohazavain'ny Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamana teo.

### **Minisiteran'ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Siantifika**

Mikasika ny fanontanian'ny Solombavambahoaka Voafidy tao Ambatofinandrahana, CNTEMAD no hatsangana any araka ny fangatahana voarain'ny Minisitera tamin'ny fivoriana ara-potoana tamin'ny volana Jona 2020 lasa teo. Ny olana anefa, tsy mbola tonga tany amin'ny foibe ny taratasy avy tamin'ny "autorité locale" izay tokony hanao fangatahana ary hanatitra izany any amin'ny CNTEMAD. Ny CNTEMAD sy ny ekipa rehetra anefa vonona hanatanteraka izany fananganana "centre" any Ambatofinandrahana izany. Efa vonona ihany koa ireo mpampianatra izay tokony hampiofana amin'izany toeram-pianarana izany.

Ny tiana lazaiana amin'ireo mpitondra sy mpitantana ary ny manam-pahefana any Ambatofinandrahana dia ny fangatahana sy fanamarinana ary fanaovana "engagement" hoe hanolotra trano hametrahana izany "centre" izany izy ireo. Vantany vao vita izay, efa vonona ny ekipa rehetra ao amin'ny CNTEMAD ary azo sokafana amin'ny fidirana amin'ny volana Martsa 2021 ho avy izao ny "centre".

Mikasika ny fangatahana ny hametrahana "centre de baccalauréat", azo atao tsara ny mametraka an'izany, fa miankina amin'ny isan'ny kandida ihany izay; na eo aza ny "centre" any amin'ny Distrika, tsy maintsy mametraka "centre" any amin'ny Kaominina saro-dalana koa ny Minisitera sy ireo "office du baccalauréat" satria misy ireo zanak'olona miainga avy any amin'ny Kaominina lavitra mandeha manatona Distrika mandritry ny herinandro anaovana ny "baccalauréat". Lasa manofa trano izy ireny ary tsy maintsy mitondra vatsy. Matetika anefa tsy zarizary ny toerana ipetrahany hiatrehany ny fanadinana. Izay no mahatonga hoe: tsy maintsy anaovana "centre" any amin'ireo Kaominina na eo aza ny "centre" eny amin'ny Distrika.

Mikasika ny hanamboarana "Campus Universitaire" any amin'ny Distrika, tsy mbola tafiditra tao anatin'ny LFI lasa teo izany saingy horaisina ny fangatahana. Mbola hojerena koa ny isan'ireo afaka "baccalauréat" any amin'ny Faritra sy ny manodidina azy vao afaka mametraka an'izany ny Minisitera satria mitaky "rectutement" sy fametrahana mpampianatra izany.

Mikasika ny fifidianana ireo tomponandraikitra vitsivitsy efa voatendry volana maromaro lasa; tamin'ny herinandro teo vao tonga tany amin'ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony ny fitanana an-tsoratra tamin'izany fifidianana izany. Efa vonona avokoa ny volavolan'ny didim-panjakana fandrena an'ireo olona ireo ary halefa amin'izay lalana rehetra tokony handalovany.

Mikasika ny fanomezana "poste budgétaire", efa namaly izany ny Governemanta. Efa misitraka izany "poste budgétaire" izany ny Minisiteran'ny Fampianarana Ambony ary tafiditra soa aman-tsara tamin'ny LFI lasa teo izay. Mbola hamafisina ny hanomezana ho an'ireo mpampianatra satria fantatra tsara ary mahafantatra izany daholo koa ny Governemanta, fa rehefa hipetraka sy hisokatra ireo "campus universitaire" maromaro izay natsangatsika; tsy maintsy misy mpampianatra halefa any amin'izy ireny. Izay no nahatonga ny Governemanta mamaly an'izay fangatahana amin'ny resaka "poste budgétaire" izay.



### **Minisiteran'ny Industria, ny Varotra ary ny Asatànana**

Mikasika ny seha-pihariana lavanila, iarahan'ny rehetra mahalala fa manan-danja amin'ny resaka ekonomika eto Madagasikara izany, raha tsy hiresaka afa-tsy ny fampidirana «devise» fotsiny. Mampiasa olona manodidina ny iray hetsy mivantana sy tsy mivantana ihany koa io seha-pihariana io.

Rehefa dinihana anefa ny vidiny nandritry ny 20 taona lasa, hita fa tsy marindrano satria tamin'ny taona 2004, 40 dolara no vidin'ny lavanila. Nitontongana hatrany amin'ny 25 dolara izany ny taona 2005. Nisy fotoana niakatra tampoka ny vidiny, ka nahatratra 500 dolara ny iray kilao. Amin'izao fotoana izao, hiezaka hametraka ny vidin'ny lavanila ny fitondrana mba hisorohana ny krizy toy ny tamin'ny taona 2004, izay niainga tamin'ny vidiny 200 dolara ny kilao ka nilatsaka hatrany amin'ny 40 dolara.

Ny zavatra nitranga toy izany no nahafahana nametraka tamin'ny fomba ofisialy ny «conseil national de la vanille» ary nisy ny «arrêté interministériel» nanamafy izany. Tsara marihana fa miisa 12 ny Minisitra misahana io resaka lavanila io, fa tsy ny Minisiry ny Varotra ihany. Maro ny olona sedrain'ity sehatra ity satria fantatry ny rehetra tsara ny fangalarana lavanila eny ifotony, ny kalitao, ny fijerena ny tsena iraisam-pirenena, ny fanodinana ny lavanila vao aondrana. Efa maro ny orinasa manao «extraction de vanille» ary ezahina hapetraka eto Madagasikara izany mba ahazoana tombony bebe kokoa. Ny antom-pisian'ny “conseil national de la vanille” dia hanara-maso ny fomba fiasa rehetra satria tsy maintsy misy ny vola tokony hiverina eto amin'ny firenena.

Raha fehezina, tsy Faritra iray na roa intsony no misehatra ao anatin'ny resaka lavanila, fa Faritra 10 mahery. Noho izany, mila «professionnalisation» io sehatra io, mila ofanina ny olona rehetra misehatra amin'ny lavanila, mba ahafahana mamerina azy amin'ny toerana tokony hisy azy.

Mbola sehatra mila fanitsiana sy fanatsarana goavana izany ny lavanila ka isaorana ireo Solombavambahoaka nanao tolo-dalàna mikasika ny fanatsarana ny “sécurisation de la vanille” sy ny fandrindrana io seha-pihariana io.

Mikasika ny vidim-bary, marina fa nisy fiakarany izany nandritry ny telo herinandro lasa ary efa misy fidinany koa amin'izao fotoana izao. Efa miroso tanteraka amin'ny fanatanterahana ny velirano momba ny fahavitan-tena ara-tsakafy ny firenena, ka ny vary no voalohany indrindra ao anatin'izay.

Efa manatanteraka izany fanatsarana ny fambolena vary izany ny Minisiteran'ny Fambolena mba ho fampiakarana ny voka-bary eto Madagasikara. Hampiakarina koa ny «pouvoir d'achat»-n'ny mpamboly mba ahafahan'izy ireo mividy vary sy mamatsy ny tsena.

Raha ny «statistique» no jerena, milanja 110 kilao isan-taona no vary hanin'ny Malagasy iray. Izany hoe, mahatratra 3 tapitrisa taonina ny vary fotsy ilain'i Madagasikara isan-taona, ka ny 10%-n'izay no hafarana fa ny 90% kosa vokatry avy eto an-toerana.

Ny fanatsarana ny kalitaon'ny famokarana izany no hampidina ny fanafarana vary ary hampiakarana ny vokatry eto an-toerana satria ny lalànan'ny tolotra sy ny tinady no ahafahana mandrindra ny vidin'entana eny an-tsena.

Nandalo fotoana sarotra ny firenena nanomboka tamin'ny volana Martsa 2020 ka hatramin'ny Septambra 2020 lasa teo noho ny fiatrehana ny hamehana ara-pahasalamana nateraky ny valan'aretina “Covid-19”. Niteraka fahasaratana teo amin'ny fandrindrana ny tsena izany, na izany aza tsy nisy na iray aza fahatapahan'ny vokatry tamin'ny tsena anatin'ny.

Marihana koa fa ny teboka voalohany ao anatin'ny «Etat d'urgence sanitaire» dia ny famatsiana ny tsena. Izany hoe, nisy fiaraha-miasa akaiky tamin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Minisiteran'ny Fambolena nandrindrana ny vary avy any amin'ny Faritra Itasy mankany Atsimo Andrefana; ny vary avy any amin'ny Faritra Menabe nalefa any amin'ny Faritra Atsimo Atsinanana.

Nisy koa ny fiarahana nidinika tamin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny vary, indrindra ireo mpanafatra vary. Raha alalanina fohifohy ny antony nampiakatra ny vidim-bary tamin'ny telo herinandro lasa iny, iarahana mahalala fa ny volana Novambra dia tahirim-bokatra no mitobaka eny amin'ny tsena mandrampindry ny fiakaran'ny vary manomboka ny volana Desambra. Nisy fahatarana anefa ny orana ka betsaka ny tsy namoaka ny vokatra notehiriziny mba ahafahany ireo mikarakara ny vokatra manaraka. Rehefa tsy namoaka vokatra izy ireo, nihena ny tolotra teny amin'ny tsena ka nanararaotra izany ireo mpanafatra. Izay no nanenjehana haingana ny fametrahana ny vidim-bary teny an-tseny ary nanampy ny Minisitera ireo Talem-paritra miisa 22 eran'i Madagasikara sy ny lehiben'ny tsena tamin'ny fanatanterahana izany. Tamin'ny alalan'ny hetsika vidin'entana no nanatanterahana izany. Teto Antananarivo no nanombohana izany, ka rehefa hita fa nahomby dia notohizana tany amin'ny Faritra.

Mikasika ny fampiroboroboana ny indostria, mazava amin'ny rehetra ny "vision" napetraka hoe "one district, one factory" na orinasa iray ho an'ny Distrika iray. Ny tanjona amin'izany dia ny hametrahana "petite et moyenne industrie" any amin'ny Faritra tsirairay, mba hanodinana ny vokatra misy any aminy. Hampanana asa ny tanora mpandraharaha no antony ary hampiakatra ny tahan'ny vokatra vita sy voahodina eto Madagasikara. Rehefa tanteraka izany, hamokatra kokoa ny firenena ka afaka mampidina ny vidim-bokatra sy manatsara ny kalitaony ary afaka mifaninana amin'ny vokatra hafarana avy any ivelany. Eo amin'ny fametrahana ny «One District, One Factory» (ODOF), kosa efa betsaka ianareo no nifanatona taminay nanolotra ny zavatra azo atao any amin'ny Distrika misy anareo avy. Efa nidina ifotony koa ny Minisitera nitety Distrika ary nijery orinasa madinika tokony hapetraka any. Tsara marihana fa efa vita ny tolo-bidy ho an'ireo «usine» na «unité industrielle» izay hapetraka any amin'ny Faritra. Hanaraka ny fenitra famokarana mba hisian'ny kalitao amin'izay famokarana izay izy ireo. Efa maro ny Distrika notetezin'ny Minisitera hametrahana ny «zone industrielle», toy ny tany Ambatolampy, Ambohimandroso, Vakinankaratra, Faritra Itasy, Alaotra Mangoro, Analanjirofo, Haute Matsiatra. «Zone d'investissement industriel» no iantsoana azy ary hifanaraka amin'ny ekonomian'i Madagasikara ny fisiany.

Mikasika ny karaman'ny mpiasa ao amin'ny SECREN, fantatra fa nisy ny fahatarana teo amin'ny karama volana Novambra, Desambra tao amin'io orinasa io. Efa vita sonia ny fikarakarana an'izany ary efa handray karama tsy ho ela intsony ireo mpiasa ao.

Momba ny orinasa SASM, tsy avela ho faty ny osinina lehibe toa azy ary efa nitady vahaolana hamahana ny olan'ireo mpiasa ny Minisitera. Efa nisy fihaonana tamin'ireo mpisehatra rehetra ao amin'ny orinasa toy ny SIRAMA sy ny CMSM ka amin'ny Alatsinainy izao, amin'ny sivy ora maraina, no fotoana farany nomena azy ireo hanomezany ny paikady hamahana ny olana. Izany hoe, tsy havela ho faty io orinasa io ary mbola ampiana orinasa manodina voankazo koa aza any amin'ny toerana misy azy.

### **Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy**

Mbola anisan'ny mahasarotra ny asan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy ny resaka ady amin'ny afo satria voalaza matetika fa mampigadra olona maro ny Minisitera. Tsara ho fantatry ny rehetra fa misy antony manokana matoa nosafidian'ny Filohampirenena Andry RAJOELINA ny anarana hoe Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy satria tsy maintsy mametraka fandrosoana sy mijery izay havela ho an'ny taranaka ny Malagasy. Anisan'ny firenena faran'ny marefo amin'ny fiovan'ny toetr'andro i Madagasikara ary tafiditra ao anatin'ny firenena folo faran'izay marefo ara-toekarena ihany koa.

Ny ankamaroan'ny fanontaniana teo dia niantefa tamin'ny Ministry ny Rano kanefa noho ny fahapotehan'ny ala no nahatonga izany. Iarahana mahalala fa izany fampandrosoana lovain-jafy izany dia tsy maintsy mikajy ny anio sy ny ampitso ary izay no mahasarotra ny asan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana.

Miisa telo ny tondrozotra napetraky ny Filohampirenena momba ny “plan emergence Madagascar” ary hita ao amin'izany ny “socle environnemental”. Ao koa ny vina hanaovana an'i Madagasikara ho rakotr'ala mba hiarovana ny ala sisa tavela satria 10%-n'ny velarantany eto amintsika sisa no misy ala. Enina amby roapolo tapitrisa no isan'ny Malagasy amin'izao fotoana izao ary hitombo avo roa heny izany afaka 30 taona. Raha tsy misy ny fiovana, hihena tanteraka ary hanjavona ny ala eto Madagasikara. Ny velirano faha-10 no manambara ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary eto amintsika.

Mikasika ny paikadin'ny fitondram-panjakana amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, tsy maintsy miaro ny ala sisa tavela isika araka ny voalaza teo satria 10% sisa ny ala tavela eto amintsika.

Ao koa ny ady amin'ny afo izay fatantra fa mandrava ny ala. Manodidina ny 90 000ha ka hatramin'ny 100 000ha isa-taona ny ala simban'ny afo. Noho izany, tokony hamboly hazo ny Malagasy. Araka ny voalazan'ny Filohampirenena, 40 000ha isa-taona farafahakeliny ny tany tokony hovolena hazo. Hampiakarin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ho 75 000ha izany amin'ny taona 2021, ka ao anatin'izay ny fanarenana ny simba.

Ao anatin'ny politika fiarovana ny ala sy ady amin'ny afo koa ny fametrahana fandaharan'asa miaraka amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, ka hampandraisina anjara ny mpianatra rehetra. Ny tanjona amin'izany dia ny hampandraisana anjara sy andraikitra ny ankizy eto amin'ny firenena ary hametrahana ny “conscience environnementale» ao aminy. Ny sehatra tsy miankina koa dia anisan'ny tomponandraikitra voalohany amin'ny fahapotehan'ny ala eto Madagasikara, ka izay no antony ampidirana azy ireo hanampy ny fanjankana amin'ny fambolan-kazo.

Ny fomba hitondrana ny fambolezan-kazo amin'ny taona 2021 dia “reboisement utile et de proximité”. Izany hoe, fambolan-kazo manakaiky ny mponina sy fambolan-kazo amin'ny zavatra ilaina andavan'andro. Manodidina ny 1600 ny zanakazo efa nalefan'ny Minisitera any amin'ny Kaominina sy Distrika any mba hampazoto ny mponina hamboly hazo. Tsy maintsy atao izany satria mila hazo fandrehatra ny mponina satria tsy afaka miteny amin'ny vahoaka Malagasy ny Minisitera hoe mijanona daholo ny fampiasana kitay sy ny “charbon”. Ilaina ihany koa ny hazo amin'ny fanamboarana trano sy ireo karazana fotodrafitrasa maro hapetraka eto amin'ny firenena.

Hampidirin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ao anatin'izay koa ny Faritra Atsimo satria tsy azo adinoina fa ny kere izay mahazo ny any Atsimo amin'izao dia efa nandritry ny 60 taona lasa izay. Izany hoe, azo lazaina fa olana vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana. Tsy maintsy manamaitso an'Androy isika ary ao anatin'izay no hametrahamin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ireo karazana zanakazo miaro amin'ny "désertification". Anisan'ny miady amin'ny rivotra ihany koa ny fanaovana izany satria ny tsioka mena dia mitovy amin'ny "vent d'Israël" mihitsy amin'izao fotoana izao.

Manarak'izay, miteraka fahapotehana goavana amin'ny ala eto Madagasikara koa ny resaka angovo. Mila hazo 100 kilao ny fanamboarana "charbon" 10 kilao. Ny ankabeazan'ny ala izay manjavona eto Madagasikara dia lasa kitay sy "charbon" avokoa. Noho izany, tsy maintsy miditra amin'ny "transition énergétique" isika eto Madagasikara. Izany hoe, mampihena tsikelikely ny angovo manimba ny tontolo iainana ary mampiakatra tsikelikely ny angovo madio na ny angovo maitso. Tafiditra ao anatin'izany ny "gaz butane", koa mamerina fisaorana ny Antenimierampirenena tamin'ny nanekeny namerina ny TVA tamin'ny "gaz butane" ho 5% izahay Minisitera. Vahaolana ara-tontolo iainana no nanaovana iny tetikasa iny ary ankasitrahana tanteraka satria azo lazaina ho "décision historique" izany. Tsara ho fantatry ny rehetra koa fa ny 20%-n'ny olona maty eto Madagasikara dia noho ny aretin-tratra avy amin'ny fampiasana "charbon" sy ny entona maloto.

Manarak'izay, anisan'ny paikady napetraky ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana ny fampanarahan-dalàna. Tsy misy lalàna vaovao noforonina, fa ny lalàna efa nisy ihany no ampiharina amin'ny fitantanana ireo faritra arovana na "assainissement du filière bois précieux".

Mikasika ny "bois de rose" tany Fort-Dauphin, manao "évaluation de stock" izao ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana. "Bois ordinaire et bois de fer" no natao "vérification" tao Taolagnaro ary niarahana tamin'ny fiarahamonim-pirenena ny fanatanterahana izany. Tsy misy resaka "bois de rose" na "tentative" fanondranana "bois de rose" aloha hatreto raha ny tsapa.

Momba ny resaka "aire protégée", misy sokajy 6 ny faritra arovana ary ny sokajy faha-5 ihany no azo anaovana fitrandrahana na «exploitation minière». Raha hiditra amin'ny fitrandrahana ao amin'ny «zone tampon» dia hisy lamina hapetraka mba hikoloana ny tontolo iainana. Izany hoe, tsy maintsy hajaina ny "cahier de charge environnemental". Hisy "accompagnement technique" hapetraky ny DRED koa ho an'ireo hanao fitrandrahana madio sy mangarahara ao amin'ny «zone tampon».

Mahatsapa ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana fa matoa misy kiana isaky ny fihaonana amin'ny Solombavambahoaka sy ny Minisitera amin'ny resaka «système des aires protégées à Madagascar» dia misy zavatra tsy milamina ao ka mila manao «réforme». Tsara ho fantatra fa ny 95%-n'ny rano fisotro eto Madagasikara dia avy any anatin'ny faritra arovana avokoa. Raha tapitra trandrahana ny «aire protégée», lasa hisotro ranon-tsira ny Malagasy, indrindra ireo any amorontsiraka. Raha tapitra trandrahana ny «corridor forestier», hisotro ranon-tsira ny ankamaroan'ny Malagasy ary tsy hisy hanao «régulation climatique» intsony eto Madagasikara. Nisy «projection» nataon'ny «Direction Générale de la Météorologie» tamin'ny herinandro teo ka tafiditra tamin'izany ny resaka «climat».

Tsapa tamin'izany, fa raha tsy misy fanovàna goavana atao mikasika ny fiarovana ny ala satria raha ny zavatra iainan'ny faritra Androy amin'izao fotoana izao no hiainan'ny vahoaka Malagasy amin'ny taona 2080. Izany hoe,  $\frac{3}{4}$ -n'i Madagasikara dia hitovy «condition climatique» tanteraka amin'ny faritra Androy; na amin'ny hafanana izany na amin'ny tsy fisian'ny rotsak'orana. Izany hoe, tsy maintsy apetraka ny fetran'ny fitrandrahana azo atao ary amin'ny faritra aiza no azo anaovana izany.

Mikasika ny “permis environnemental” ho an'ny SIRAMA sy SICOMA, rehefa nojerena ny tantara sy ny «décret» tamin'ny taona 2007 dia hita fa maro ireo orinasa nanao famokarana talohan'io taona io no tsy nanana izany ary ny lalàna no nametra ny orinasa tamin'izay. Ankehitriny, maro ny indostria no manao “régularisation et mise en conformité”, ka ao anatin'izany ny SICOMA. Efa nisy taratasy nalefan'ny ONE tany aminy ny taona 2019 ary nangataka azy hanao ny «mise en conformité». Tsy nataon'izy ireo anefa izany hatramin'izao, ka namerina nanao fidinana ifotony tany ny ekipan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana niaraka tamin'ny Talem-paritr'i Diana ary ny ONE. Harahina maso izany satria zava-dehibe iarahan'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Minisiteran'ny Indostria ny «régularisation»-n'ny orinasa rehetra eto Madagasikara.

Momba ny «extermination espèce sakoà», voaray ny fangatahana ary hojerena ny fomba hanaovana ny fampiatoana izany.

#### **Minisiteran'ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra ary ny Kajy Mirindra**

Momba ny resaka “pylone”, efa nanomboka tamin'ny taona 2018 ny fametrahana izany ary efa nihoatra ny 150 ireo “pylones” napetraka tamin'ireo toerana tokony hisy an'izany mba ahafahana manatsara ny fifandraisana amin'ireo faritra heverina fa lavitra.

Zava-dehibe tokoa izany satria mampisy «développement rural” ary marihana fa volabe no miasa amin'io resaka «pylone» io, ka mety ho izay no mbola tsy ahavitan'ny tetikasa amin'ireo faritra volaza teo aloha. Tsy midika anefa izany fa vita ny fampandrosoana eny ambanivohitra rehefa voapetraka avokoa ireo “pylones” miisa 150 ireo, fa mbola hitohy ny tetikasa mba hitovitovian'ny toerana rehetra eto amintsika amin'ny resaka fifandraisan-davitra.

Momba ireo fangatahana toy ny tao Beroroha sy Bemavo, tsapa fa manjaka tokoa ny asandahalo noho ny tsy fisian'ny fifandraisana an-telefaonina kanefa hiezaka izahay hamaha izany olana izany. Ohatra, ny fametrahana «smart village» tao Marerano sy ny toerana voatanisa tamin'ny fangatahana teo, mba ahafahana mifandray amin'ny toerana hafa.

Hatao koa ny fampivoarana ny lalan'ny fifandraisana mba ahafahana manao «partage d'infras» sy ahafahana manara-maso ny «performance de réseau» izay misy ankehitriny. Tsapa fa na misy aza ny «réseau»; indraindray, ny kalitao no tsy tonga lafatra ka mety ho izay no sakana amin'ny fifandraisana. Izay no hatao «audit», hanaovana «teste» amin'ny voalohan'ny taona ho avy io. Izay no «indicateur» ahafahantsika manao ny «performance» momba ny “réseau” eto amintsika.

Mikasika ny fangatahana «smart village», misy zavatra telo ao anatiny.

Voalohany, ny “desenclavement” ho an'ireo toerana tsy misy “réseau” no sady tsy misy herinaratra dia hametrahana “satellite”.

Hitondrana “panneau solaire” koa ny sasany mba ahafahany mifandray amin’ny toerana izay tokony ho tratrany. Izany hoe, ny fanaovana ny “desenclavement” dia anisan’ny masontsivana mitarika amin’ny fampandrosoana ny toerana na faritra iray.

Faharoa, tsy misy ny “service en cours” hanaovana ny asa. Izany hoe, entina eny ny “services postaux” sy “services financiers” ny zavatra tokony hatao vao tonga any amin’ny tanàna na Kaominina hanaovana ny asa.

Fahatelo, hisy ny atao hoe “ville d’organisation” hametrahana “internet”. Ohatra amin’izany, hanokana adiny iray isaky ny tapabolana ho an’ireo mpianatra, satria maro no hanala BEPC sy BACC kanefa mbola tsy nikirakira izany “internet” izany mihitsy. Omena azy maimaim-poana ny fampiasana izany. Tahaka izay koa ireo fikambanan’ny renim-pianakaviana sy ny tantsaha amin’izay mba maharaka ny zava-misy tokony hiainany sy hianarany.

Miisa 50 mahery no hapetraka amin’io “ville d’organisation” io ary 35 no efa vita amin’izao fotoana izao.

Ho an’ny Distrikan’i Lalangina, Fenoarivobe, kianjan-dRakefona sy Midongy du Sud, hatao ny “études” ka ho hita raha azo ampidirina amin’ireo “smart village” hatao amin’ny taona 2021 ho avy io.

Momba ny “hotspot” na ny “wifi gratuit”, ampifaliana no itenenana amintsika fa maro ny olona afapo, eny na vao vitsivitsy aza no notokanana, toy ny tao Manakara sy Tsiroanomandidy ohatra. Hapetraka ny 43 amin’ireo tetikasa ireo, ka anisan’ny hahazo izany ny Biraon’ny Distrika any amin-dRamatoa Filoha, eny Ankatso, any Antanambao Manampotsy, Benenitra ary Beroroha.

Mikasika ny “antenne relais”, rehefa nodinihana ny zavatra heno teo, hita fa mety mifangaro sy tsy mifandray ny resaka; hatreto, tsy misy ifandraisany amin’ny fahasalamana ny fisian’izy ireo. Tsy misy olana loatra ny mikasika an’izany, ka tsy tokony hatahotra ny mponina mipetraka manodidina ny fametrahana azy ireny.

**Minisiteran’ny Mponina, ny Fiarovana ara-Tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny Vehivavy**  
Teboka vitsivitsy ihany no napetraka tamin’ny Minisiteran’ny Mponina teo raha aravona.

Mikasika ny sosialim-bahoaka, niarahana nahita ny fahavoazana nahazo ny Faritra Atsimo. Noho ny hetraketraky ny natiora no nahatonga izany. Mijaly ireo mpiray tanindrazana monina any noho ny fisian’ny kere, ka rariny sy hitsiny raha hovonjena manokana ny fiahiana ara-tsosialy ho azy ireo. Iharan’izany tsy fahampian-tsakafo na kere izany ny Distrikan’Ambovombe, Amboasary Sud, Bekily, Betroka. Tsy midika akory fa hadino ireo Distrika hafa, fa misy fandaminana napetraka momba ny fijerena ny sosialim-bahoaka eto amintsika. Any an-toerana aloha no natao laharam-pahamehana amin’izao fotoana izao noho ny zava-misy any.

Mikasika ny trano may tany amin’ny Faritra Vatovavy-Fitovinany, manodidina ny 700 mahery no isan’izany tao amin’ny Distrikan’i Vohipeno raha jerena ny antontan’isa. Ho fitsinjovana ireo traboina, nisy ny fiaraha-miasa tamin’ny BNGRC nitondra fanampiana ho azy ireo.

Nanao tahaka izany koa ny Solombavambahoaka voafidy tany an-toerana mba hanamaivanana ny fahasahiranana ny mponina. Nisy koa fampianarana azy ireo mba hisorohana ny loza toy izany.

Mikasika ny fifindra-monina, maro ireo mifindra toerana satria lasa tsy mahavelona azy ireo intsony ny toerana fivelomany hatramin'izay noho ny kere sy ny fiovan'ny toetr'andro. Maina ny tany tokony hovoleny, tsy hisy vokatra ho azo, ka aleony mifindra monina aty afovoantany. Maro amin'izy ireo no nivarotra ny fananany hataony vatsy eny an-dalana; rehefa lany ny vatsy dia mitranga ny olana araka ny fanontaniana teo.

Misy amin'izy ireo koa anefa efa miaina amin'izany fifindra-monina izany isan-taona; mandeha mikarama aty afovoantany. Ireny olona ireny amin'ny ankapobeny tsy dia nahitana olana loatra satria efa fiainany izany.

Efa tena mijery tanteraka ny vahaolana momba azy ireo ny Minisiteran'ny Mponina amin'izao fotoana izao. Hisy ny fanampiana azy ireo, toy ny fanomezana toerana mahasoana azy, ny fampitaovana, ny fizahana ny fahasalamany, ny fizarana sakafo ary ny fanomezana vatsy mba hahatongavany amin'ny toerana kasainy haleha.

Mikasika ny fikambanan'ny vehivavy ao amin'ny Distrikan'i Midongy Atsimo, hanao fampivoarana ny vehivavy ny Minisiteran'ny Mponina, ka anisan'ny hisitraka izany izy ireo rehefa hatao ny ny tetikasa. Noho izany, mangataka fiaraha-miasa amin'ny vehivavy rehetra tsy ankanavaka ny Minisitera amin'ny fanatanterahana izany satria tsara raha mijoro aradalana ny fikambanana amin'izay ho mora kokoa ny fomba hanampiana azy; na arapiofanana izany na ara-pitaovana. Entanina ny Solombavambahoaka rehetra mba hanangana fikambanam-behivavy any amin'ny Distrika misy azy avy ary hampahafantatra izany ny Minisitera amin'izay ho tsotra ny fanampiana azy ireny.

Ny Minisiteran'ny Mponina dia vonona ny hanampy azy ireny amin'ny alalan'ny tatitry ny fivoriambe nataony mba ahafahan'ny fikambanana mahavita tena amin'ny asa fivelomany.

Mikasika ny "carte verte", efa namolavola lalana mikasika ny zokiolona ny Governemanta, ka ho hita eo ny fampiharana azy. Mihevitra ny Minisitera, fa hahavoavaha ny olana mikasika azy ireo izany.

Raha jerena eto amintsika, mihamaro ny isan'ny zokiolona, ka somary mavesatra ny fanomezana an'io "carte verte" io. Mba hahamaivana ny fahasahiranana, izay no nahatonga ny Filohampirenena hametraka ivon-toerana manara-penitra voatokana ho azy ireo, hialana amin'io toe-javatra voalaza io. Anisan'ny hametrahana izany tetikasa izany eto Antananarivo sy Antsirabe ary hezahina ny hanaparitahana azy manerana an'i Madagasikara.

Mikasika ny "panneau solaire" nangatahan'Ambositra, fantatra fa misy Mopera mikarakara olona sembana ara-tsaina amin'io Distrika io, ka mendrika sy rariny raha ampiana izy amin'ny fahazoana izany. Efa vonona sy azo alaina izany "panneau solaire" na anio maraina aza.

### **Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena**

Marihana fa tsy nisy valim-panontaniana avy tamin'ity Minisitera ity.

### **Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina**

Solombavambahoaka maro no nametraka fanontaniana amin'ny tsy mbola nahazoana "émetteur" ka toy izao no lisitry ny Distrika efa nisitraka ny "émetteur" na ho an'ny televiziona na ho an'ny "radio" raha ny Tetibolan'ny Minisitera tamin'ity taona 2020 ity no jerena.

"Émetteur TV": Port Bergé, Soalala, Antanambao-Manampotsy, Mandoto, Manandriana, Fandriana, Ambato Boeny, Ivohibe, Antsalova, Lalangiana, Kandrehô, Maevatanana, Marovoay, Sakaraha, Manja, Amboasary Atsimo ary Soanierana Ivongo.

Ho an'ny onjam-peo kosa na ny "émetteur radio", efa tao anatin'ny Distrikan'i Port-Bergé.

Marihana fa misy nahazo «radio» no nahazo televiziona, satria arakaraka ny fahanteran'ny "émetteur" efa ela tsy nisolo no nanaovana ny "planning" tamin'ny fizarana izany. Tsy tonga lafatra, fa izay tsy vita amin'ity taona ity dia ezahan'ny Minisitera hampidirina amin'ny Tetibola, taona 2021 arak'izay tetibola voarain'ny Minisitera.

Ho an'ny «radio», mahazo izany i Soalala, Antanambao-Manampotsy, Mandoto, Manandriana, Fandriana, Ambato Boeny, Ivohibe, Antsalova, Lalangiana, Kandrehô, Maevatanàna, Fort Dauphin, Manja, Vohipeno, Sainte Marie ary Maintirano.

Ho an'ireo nisitraka ny "matériels techniques"; izany hoe ireo fitaovana ankoatra ny «émetteur», toy ny «camera», «dictaphone» dia Tsiroanomandidy, Soalala, Sainte Marie, Vohipeno, Nosy Varika, Fort Dauphin, Nosy Be, Miarinarivo, Toamasina I, Fianarantsoa I, Toliara I, Mahajanga I, Antsiranana I ary Soanierana Ivongo.

Izay no tratran'ny Tetibola tamin'ity taona ity. Efa vonona ao daholo ireo fa ao anatin'ny fanaparitahana azy satria tsy araky ny teknisianan'ny ORTM ny mandefa azy, fa iarahana aminareo Solombavambahoaka ny fanomezan-tàna amin'izany.

Momba ny fanontaniana mikasika ny ankanjon'ny Mpanjakavavy RAMASINDRAZANA sy ireo kojakojan-dRANAVALONA III izay vao azontsika tamin'ny lavanty natao tany "Londres".

Ny antony nividianana ny akanjon'ny Mpanjaka tany "Londres": raha ny politika napetraky ny Filohan'ny Repoblika dia ny famerenana indray hambompom-pirenena sy ny fitiavana tanindrazana, amin'ny alalan'ny fanandratana ny kolotsaina ary ao anatin'izay ny famerenana ny mahaizy azy ny "identité culturelle"-ntsika na ny mahaizy azy ny kolotsaintsika.

Tafiditra ao anatin'izany ny fanangonana ireo vakoka izay niparitaka manerana an'izao tontolo izao. Ohatra amin'izany, ny tantaram-piandrianan'ny Mpanjaka RANAVALONA. Toy izany koa ny nahazoana ireo akanjon'ny Mpanjaka tany "Londres".

Novidina izany na nisy aza ny fifanarahana tamin'ny frantsay tamin'ny nahazoana ny tantaram-piandrianan'ny Mpanjaka RANAVALONA III. Ny antony, satria ny akanjon'ny "Princesse" RAMASINDRAZANA sy ny "correspondance privée" nisy an-dRANAVALONA III sy ny Praiminisitra RAINILAIARIVONY dia "Collection privée". Olon-tsotra no tompon'ireo, fa tsy ny fanjakana Anglisy akory. Amin'ny maha an'olon-tsotra azy, nangataka tamin'ny trano fanaovana "vente aux enchères" izy hivarotana ny "collection". Tamin'io "vente aux enchères" io no nahafahana nahazo an'ireo vakoka ireo.



Mikasika ny fanarenana ny vakoka, tahaka ny tranon'ny Mpanjaka sy ny trano manantantara eto amintsika. Efa nanaovana ezaka lehibe nanomboka tamin'ny taona 2019 izany ary mbola nitohy ny taona 2020.

Maro ny tranom-bakoka, tranon'ny Mpanjaka, na ny "bâtiments coloniaux" izay manana ny tantarany, ny lanjany izay nohavaozin'ny Minisiteran'ny Kolotsaina. Hotohizana amin'ny taona 2021 izany araka ny Tetibolan'ny Minisitara.

Mikasika ny olana misy amin'ny Holafitry ny Mpanao Gazety eto Madagasikara; tsy dia mazava amin'ny Minisitara ny antony mampisy ny olana ao anatiny. Tsy maintsy miainga amin'ny "texte" isika ary manaraka izay voalazan'ny lalàna. Efa tapitra ny fe-potoana iasan'ny Holafitry ny Mpanao gazety satria efa tamin'ny taona 2017 izany, saingy noho ny tsy fisian'ny fifidianana dia mbola ry zareo no mitantana azy.

Voalohany, ny zavatra nolavin'ny Holafitra dia ny fanganana "Commission Mixte Paritaire" izay hanome ny karatra maha matianina ny mpanao gazety. Izay no ahafahana miroso amin'ny fifidianana ho an'ny biraon'ny Holafitra vaovao.

Toa izao no voalazan'ny lalàna momba ny "Commission Mixte Paritaire": "Article-55", ao lalàna laharana faha-2020-006 vao nolanian'ny Antenimierampirenena momba ny "Code de la Communication Médiatisée"; misy solotenan'ny mpanao gazety ao anatiny. Izahay tato amin'ny Minisitara no nanao hoe "représentant de l'Ordre des journalistes", fa ny lalàna taloha nametraka fotsiny hoe "représentant des journalistes". Mba ahafahana mametraka tsara ny toeran'ny Holafitry ny Mpanao gazety no nahatonga anay niteny hoe aleo "représentant"-n'ny Holafitry ny Mpanao gazety no ao anatiny.

Ankoatran'ny solotenan'ny Holafitra, ao koa ny solotenan'ny Minisitara iray ary "patron de presse" roa.

Namoaka "texte réglementaire" ny Minisitara nametraka fa hanana solotena 3 ny Holafitra ao anatin'io "Commission Mixte Paritaire" io ary voalaza koa fa «le Président est membre d'office».

Izahay no nanao an'izany ary amin'ireo mpikambana 7, iray monja no solotenan'ny Minisiteran'ny Serasera izay Minisitara mpiahy. Misy milaza fa te-hanao ampihimamba amin'ny «Commission» ny Minisitara. Amin'ireo mpikambana 7 ao amin'ny "Commission" dia ahitana no mpanao gazety miisa 4. Amin'izay fotoana izay, mbola ampangaina fa te-hanao ampihimamba ny «Commission» ihany izahay. Tsy mazava aminay hoe inona ny tena lojika ao anatiny.

Faharoa, momba ny "modalité d'élection"-n'ny «Ordre des journalistes». Ianareo Antenimierampirenena dia mahafantatra tsara ny «processus d'élaboration d'une loi». Anjaranay mpanatanteraka no mamolavola «Projet de loi» ary isaorako ny Filohan'ny Repoblika, ny Praiminisitra, fa tsy nitondra «amendement» izy ireo na kely aza tamin'io "avant projet de loi" nomanina niaraka tamin'ny mpanao gazety io. Nolanian'ny Antenimierampirenena izany rehefa tonga teto. Tsy nikitika «modalité d'élection de l'Ordre» izahay fa tany amin'ny «Sénat» no nitondra fanovàna hoe: «un Vice-Président par Province»; izahay kosa nandroso sosokevitra hoe atao «un Vice-Président par Région». Izany hoe, lasa misy solotena afaka miaro kokoa ny mpanao gazety, fa tsy misy idiran'ny Minisitara mihitsy ny fomba fifidianana. Tsy nanana hotenenina izahay tany amin'ny "Sénat" satria izy no nilaza hoe: atao iray isaky ny Faritany.

Marihana fa tsy ny Governemanta, tsy ny «Conseil des Ministres», tsy ny «Conseil du Gouvernement» no nitondra fanovàna fa ny «Sénat». Taorian'izay, nentina «pour deuxième lecture» teto aminareo izany ary lany ihany koa. Izany hoe, tsy misy ny olana aminay sy ny Holafitra. Ny Biraon'ny Holafitra taloha no mahita hoe misy olana, fa ny tanjona dia mba manana «droit» ny mpanao gazety aoa aimn'ny «Ordre des journalistes», mba hanana birao vaovao, satria efa telo taona no tokony ho tapitra ny «mandat»-n'ny teo aloha. Tsy rariny raha tsy hanao fifidianana mihitsy satria misy mpikambana sasany taloha tsy mankasitraka ny hanao fifidianana.

### **Minisitry Lefitra miandraikitra ny Tanàna Vaovao sy ny Toeram-ponenana**

Raha dinihina, tsy nisy fanontaniana, tsy nisy fangatahana mikasika ny “habitat” sy “nouvelles villes”, fa fanamarihana no natao teo.

Tamin'ny herinandro lasa Andriamatoa Filohan'ny Repoblika no nitondra “notes” avy tamin'ny Banky Iraisam-pirenena mikasika ny famatsiam-bola momba ny fanorenana toeram-ponenana na ny “logements”. Nilaza io “notes” io, fa tokony tsy misy “investissement” na fanampiana avy amin'ny Governemanta mikasika ny “projet Habitats” sy ny “projets Logements”. Hitondra tombony goavana ho an'ny Distrika rehetra izany satria hiala amin'ny “processus de passation de marché classique” isika amin'izay fotoana izay.

Raha jerena tarehimarika, ny tanjona dia ny hananana “40 000 logements”.

Raha anaovana “répartition territoriale” na fizarana isan-toerana ka ampitahaina amin'ny PIB eto Madagasikara izany, ny 40%-n'ny dia saika mitangorona eto Antananarivo daholo. Raha atao ny kajy, amin'io tanjona “40000 logements” io; ho lasan'Antananarivo ny “16 000 logements” ary 24 000 sisa no ho an'ny Faritra sasany. Izany hoe, raha maka Distrika miisa 100 isika, “240 logements” isaky ny Distrika izany no tokony hatao. Raha ohatra “30 Millions d'Ariary” no vidin'ny trano iray, “7,2 Miliards d'Ariary” izany no “Chiffres d'affaires potentielles” ao amin'ny Distrika iray. Raha ohatra 5% fotsiny ny “redevance” angatahinareo, “360 Millions d'Ariary” izany no “redevance potentiel”. Io no “potentielle” any amin'ny Distrika iray raha hanao “240 logements”. Izany hoe, miakina amin'ny Faritra izay, mety ho ambonimbony ny filany na mety latsaka ihany koa. Izay “potentiel” izay no mety mitondra vahaolana amin'ny resa-bola.

Izany hoe, ny fampandrosoana isam-paritra dia hitarika fampandrosoana ara-toekarena sady hiteraka asa ihany koa ho an'ny olona amin'ireny Faritra ireny.

### **Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Fiarovam-pirenena Miadidy ny Zandarimaria**

Mikasika ny fitantanana ny Zandarimaria, 15 no nanome fisaorana ny Minisitry, 12 nanao fangatahana mba hanatsarana ny asa ary miisa 8 ny fangatahana toby ka izay no ezahana hanomezana valiny.

Momba ny fahavakisan'ny fitrandrahana vato “béryllium” tany Andilana Nord, Distrikan'Amparafaravola, efa nandeha tany ny “Commandant de Groupement d'Alaotra Mangoro” niaraka tamin'ny OMC Distrika ary nanapakevitra ny OMC fa tsy maintsy hidiana io fitrandrahana io manomboka ny 14 Desambra 2020 mba hisorohana ny zava-doza mety hitranga any an-toerana.

Marihana fa nahazo “réquisition spéciale” tamin'ny Lehiben'ny Distrikan'Amparafaravola ny Zandary nalefa tany.

Izany hoe, afaka mampiasa hery ny Zandary raha nisy fanoherana nataon'ny olona. Isaorana an'Andriamanitra fa raha tonga tany ny Zandary hamita ny iraka nampanaovina azy, tsy nisy olona tao an-toerana satria fady amin'iny toerana iny ny miasa amin'ny andro Talata. Izay no tsy nahitana olona sady tsy nisian'ny fifanolanana. Nisy ihany feo nandeha, fa hisy olona marobe hiverina ary vonona ny hifandona amin'ny mpitandrofilaminana. Hatreto anefa, isaorana an'Andriamanitra hatrany, fa mbola tsy nisy fifandonana teo amin'ny roa tonta, ka irariana mba tsy ho tonga amin'izany.

Voateny matetika koa fa misy Zandary mitrandraka an-tsokosoko rehefa alina ny andro, kanefa izy ireo indray no mandrahona ny olona hitrandraka ao toby. Ny Minisitera dia efa niteny tamin'ny taona lasa, fa misy ny “service de traitement de doléances” ary henjana ny fandraisana fepetra ao. Raha mbola misy ny zavatra toy izany, omeo vaovao ny Minisitera, fa vonona handray andraikitra. Tsara ho fantatry ny rehetra koa, fa arovana avokoa ireo olona manome vaovao ka tsy tokony hisy hatahorana amin'ny fanomezana izany.

Momba ny resaka asan-dahalo, ny mpimasy no tena mampirongatra azy io raha natao ny fanadihadiana. Rehefa avy manatona mpimasy ny dahalo, mahatsiaro tena ho nahazo hery izy ka lasa sahy mifanandrina amin'ny mpitandrofilaminana. Tsara ho fantatry ny rehetra, fa handraisana fepetra avokoa ireo mpimasy izay miray tsikombakomba amin'ny dahalo sy ireo mpampian-trano dahalo.

Mikasika ny hoe manana “gâchette facile” ny Zandary. Tanindrazana sy lalàna no tarigetra arahina ao amin'ny Zandarmaria, tsara ny manamarika an'izay. Izany hoe, raha mbola misy ny Andrimpanjakana, tsy maintsy mandray andraikitra ny Minisiteran'ny fiarovam-pirenena. Ohatra amin'izany fepetra noraisina izany ireto manaraka ireto: niisa 94 ny Miaramila nigadra ary 43 ny Zandary. Mpitandrofilaminana miisa 84 no nahazo “liberté provisoire” ary miisa 16 ireo naterina tany amin'ny fitsarana. Niisa 13 ireo “sous contrôle judiciaire”. Manodidina ny 476 izany ny Zandary voasazy amin'izao fotoana izao, ka ny 15 amin'ireo dia “Officiers” avokoa. Efa miezaka mamerina ny hasin'ny Zandarmaria ny fitondrana amin'izao ary tsy marina ny filazana fa manao “gâchette facile” izahay.

Manaraka, miezaka arak'izay azo atao ny Zandarimaria amin'ny fampiharana ny voalazan'ny lalàna araka ny andininy faha-327 sy faha-329 ao amin'ny “Code Pénal”. Misy ny “décret sur les services des droits” nivoaka tamin'ny volana Mey 1963 izay tsy maintsy arahana ihany koa. Miresaka momba ny fahafahana mampiasa fitaovam-piadiana ireo lalàna ireo ary miezaka manaraka izany foana ny Zandarimaria hatramin'izao.

Mankahery ny Zandary mba hanao ny asany araka ny tokony ho izy, izay no tanjona satria misy “directive politique” arahana, ka tokony hampihatra izany isaky ny «niveau» ny rehetra. Manampy sy mankasitraka ireo Zandary nanao ny asany araka ny tokony ho izy koa ny Minisitera satria henjana izany hoe maro no nigadra izany. Tamin'ity taona ity izao, miisa 18 ny Zandary no nahazo “bonification d'ancienneté de grade” ary miisa 16 no nahazo “prime de bravo”. Izay no ezaka efa vita.

Momba ny resaka “unité”, efa nolaniahana teto amin'ny Antenimierampirenena fa hisy CSO efatra hamboarina amin'ny taona 2021 ka ireto avy ny Distrika hahazo izany: Anjozorobe, Amboasary Nord, Maroantsetra, Isandra.

Miisa 4 ny «Brigade Routière de Sécurité» hapetraka ka ireto avy no hahazo izany: Tsiroanomandidy, Ambato Boeny, Tsaramandroso ary Sakaraha.

Maro ny ezaka mbola hatao ary raha jerena ny LFI 2021 nolanian'ny Solombavambahoaka farany teo, hita fa hanangana «brigades» miisa 15 ny fanjakana. Natao laharam-pahamehana ireo toerana “stratégiques” satria maro ny fitarainana voaray ary teo ihany koa ny “promesse Présidentielle” natao n'ny Filohampirenena. Voafetra ihany anefa ny hoenti-mananan'ny Minisitery, ka miankina amin'izany ny zavatra azo atao. Nisy fanampiana nomen'ny “système des Nations Unies” ho an'ny Minisitery, ka nahavitana “postes avancés” miisa 16 izany, ka ny 5 tany amin'ny Faritr'Ihorombe, ny 7 tany Faritr'Anosy, 4 tany Faritr'Androy ary nahazo fitaovana maro samihafa koa ny Zandary tamin'izany. Nisy fanampiana nataon'ny vondrom-bahoaka sy olon-tsotra ihany koa tamin'ny fananganana ireny tetikasa ireny ka isaorana azy ireo izany.

Momba ny resaka “affectation”, efa nifampiresahana teo avokoa izany. Raha “commandant” miakatra izy dia ny Minisitery no mijery izany, ny kapiteny midina kosa, any amin'ny “caserne” no manao izany. Ny “grande formation” dia ao amin'ny “commandant de la grande formation” ihany mijery azy. Miezaka arak'izay azo atao ny Zandary mba hanatanteraka ny asany ara-dalàna.

Nisy fangatahana fitaovana ho an'ny Zandary teo saingy miankina amin'ny vola eo am-pelantàna izany. Isaorana ny Solombavambahoaka satria nanampy betsaka ny “unité”-n'ny Zandarimaria tamin'ny fanatontosany ny asany.

Mikasika ny fitaovam-pitaterana homena ny Zandary; tokony miisa 500 ny kodiaran-droa hozaraina saingy noho ny fandaminana, lasa 220 no tratra satria ny kalitaon'ny zavatra hampiasaina koa mila jerena. Efa nifampiresaka ny Minisitery androany, ka mety hotratrarina ihany ny hanomezana “motos” miisa 500 ho an'ny Zandary ary fiarakodia miisa 8 no hovidina fanampin'izay.

Momba ny fizaran'asa, nisy nilaza teo fa tsy misy Zandary any amin'ny Distrika misy azy. Misy ny atao hoe “priorité stratégique”, raha misy Tafika na Polisy ve any an-toerana dia mbola ho ao koa ny Zandary. Efa misy ny fifanarahana amin'ny samy mpitandrofilaminana momba izay.

Mikasika ny “couvre feu” tany Manakara, 15 andro lasa izay; tsy misy intsony izany amin'izao, fa efa niverina amin'ny laoniny ny fiainan'ny mponina.

Nisy nilaza koa teo fa tsy mankatoa ny lamina apetraky ny fanjakana ny Zandary. Izahay no natao hampihatra ny lalàna, ka ialana tsiny fa efa 36 taona mahery no naha “grand officier” anay, ka tsy izahay mihitsy no handeha hampianarina asa. Efa nianatra tany “Etats Unis” izahay, efa indimy nianatra tany Frantsa koa ary betsaka ny zavatra efa natao, fa tsy fandaniahana andro akory ireny. Rehefa hita fa tsy mahomby ny mpitantana dia soloina. Izahay tsy mifikitra amin'ny toerana nametrahana anay, fa adidy no ipetrahana eto. Olomboatendry izahay, ka miezaka manao ny asanay araka ny tokony ho izy. Izany hoe, olona “professionnel” avokoa no mipetraka eo amin'ny toeran'ny mpitantana amin'izao fotoana izao.

Mikasika ny “opération” amin’ity farany taona ity; efa nampitaina tamin’ny “EMMO-Nat” izany, ka miankina amin’ny vola “disponible” ihany no hijerena ny “ordre de priorité” mba hisian’ny filaminana sy fandriampahalemana madritry ny faran’ny taona sy ny voalohan’ny taona vaovao ary ny taona ho avy manaraka.

Tsy handefitra mihitsy ny Minisitery na malaza fa mpanasazy sy mpanagadra aza satria tsy natao ho fieren-jiolahy ny Zandary.

Mikasika ny fangatahan’i Midongy Atsimo, mety tsy tonga lafatra izay tamin’ity taona ity, fa efa miezaka ny Minisitery mba hasiana “représentant par Région et par District» ny afaka fanadinana ho Zandary. Misy fepetra tsy maintsy arahana anefa amin’izany.

Anisan’ny masontsivana jerena ny hoe olona efa nipetraka roa na telo taona tao amin’ny Distrika no afaka manao fifaninanana; na eo aza izany, tsy maintsy misy «minimum de note» hapetraka ary mety tsy hitovy izany ho an’ny Distrika tsirairay. Mety 11/20 ny an’ny sasany no afaka kanefa 14/20 any amin’ny Distrika hafa satria mahay daholo ny mpifaninana tany an-toerana. Mety mbola tsy tanteraka tamin’ity taona ity izany saingy amin’ny fifaninanana manaraka, hatao izay hampisy “représentant” ho an’ny Faritra na ny Distrika tsirairay. Rehefa hiditra Zandary, fianarana vaovao mihitsy no hatao ao, aleo ampahafantarina antsika izay. Taloha aza, nisy olona nanana BEPC naharesy olona nanana BACC rehefa nianatra tany Ambositra satria tena fianarana vaovao mihitsy no ratovina ao amin’ny sekoly. Izay no mahatonga ny hoe asiana “représentant” isaky ny Faritra na ny Distrika ireo mpianatra mivoaka ho Zandary.

Taorian’ny valim-panontaniana avy tamin’ny mpikambana ao amin’ny Governemanta, nisaotra azy ireo Ramatoa Filoha ary nomeny an’Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana raha hanao fandravonana mikasika ny famaliana ny fanontaniana nipetraka teo ny tenany.

Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben’ny Governemanta  
Misaotra indrindra Ramatoa Filoha.

Efa maherin’ny sasakalina izao isika miteny izao, eo amin’ny 35 ianareo Solombavambahoaka no sisa ato anatin’ity toerana fivoriana ity. Izahay dia mbola eto ihany hatramin’ny voalohany satria ataoko fa hanajana ny Andrimpanjakana misy anareo no antony ijoroanay hatrany na amin’ny andavan’andro ifampiresahantsika izany na amin’ny fotoan-dehibe toy izao.

Naharitra 14 ora ny fihaonana sy dinika nataontsika nanomboka tamin’ny 10 ora sy sasany maraina teo ka hatramin’izao.

Zava-dehibe tokoa no nifampiresahantsika teto satria raharaham-pirenena no nodinihana. Tsy azo atao ambanin-javatra izany rehetra izany.

Mankasitraka anareo rehetra, Ramatoa Filoha, tamin’ireny fanontaniana maro ireny, ireny fanamarihana maro ireny, ireny tsikera sy sosokevitra mba hahafahantsika manitsy ary indrindra hampandroso ny firenena iombonantsika.

Mankasitraka ihany koa an’ireo mpikambana eo anivon’ny Governemanta mitondra ny valiny arak’izay azo atao tao anatin’ny fotoana izay noferantsika teo.

Tsy haiko ny tsy hisaotra ny vahoaka Malagasy izay fantatro, fa mbola maro dia maro ny mbola mijery antsika amin'izao fotoana izao satria liana tokoa izy ireo te-hahalala ny zavamisy eto amin'ny firenena, indrindra ny fihaonana toy itony izay zavatra tsy ataontsika isan'andro.

Raha te-handravona ny resaka nifanaovantsika teto ny tenako ka misy teboka vitsivitsy mba mametraka izay azo eritreretina fa tokony ho lalan-kaleha hitondrana ny firenena ao anatin'izao ezaka iombonantsika izao.

Voalohany indrindra, manamafy ny voalazantsika fa mbola ao anatin'ny ady atao amin'ny valan'aretina "Coronavirus" isika izao. Mamerina hatrany ny Governemanta, isika rehetra rehetra ato amin'ny Andrimpanjakana toy itony, amin'ny firaisankina tsara sy mavitrika amin'izay fientanantsika satria misy tokoa ny fifamenoana eo amintsika rehetra.

Solombavambahoaka ianareo, mitondra ny hevitra rehetra mahaso. Mbola misy eto amin'ny firenentsika ny Faritra izay miaina ao anatin'izany "Coronavirus" izany.

Marina fa efa miezaka isika ny hamehy tanteraka ny valan'aretina ary ny Filohan'ny Repoblika, efa fantatrareo tsara, fa mitsinjo hatrany ny vahoaka Malagasy ary mitaona antsika hatrany mba hiady tanteraka amin'izany valan'aretina izany. Fantantsika ny fiatraikan'izany teo amin'ny toekarentsika, teo amin'ny sosialim-bahoaka ihany koa, teo amin'ny tontolo iainana misy antsika; ka izay no antony anentanako antsika hatrany ao anatin'izany ny vahoaka Malagasy, mba hanaja hatrany araka izay azo atao ny fepetra fototra mba hahafahantsika hiatrika faran'ny taona ao anaty fitoniana sy filaminana aratsaina.

Eto aho dia misarika ny tomponandraikitra maro izay manana adidy amin'ny fampiarana ireny fepetra ireny, hanohy hatrany ny ezaka ataontsika mba ahafahantsika tsy ho latsaka ohatran'ny firenena maro maneran-tany ireny izay mbola miaina tanteraka ao anatin'izany tebitebin'ny valan'aretina izany "coronavirus" izany.

Ny teboka faharoa, mikasika ny sosialim-bahoaka. Voalaza ombieny ombieny fa miezaka hatrany ny fitondram-panjakana amin'izay tokony hahafahantsika mifehy ny vidin'ny entana, indrindra ny vary. Ezaka atao hitsinjovana ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana hidirantsika amin'ny faran'ny taona izao izany. Mila fifandraisana izany ary mila fifamenoana ihany koa.

Ny tompon'andraikitra ara-panjakana isan-tsokajiny dia miezaka hatrany amin'izay tokony hataontsika, amin'izay fifandinihana maro tamin'ireo mpanatitra vary, ireo "grossiste", ireo "détaillant"; miezaka isika mba hisy filaminana ny tsenam-bary ary manao ezaka betsaka ny fitondram-panjakana mba hahafahantsika mifehy ny vidim-bary sy ny vidin'entana rehetra.

Eo amin'izany sosialim-bahoaka izany koa no iresahako manokana mikasika ny lavanila. Ho valin'izany, Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fitondram-panjakana dia mitsinjo tokoa io seha-piharian'ny lavanila io. Eran-tany dia mihena ny filany satria hitantsika ny tsena rehetra dia mikatona avokoa na any "Etats Unis" izany na any Eoropa. Rehefa mikatona ny tsena, tsy mahazo mivarotra, mikatona ny "supermarché" sns... Misy fiantraikany izany, Tompokolahy sy Tompokovavy, amin'ny fanafaran-dry zareo ny akora ampiasaina izay ahodina amin'ireny zavatra amidy amin'ny tsena ireny.

Izany no antony nahatonga antsika nametraka ny vidiny farafahakeliny, miala tsiny miala, miala salohy fito amintsika ny tenako, fa raha sanatrian'ny vava ka io "prix plancher" io na io "prix de référence" io no mbola sokafantsika; eto aho no miteny amintsika fa rahampitso, tsy ho 250 dolara intsony ny kilao, fa ho lasa 20 dolara na 50 dolara. Iza no hahita tombotsoa amin'izany. Tsy ny mpamokatra, tsy ny "préparateur", tsy ny vahoaka Malagasy, Tompokolahy sy Tompokovavy no hahita tombotsoa amin'izany ary izay no "signal" izay no asehonay eo amin'ny tsena iraisam-pirenena, fa tsy hiova ny vidin'ny lavanila. Miandriandry izao ny mpanafatra lavanila avy aty amintsika satria maheno feon-dakolosy samihafa ry zareo. Mety hesorina io ka tsy hivity izy.

Eto aho dia miteny amintsika ary mazava ny toromarika napetraky ny Filohan'ny Repoblika: ny fitsinjovana ny vahoaka Malagasy sy ny tantsaha mpamokatra. Faritra miisa sivy eto Madagasikara dia mamokatra lavanila ary eo amin'ny fiainany dia andrasana ny hanatsarana hatrany izany seha-pihariana izany. Mametraka tanjona isika amin'izay fifehezana izay, fa mijery hatrany ihany koa amin'ny ho tohin'ny ezaka sy ny lavitr'ezaka eo amin'izany seha-pihariana izany.

Ataoko fa tokony hitovy ny fijerintsika, ianareo Solombavambahoaka sy ny mpitondra fanjakana izany. Tanjona iray ihany no tanjontsika. Ny tanjontsika dia ny fahafahantsika mitazona ary manatsara ny vidin'ny lavanila avy eto amintsika. Sanatrian'ny vava ladian'ny lela, tsy ny fitotongan'ny vidin'ny lavanila no tanjona ary tsy misy olona mahazo tombotsoa amin'izany. Ho fiahiana ny vahoaka, ny asa rehetra izay ataon'ny fitondram-panjakana dia ny hirosoantsika amin'ny tsaratsara kokoa amin'izay sosialim-bahoaka izay.

Voaresaka teo koa ny vidin'ny solika. Ny tiako ambara amintsika dia tsotra: tamin'ny taona lasa, taona 2019, mihoatra ny 200 lavitrisa Ariary ny trosan'ny fanjakana tokony homena ireo mpandraharaha eo amin'ny solika. Izany 200 lavitrisa izany, Tompokolahy sy Tompokovavy, fanambin'ny fitondram-panjakana ny hampihena azy ary indrindra ny hanafoanana azy mihitsy aza.

Isika dia tsy mahita tombotsoa na dia kely aza amin'izay tsy tokony hidinanan'ny vidin-tsolika. Ny ezaka nataontsika tao anatin'izay fotoana nifampiresahana tamin-dry zareo mpandraharahan'ny solika teto anivon'ny firenentsika izay, tamin'ny volana Jona 2019 no nahafahantsika nijery hoe: ahoana no fampidinana azo atao amin'ny vidin-tsolika. Izay no nahafahantsika amin'izao fotoana izao nametraka ny "passif". Ny fanirantsika, mba ry zareo indray no mandoa vola amintsika fa tsy isika no mandoa vola any aminy.

Ny tiako ambara dia tsotra: ny zava-nisy, rehefa nampiakatra vidin-tsolika isika dia mikaikaika daholo ary mitondra fanakorontanana ara-tsaina eo amin'ny vahoaka Malagasy izany. Raha ohatra kosa ny fahafahantsika tsy hampidina na hampiakatra, ny fanirantsika dia rehefa afaka mampidina isika dia mampidina, fa raha ohatra kosa ny hampiakatra; tadidintsika tsara tamin'ny taona 2018 tamin'ny volana Septambra, tamin'ny volana Oktobra, volana Desambra, rehefa nampiakatra ny vidin'ny "gasoil" ho 50 Ariary isika, tonga dia manakorontana ny sain'ny vahoaka Malagasy izany.

Izay no tanjontsika, mba tsy hanakorontana ny tsena ary indrindra amin'ny fiakaran'ny vidin'ny solika rahampitso, raha ohatra ka izany no tanjona, mba hahafahantsika manalefaka hatrany ny vidim-piainana eto amintsika.

Anisan'ny zavatra naverimberina teo ny mikasika ny rano sy ny jiro. Ekena fa mbola misy zavatra tokony hahitsy amin'izany seha-pihariana ny rano sy ny jiro izany ary ekeko fa misy fiantraikany amin'ny fiainan'ny vahoaka Malagasy. Izay indrindra no nahatonga antsika tsy maintsy mijery ny vahaolana maika kanefa tsy maintsy mijery vahaolana somary antonin'ezaka ihany koa.

Voalaza teo ny mikasika an'Antananarivo, mamboatra "station" iray isika, fa tamin'ny am-polon-taonany maro isika no tsy nanao an'izany ary izay no mahatonga ny "déficit"-ntsika nahatratra 100 000m<sup>3</sup> isan'andro.

Efa am-polon-taonany maro isika no tsy nanao "station" vaovao hafa tao Mandrozeza. Manao isika amin'izao fotoana izao ary tsy ho ela intsony dia hiasa io "station" vaovao io ka 40 000m<sup>3</sup> isan'andro no havoakany.

Tsy vitan'izany, fa hametraka "station satellite" maromaro eto Antananarivo isika ary efa voalaza teo ny mikasika izany.

Ny "production"-n'ny "station" anankiray dia eo amin'ny 100 000m<sup>3</sup> isan'ora eo. Izany hoe, manomboka mahita vahaolana isika. Misy ny tokony hataontsika mba hifandrimbonana ary fantatro fa tsy maintsy mitondra vahaolana lavitr'ezaka ihany koa isika mikasika izany rano izany. Izay no tsy maintsy iaingantsika amin'ny tetikasa iarahana amin'ireo mpiaramiombon'antoka ireo mba hahafahana manatratra ny tanjona eo amin'ny famokarana rano. Tsy eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara ihany ny vahaolana hoentintsika. Voalaza teo fa Distrika miisa 60 any no hanaovana ezaka amin'izao fotoana izao momba ny fahazoana rano ary miezaka hitondra vahaolana maharitra amin'izany isika. Izany hoe, hisy fandinihana, hisy fanadihadiana hatao mba tsy hitovy amin'ny zavatra teo aloha intsony. Maimaika isika mitondra vahaolana, fa rehefa avy eo tsy tena vahaolana ary tsy ara-tsiantifika akory. Tena hitondra vahaolana maharitra isika, ka maro ny toerana hanaovana "forage"; maro koa ny "adduction" natomboka kanefa tsy vita. Mahita aho fa nisy zavatra tsy tomombana tao anatiny. Hiezaka isika mba manao zavatra manara-penitra, mba hisy fanadihadiana tsara alohan'ny hanombohantsika ny asa.

Hiteny ny momba ny any Atsimo mikasika ny rano aho satria voalazanareo teo ny olana amin'izany ary hatrehantsika daholo izany.

Marina tokoa fa ny firenentsika dia niatrika fanamby maro ary mitondra vahaolana amin'ny sosialim-bahoaka ny mpitondra, indrindra ny zavatra ilain'ny vahoaka izay laharam-pahamehana eo amin'ny fiainany.

Hiroso amin'ny fandaminana rehetra isika mba hahafahana mitondra vahaolana amin'ny resaka sakafo. Misy fandaminana manokana makasika an'izay, fa momba ny rano manokana dia efa misy ezaka efa natombotsika amin'ny fitondrana rano. Ny tena ezaka irosoantsika amin'izao fotoana izao dia ny fitondrana rano amin'ny fomba maharitra any amin'ny Faritr'Anosy sy ny Faritr'Androy satria matetika hadinontsika fa Amboasary dia mbola Faritr'Anosy ary miaina amin'ny tsy fahampian'ny rano sy ny kere ihany koa izy. Izay vahaolana maharitra lavitr'ezaka izay dia hapetraka ary hatombotsika amin'ny taona 2021, araka ny voalazan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika. Amin'izay fotoana izay, mba haharitra tsara ny fahafahantsika mitondra rano, mba hamokatra bebe kokoa iny Faritr'Androy iny.

Ataoko fa hisy fotoana hiverenana hanazavana amin'ny antsipiriany ny ezaka ataontsika mikasika izay vahaolana lavitr'ezaka any amin'ny Faritra Atsimon'ny Nosy izay.



Ao anatin'izay sosialim-bahoaka izay koa no iresahana ny momba ny fiaimpiainanan'ireo misehatra amin'ny fanabeazana.

Efa voalaza teo ny mpampianatra. Tsy miala andraikitra ny fitondram-panjakana, miatrika ny fanamby isika, mitondra vahaolana isika amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny hoe: tsy andoavam-bola ny fampidirana ny zaza Malagasy any amin'ny sehatry ny fampianarana.

Zava-dehibe loatra izay. Marina fa misy fiantraikany izany, hiezaka isika araka ny voalazako teo mba hitondra vahaolana, indrindra momba ny mpampianatra FRAM.

Miezaka ihany koa isika mba hanaja ny toromarika hapetraka. Tsotra ny toromarika hapetratsika dia tsotra: raha miteny isika fa manakaiky any amin'ny 60 000 ny mpampianatra FRAM izay tokony horaisina. Amin'ny fanampiana azy ireo, hiezaka koa isika hanaraka an'izay, fa tsy rahampitso mbola hampiantsika izany isa izany satria mbola ao ny fiofanana mbola harahan'izy ireo. Misy ny fandaminana maro isankarazany mba ahafahana mampiditra azy ireo tsikelikely ho mpiasa raikitra. Noho izany, mila manaraka tsara ny rindran-damina apetraka mba ahafahana mitondra vahaolana maharitra amin'ireo mpampianatra ireo.

Eo amin'ny fahasalamana manokana, efa voalaza teo koa ny ezaka nataontsika. Ny zavatra tiako singanina dia ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filohan'ny Repoblika hoe: ny "soin d'urgence", atao maimaimpoana. Izany hoe, ny olona tonga eny amin'ny hopitaly, satria tsy misy olona mieritreritra rehefa mivoaka ny trano amin'ny maraina dia hahazo aretina tampoka. Ny dikan'izay, tsy miomana amin'izay fidirana "soin d'urgence" izay ny olona. Tsy any amin'ny CHU ihany, fa na any amin'ny CHRR ihany koa. Izany hoe, ny hopitalin'ny Faritra na Distrika dia nanomana tetibola isika; ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana, izay mbola tsy vita ny fandinihana azy teto anivon'ireo Parlemanta. Hapetraka ao fa maimaimpoana ny "soin d'urgence" eto amin'ny firenentsika.

Zava-dehibe loatra izany ary dingana iray mba ahafahana manasoana ny vahoaka Malagasy amin'ny fitsaboana azy izany. Ao antin'izay ezaka izay no ampisongadinantsika fa misy ny firaisankinam-pirenena amin'ny fitsinjovana hatrany ny sosialim-bahoaka.

Ny teboka fahatelo, momba ny fandriampahalemana sy filaminana.

Voalazanareo teo fa misy ny fanamby tsy maintsy tohizantsika. Mahatsapa ihany koa ianareo any amin'ny Faritra sasantsasany fa mihena tokoa ny asan-jiolahy sy ny asan-dahalo. Marina daholo izany ary ekena fa miainga avy lavitra isika tamin'izany tsy fandriampahalemana izany raha teto amin'ity firenentsika ity. Fantatsika tsara fa raha hiresaka momba ny tsy fandriampahalemana izany isika, mety izao maraina izao vao vita. Ny tiako ambara, nametraka teti-panorina vaovao isika. Izany teti-panorina izany dia miditra amin'ny zavatra maromaro.

Voalohany, mila fasahiana ny fitondram-panjakana hiatrehana izany fanamby izany. Manana ny fahasahiany izao fitondram-panjakana izao hiatrika ny tsy filaminana sy ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Izany no nidirantsika tany amin'ny Faritra maro. Raha ny Faritr'i Betsiboka manokana dia i Tsaratanana; ny Faritra Matsiatra Ambony, tany Isandra sy ny toerana maro izay tsy maintsy novakiansika. Tao anatin'ny fahavononana tanteraka no nametrahana ny paikady mba hamerenantsika ny filaminana eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Faharoa, tsy maintsy jerentsika koa ny fitaovana rehetra eto am-pelan-tànantsika. Ny fitaovana tiako resahina amin'izany, fantatsika fa ny mpitandrofilaminana dia fitaovana; izay no ahafahana mamerina ny filaminana sy fandriampahalemana eto amintsika.

Nanao fanitsiana teo anivon'ny Tafika Malagasy, teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena, teo anivon'ny Polisim-pirenena isika. Ny fanitsiana ny rafitra dia mila fotoana kanefa nanana finjavana sy ny fandavan-tena isika nametraka izany fanitsiana ny rafitra izany satria tsy mifanentana amin'ny fanamby misy amin'izao fotoana izao ny rafitra misy. Rafitra efa tsy mifanentana intsony amin'ny ambana misy amin'izao fotoana izao no misy ka izay no tsy maintsy anitsiana azy. Hitantsika teo anivon'ny Polisim-pirenena izany, napetraka ny "Direction Régionale" isaky ny Faritra raha isaky ny Faritany izany taloha. Manakaiky ny vahoaka Malagasy ny fibaikoana eo anivon'ny Polisim-pirenena raha izay no ilazana azy.

Natao koa izany teo anivon'ny Zandarimariam-pirenena, efa manomboka apetraka ny CSAO "Centre Spécial d'Aguerissement Opérationnel". Hiditra tsikelikeky any amin'ny Kaominina koa isika, ka hametraka "brigade", any amin'ny Distrika kosa hametraka "compagnie", isaky ny Faritra indray, "groupement" no hatao any ary isaky ny Faritany, "circonscription" no any.

Rehefa mamerina an'ireny isika, mametraka fampirisihana isika satria ambana samihafa no atrehintsika amin'izao fotoana izao. Matoa isika nametraka "brigade routière spéciale" eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena amin'izao fotoana izao dia noho ny fahitana fa betsaka loatra ny tsy fisian'ny fandriampahalemana eny amin'ny lalam-pirenena.

Izany rehetra izany no resahana amintsika dia manitsy ny rafitra isika ary mitondra paikady mifanentana amin'ny ambana misy.

Ohatran'izany, araka ny voalazan'Andriamatoa Ministry ny Fiarovam-pirenena teo, mikasika ny Tafika Malagasy.

Nametraka «zone» vaovao isika; izany hoe faritry ny fandriampahalemana, fari-piarovana ho an'ny fandriampahalemana. Izany hoe "zone de défense et de sécurité". Fantatsika fa ny «région militaire» dia tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy. Manitsy isika mba hisian'ny faritra maromaro eto amintsika. Tsy vitan'izay fotsiny, fa nametraka ny «délégation militaire régional» isika. Izany hoe, isaky ny Faritra dia hisy solotena mpanapakevitra manampy ny fandinihana sy ny fomba ahafahantsika manao ny «intervention» any amin'ny Faritra.

Izany rehetra izany no mitondra antsika tsikelikely mametraka ny rafitra eo anivon'ny Tafika Malagasy mba hifanentana bebe kokoa amin'ny ambana isan-karazany misy mba hahatratratsika ny tanjona amin'ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana sy ny fandaminana eto amin'ny tany sy ny firenena.

Ny tiana ambara dia manao ezaka amin'ny fampitaovana ny mpitandrofilamainana isika; manao ezaka amin'ny fampitomboana ny isany; manao ezaka mametraka ny rafitra ahafahana mandrindra ny asa ataontsika isika.

Eto aho dia manamafy ny voalazako teo, fa hisy ny hetsika manokana hatao eran'i Madagasikara amin'ny toerana ahitana fa misy tandrevaka sy tsy fahatomombanana; mba hanitsy an'izany isika ary mba hitondra vahaolana amin'izao faran'ny taona sy amin'ny taona vaovao izao.

Teboka fahaefatra, mikasika ny lalana.

Ataoko fa efa voalaza teo ny ezaka ataontsika. Ny tiana ambara, ny firenentsika dia ao anatin'ny filana tanteraka amin'izany fanamboaran-dalana izany. Tsy mora ny manomana ny ezaka rehetra. Mila fandinihana, mila fifampiresahana amin'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika izany. Manana ny fahavononany ny fitondrana Malagasy amin'ny ezaka tokony hatao satria tena laharam-pahameana tokoa ny fananantsika fotodrafitrasa fototra mba hahafahana manatsara ny fiampiainan'ny vahoaka Malagasy sy ny fampandrosoana ny firenena.

Betsaka ny efa voalaza teo, fa ny tiana holazaina dia ny fanamafisana fa laharam-pahamehana ny fanamboaran-dalana eto amin'ny tany sy ny fanjakana. Izany no antony mahatonga antsika manao ezaka maro miaraka amin'ny Governora rehetra, izay tsy vitan'ny fanjakana foibe dia mba raisin'ireo tomponandraikitra any amin'ny Faritra ny adidy sy ny andraikitra amin'izany ezaka izany.

Eo amin'ny lafiny ara-toekarena, ataoko fa efa voalaza teo saingy teboka vitsivitsy no holazaina.

Mamaramparana isika amin'izao fotoana izao amin'ny fandrafetana ny zavatra efa natomboka tamin'ny taona 2019 dia ny drafi-pirenena hitondrantsika ny firenena nanomboka tamin'ny taona 2019 ka hatramin'ny taona 2023 na ny "Plan Emergence Madagascar".

Efa natomboka ny fanatanterahana izany satria ny "Plan Emergence Madagascar" dia drafi-pirenena sy drafi-pivoarana miainga avy amin'ny "Initiative Emergence Madagascar" na ny IEM ary navadika ho Politika Ankapobean'ny Fanjakana ary nentina teto anivon'ny Antenimierampirenena tamin'ny taona 2019. Izany no niaingantsika, nametrahana ireo fanamby isan-karazany, ny fotodrafitrasa, ny sekoly, ny hopitaly manara-penitra, ny asa momba ny rano, ny toby fiantsonana maro, ny fanamboarana kianja maro ho famerenantsika ny hambopom-pirenena amin'ny lafiny fanatanjahantena sy kolotsaina sns... Zavatra miainga amin'ny hambopom-pirenena no tanterahantsika amin'ny politikampirenena izay apetratsika ho drafitra hampandrosoana amin'izao fotoana izao. Koa mino sy manantena isika, fa tsy ho ela intsony dia ho fantatry ny vahoaka Malagasy amin'ny alalan'ny Filohan'ny Repoblika ny ezaka hametrahantsika na ny IEM na ny "Plan Emergence de Madagascar".

Tsy iverenako ny mikasika ny antontan'isa amin'ny fiakaran'ny harin-karem-pirenena. Tsy misy hahita tombotsoa handaiga hoe: maninona no 4% na 4,4% no fiakaran'ny harin-karim-pirenena amin'ny taona ho avy.

Ny zavatra irintsika, Tompokolahy sy Tompokovavy dia ny tsy hisian'ny fiantraikan'ny valan'aretina vaovao na andiany faharoa eto amintsika.

Ny tanjona dia ny fahafahana mampandroso ny firenena ary hitondra ainga vao ho antsika amin'ny taona 2021 mitsidika io. Betsaka ny zavatra efa vitantsika na tao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana aza. Matoa isika anio afaka miteny hoe: vita izao na vita izao dia noho ny ezaka nataontsika, indrindra tsy natory andro tsy natory alina ny Governemanta, fa niasa hatrany. Tsy voatery noresahana izany rehetra izany. Matoa manao fitokanana isika ary betsaka ny zavatra tokony hotokanana kanefa tsy maharaka mihitsy ny Filohampirenena satria marobe koa ny adidy sy andraikitra miandry azy.

Tsy misy zavatra milatsaka avy any an-danitra, Tompokolahy sy Tompokovavy, fa nisy ezaka natao tao ambadikan'izany rehetra izany. Isaorako etoana ny mpikambana eo anivon'ny Governemanta satria tao anatin'ny fotoan-tsarotra, mety tsy fantatsika izany, fa niasa hatrany izy ireo ary nitondra ny fahaizany sy ny fitiavany ny firenena nentina niatrika ireny fanamby maro teto amin'ny tany sy ny fanjakana ireny.

Tsotra no tiana ambara ao ambadik'izany: ny fahafahana miezaka mba hifehy ny toekarentsika dia ananan'ny fitondram-panjakana ary manainga anareo Solombavambahoaka ny Governemanta mba hifanome tana satria tsy misy hahita tombotsoa raha ohatra hitotongana ny vola Malagasy.

Tao anatin'izao fotoana izao, raha jerentsika ireo firenena matanjaka; misy firenena misandratra ka nahatratra tany amin'ny 10, 15, 20, 25% ny fitotongan'ny sandam-bolany raha oharina amin'ny vola Dolara, raha oharina amin'ny vola "Euro"; ny antsika anefa, eo amin'ny 4% ihany. Hitantsika fa mamerina tsikelikely ny sandam-bolantsika isika. Azo lazaiana fa ambany izany 4% izany raha jerentsika ny salanisa tao anatin'izay fotoana izay. Tsy ny sandam-bola mihitsy no olana, miezaka isika ary izany no mahatonga antsika amin'izao fotoana izao, izay sambany tamin'ny tantaran'ny firenentsika, no nanomboka nivity volamena ny Banky Foibe.

Fanamby iray lehibe izay. Taiza tamin'ny tantaran'ny firenena tao anatin'ny 60 taona, Tompokolahy sy Tompokovavy, no mba nisy Banky Foiben'i Madagasikara nivity volamena kanefa isika rehetra samy miteny hoe: maninona i Madagasikara no mahantra. Mahantra isika satria ny fananantsika viraviran'ny olona ary tsy mipetraka eto amintsika izany, tsy mitoetra eto amintsika ny fahafahana manodina ny fananantsika ho fananan'ny vahoaka Malagasy.

Sambany tamin'ny tantaran'ny firenentsika, Tompokolahy sy Tompokovavy, marina fa 250kg no hovidintsika alohan'ny faran'ny taona. Ny tanjona dia toy firenena rehetra, mba manana izany hoe "réserve d'or monétaire" izany isika.

Izay ihany, Tompokolahy sy Tompokovavy, no ahafahantsika mitazona ny sandam-bolantsika. Ahoana ny firenena izay tsy manana volamena no manana "réserve d'or monétaire" aman-taonina, fa isika manana volamena, tsy nanana an'izany.

Manao ezaka isika manomboka amin'izao fotoana izao ary ny irariantsika dia hatevenintsika hatrany izany ezaka izany. Izay no mahatonga ny Filohan'ny Repoblika mametraka mazava tsara ny hananantsika "réserve d'or monétaire" amin'izao fotoana izao ary ny fanirantsika raha napetraka ny "fonds souverain" izay nolazain'Andriamatoa Filohampirenena, hitantsika ao amin'ny tetibolam-panjakana koa fa manana an'izany "fonds souverain" izany ny firenena rehetra. Maninona isika Malagasy no mifampitsikera fotsiny eto kanefa mba hametraka zavatra ho an'ny taranaka sy ny fara mandimby isika. Jerentsika fa ny "fonds souverain"-n'ny Sinoa, any Etazonia no mampiasa azy, ny "fonds souverain"-n'ny Amerikana no ampiasain'ny firenena rehetra.

Isika Malagasy dia tokony hanana hambom-po ary tokony hisy ny fifankazoana satria izay no lalana ahafahana manatevina ny toekarentsika. Izany "fonds souverain" izany dia fananan'ny Malagasy, fananantsika vahoaka Malagasy izany ary ahafahantsika mametraka, manatevina sy manafaingana ny fampandrosoana eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Ny zavatra tiana horeshana amin'ny teboka fahaenina dia momba ny fitsinjaram-pahefana. Voalazantsika teo hoe aiza tokoa no hametrahantsika ny fitsinjaram-pahefana. Tsy mijanona fotsiny hoe mifampiresaka isika, ka rehefa tonga ny fotoana anaovana propagandy izay vao miresaka momba ny fitsinjaram-pahefana isika. Tsotra ny antony nametrahana ny Governora, Tompokolahy sy Tompokovavy ary tsy resaka very anjavony fotsiny izany. Foto-kevitra iray lehibe hampisehoantsika fa hanova ny tantaran'ny firenentsika isika, izay no nametrahana ny Governora.

Marina fa mbola misy ezaka tokony hatao amin'ny fifidianana isan-karazany eny anivon'ny Faritra, saingy tiantsika aseho fa azontsika atao amin'ny fanajantsika ny lalàna velona misy eto amintsika ny manome fahefana ny tomponandraikitra eny amin'ny Faritra. Finiavana politika izany fanomezantsika fahefana izany, Tompokolahy sy Tompokovavy.

Tamin'ny taona 1978 no nifampiresahana teto anivon'ny tany sy ny fanjakana hoe: avereno daholo ny lalàna velona tamin'izany fotoana izany. Amin'izao dia miroso amin'ny fanomezana ampahan'ny fahefana any amin'ny Faritra isika. Tsotra ny antony, raha tsy manome fahefana ny Faritra isika, tsy hotratratsika ny fampandrosoana izay tsapa fa tara eto amintsika. Betsaka ny zavatra tsy hitan'ny mpitondra aty amin'ny foibe amin'ny filan'ny vahoaka any ifotony. Izay no antony nanomezana fahefana ny Governora, Tompokolahy sy Tompokovavy. Entanintsika hiara-hiasa amin'ny tomponandraikitra na olom-boafidy na olom-boatendry izy ireo. Efa fitondrana vahaolana haingana amin'ny zavatra mety tsy ho vitantsika aty amin'ny fanjakana foibe izany.

Ny faharoa ao anatin'izay lalan-kevitra ametrana ny fitsinjaram-pahefana izay dia ny fanomezana tetibola ho azy ireo. Nonentsika vola iray miliara izy tamin'ny taona 2019, nonentsika tetibola 2 miliara Ariary amin'ny taona 2020 ity.

Ao anaty tetibola izay nankatoavinareo izany, mbola naverintsika indray koa ny 2 miliara Ariary, nomena fahafahana hampandroso any ifotony izy ireo.

Izany Tompokolahy sy Tompokovavy, no ezaka atao. Miandry isika ary ho tonga eto aminareo ny volavolan-dalàna momba ny politikam-pirenena na ny “politique nationale sur la décentralisation émergente”. Isika kosa tsy afaka miandry an'izay; maika isika mba hanatratrarana ny fahatarana tamin'ny fampandrosoana firenena. Izay no mahatonga antsika efa miditra amin'ny fitsinjaram-pahefana tena izy. Izay Tompokolahy sy Tompokovavy, no namahantsika ny olana napetrakareo teto anivon'ny Antenimierampirenena.

Raha niteny ianareo hoe: raha ohatra misy “circonscription” anankiray manana Solombavambahoaka roa, tokony samy hahazo 250 000 000 Ariary tsirairay. Efa nataontsika izany, Tompokolahy sy Tompokovavy ary ao anatin'izao tetibola vaovao izao. Izany hoe, raha misy “circonscription” iray ka manana Solombavambahoaka roa, mahazo 500 000 000 Ariary izany “circonscription” izany.

Zava-baovao ao anatin'ny lalan-kevity ny fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana izany ka anisan'ny antony nampiakarana ny vola homentsika ny Kaominina. Raha 15 000 000 Ariary izany, nampiakarintsika ho 25 000 000 Ariary. Zava-dehibe izany ary fantatsika fa mihoatra ny 1 600 ny Kaominina misy eto Madagasikara. Raha ataontsika kely ny kajy, inona no fiantraikan'izany amin'ny tetibolam-panjakana.

Ny ezaka rehetra atao dia hitondrantsika ny firenena mba hahatratrarana ny tanjona iombonantsika. Ny fahatratrarantsika haingana, ny fahafahantsika mampandroso ny firenena no tanjona.

Tsy vitan'izay koa, fa mbola nomensika fitaovana ny Faritra. Efa voalazantsika teo ny mikasika an'izany. Tsy hoe ampahan'ny fahefana ihany no ampitaintsika any amin'ny Faritra, fa ankoatry ny tetibola izay omentsika azy, homentsika fitaovana koa izy ireo mba hahafahany manao ny asa ho an'ny fotodrafitrasa iankinany. Izany no lalan-kevitra atao amin'izao fotoana izao. Hanomezantsika lanja izany fitsinjaram-pahefana izany no antony. Hiezaka hatrany isika hiresaka amin'ireny tomponandraikitra ireny mba ho tena fampandrosoana tokoa no hatao. Izany no ilana ny fanohizana ny fampiofanana azy ireny, indrindra ny fanaovana "contrôle" azy ireny satria ny volam-panjakana dia volam-bahoaka.

Ny teboka manaraka izay efa voalazan'Andriamatoa Minisitry ny Raharaham-bahiny teo, mikasika ny fiandrianam-pirenentsika.

Ataoko fa tsy azo sandaina na amin'ny inona na amin'ny inona ny fiandrianam-pirenentsika. Ataoko fa mazava tsara ny fomba fijerin'izao fitondram-panjakana izao ny fitakiansika ireo Nosy Malagasy manodidina antsika ireo. Tsy maintsy mitohy hatrany ny fandinihana ny ezaka atao amin'izany. Vao sambany tao anatin'ny taona maro, matetika hadinontsika izany, vao sambany no nanaiky ny fitondrana Frantsay, nanao sonia "procès verbal" nametrahana fa takiansika Malagasy ireo Nosy manodidina antsika ireo.

Midika izany, fa miroso hatrany isika ary ny fanaovana sonia tao Andafy Avaratra dia nanaiky ny Frantsay, fa notakian'i Madagasikara ireo Nosy ireo. Efa miroso amin'ny resaka tokony mbola hatao koa isika. Tokony hampitambatra ny hambom-pontsika Malagasy isika hiarovana ny fiandrianam-pirenentsika sy ny harem-pirenena amin'ireo Nosy ireo. Heveriko fa tsy izany no hoentina hanaovana politika hamakivakiana antsika Malagasy.

Ny fitondram-panjakana dia mametraka hatrany ny fifanakalozan-kevitra. Miroso amin'ny fitakiana isika ary tsy hihemotra amin'izany saingy mila ny fanohanana'ny Malagasy rehetra, ohatran'ny nataontsika tao anatin'izay fotoan-tsarotra izay, hiroso amin'ny fiadiantsika sy fitakiana ny Nosy malalantsika ireo isika.

Farany, tiako ny hisaotra anareo Antenimierampirenena satria nandalo fanindroany teto ny Sabotsy lasa teo ny famakiana ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2021. Mino sy manantena isika, fa hankatoavinareo tsy ho ela intsony izany volavolan-dalàna izany. Fantatrareo tsara fa io tetibola io no iankinan'ny fiainan'ny firenentsika. Io tetibola no ahafahantsika manohy ny ezaka satria efa natomboka hitondrana vahaolana maharitra amin'izao tranga maro misy eto amin'ny firenentsika izao, indrindra ny fanamby iombonana dia ny fampandrosoana ity firenena mamintsika ity.

Mankasitraka sy mankatelina, Ramatoa Filoha; ianareo Solombavambahoaka ao anatin'ny Vaomiera Maharitra; ianareo Solombavambahoaka rehetra ato anatin'ity toeram-piasana ity na ianareo efa matory any an-tranonareo amin'izao ora izao.

Ataoko fa zava-dehibe ny nihaonantsika teto, koa samia hotahian'Andriamanitra, Tompoko.

Nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, Ramatoa Filoha, tamin'ny fandravonana sy fanazavana tamin'ny Solombavambahoaka ny Politika Nasionalin'ny Fitondrana ankehitriny, taorian'izay.

Mbola nanan-kambara anefa, Ramatoa Filoha, ka toy izao izany:

Misaotra anao, Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny nanazavanao ny famehana amin'ny fanafainganana ny fampandrosoana, teo amin'ny fametrahana paikady mahomby sady vaovao mbola tsy niainan'ny firenena raha tsy amin'izao fotoanan'ny fitondran'Andriamatoa Filoha Andry RAJOELINA izao.

Deraina ny fahasahian'Andriamatoa Filoha, indrindra ny fiantsoroan'ny Governemanta ny finjavana politika, ny "politique de la décentralisation effective", ny fametrahana ny Governora izay mifameno amin'ny Solombavambahoaka satria hatrany ifotony ihany koa izany "institution" izany, koa heveriko fa zavatra roa mifameno fa tsy hifanipaka.

Izahay ato amin'ny Antenimierampirenena dia mahatsapa an'izay finjavana hametraka paikady vaovao izay ary izany no hirosoana amin'ny fandrosoana haingana sy tena izy.

Misaotra anao amin'ny fanazavana, Andriamatoa Praiminisitra. Misaotra tamin'ny "plaidoyer" nataonao ho an'ny hasin'ny Governemanta ary isaorana ny Filohan'ny Repoblika nametraka ny vina hampandrosoana ny firenena.

Ianao ihany angamba no tsy niteny hoe: mbola matoky anay ve ianareo Solombavambahoaka. Tsy hiteny an'izany akory ianao, fa ny fampandresen-dahatra nataonao teo angamba dia afaka manazava ny sain'ny Solombavambahoaka tsirairay avy amin'ny firafitry ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika izay eo an-dalam-pahombiazana tanteraka. Anjaran'ny Solombavambahoaka, anjaranay eto amin'ny Antenimierampirenena no mitsakotsako sy mandinika ny handravonana tanteraka izany politikam-pirenena izany. Tsy nisy hadino na tavela na iray aza ny fanazavana sy ny fametrahana an'izany politika momba fampandrosoana izany.

Koa alohan'ny hamaranana satria tsy misy manan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, fa raha mbola misy tsy mazava, azontsika atao ny manoratra amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny valiny mazava takiantika.

Vonona izahay, Andriamatoa Praiminisitra, amin'ny fiaraha-miasa amin'ny handaniana ny "Loi de Finances pour l'année 2021" izay nandalo teto aminay tokoa "pour 2<sup>ème</sup> lecture" ary nanipahan'ny Antenimierampirenena ny "amendement" nataon'ny "Sénat". Naverina any aminy izany ary voahaja ny dimy andro nomena azy.

Miandry izay hiverenany eto amin'ny Alakamisy 17 desambra 2020 mba hahafahana indray mijery azy, hanapahana hevitra farany raha toa samy hiziriziry amin'ny heviny. Ny "autorisation" no andrasan'ny Antenimierampirenena, hanome alalana ny Antenimierampirenena handray fanapahan-kevitra farany satria izany no voalazan'ny lalàna.

Misaotra ihany koa anareo Minisitra izay niezaka ny tsirairay avy nanome valin-teny tamin'ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nampahatsiahy Ramatoa Filoha, fa misy tolo-pehin-kevitra vaovao tonga mitondra ny laharana faha-10-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat Malgache et la société Ravinala Airports», atolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, sady Filohan'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro.

Nambarany, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hampidirana izany ao anaty fandaharam-potoana amin'izao fivoriana ara-potoana izao.

Nanolotra sosokevitra koa ny tenany fa hatao rahampitso maraina ny momba azy ity, saingy mbola tsy hanao ny asa ny vaomiera satria fantatra fa mila fotoana lavalava ny fanaovana ny famotorana. Tokony rahampitso amin'ny 9 ora, maraina, no hatao ny asam-baomiera sy hijerena ny vaomiera hanankinana ny asa. Hitondra sosokevitra ny «Commission Juridique» satria hisy Filoha hitarika an'io «commission d'enquête» io. Koa amin'ny 5 ora, hariva, no handray fanapahan-kevitra hoe : ankinina amin'ireo vaomiera ireo ve ny fanapahan-kevitra horaisina momba ny asa hataon'ny « Commission ».

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 26 no nanaiky, tsy nisy nitsipaka, Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hampidirina amin'ny lahadinika sy hojerena rahampitso ny momba ny «commission d'enquête parlementaire» izay hatsangana.

Rehefa izany, nofintininy ny fandaharam-potoana ka toy izao izany:

- Alarobia 16 Desambra 2020, amin'ny 9 ora, maraina, asam-baomiera momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-10-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat Malgache et la société Ravinala Airports»,
- Amin'ny 11 ora, maraina, fivorian'ny vaomiera itambarambe, arahin'ny fivoriambe mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2021 «portant code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale», atolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Nomarihany, fa hatao eny amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena-Tsimbazaza avokoa ireo fivoriana ireo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha sady nanentana ny Solombavambahoaka hamonjy an'ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 1 ora sy 10 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona